# *Fanontaniana Sy Valiny*

Ndao isika hijanona hitsangana vetivety fotsiny ho an'ny vavaka.

Andriamanitra malala, misaotra Anao izahay izao hariva izao ny amin'i, voalohany, ny amin'i Jesosy Kristy, Mpamonjy anay. Misaotra Anao izahay satria Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Misaotra Anao izahay ny amin'ny olona izay mino an'izany. Tena faly izahay fa manana Andriamanitra iray, tsy andriamanitra iray an'eritreritra fotsiny, sampy iray an'eritreritra, fanahy iray an'eritreritra; tsy misy na inona na inona an'eritreritra mikasika an'izany—Andriamanitra iray marina sy velona izay monina miaraka aminay sy ao anatinay ary miasa amin'ny alàlanay. Tsy manao sarivongana iray ho an'Andriamanitra, fa sary velona an'Andriamanitra izahay. . . Ny Fanahy Masina, tsy miteny amin'ny alàlan'ny sarivongana, fa miteny amin'ny alàlan'ny fanaka navotana iray—Andriamanitra voaseho ao amin'ny nofo. Toy ny ahoana no isaoranay Anao ny amin'ity, ilay Andry Afo lehibe manaraka anay, na izahay no manaraka Azy, raha ny marina, ary noho ireo fanehoana lehibe rehetra an'ilay Fanahy iray ihany manao an'ilay asa iray ihany izay Ataony foana rehefa tonga eto an-tany Izy. Fampiononana iray toy ny inona no omen'izany anay.

2 Mivory izahay izao hariva izao, Tompo, tsy ho an'ny tanjona hafa afa-tsy ny hahafantatra hoe ahoana sy hianatra hoe ahoana, amin'ny alàlan'ny Fanampianao, mba ho Kristiana tsaratsara kokoa sy lohahevitra mety kokoa ho an'ity ora izay antoninay ity. Tsy hanampy anay ve ianao, Tompo; mila Anao izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena. (Afaka mipetraka ianareo.)

3 Miaraka amin'ireo fanontaniana eo amin'ny telopolo na efapolo eo, izaho—tsy fantatro hoe ahoana no mba handraisako azy ireo. Niezaka mafy aho tamin'ity tolakandro ity mba hahita raha afaka hanena azy ireo ho ara-dalàna, saingy tsy nety vitako ilay izy. Fa tiako ny milaza fa hanao ny tena tsara indrindra izay vitako aho mba—mba hamaliana an'ireo fanontaniana ireo, satria fanontaniana mahafinaritra izy ireo, avy amin'ireo fon'ny Kristiana. Ary izaho—tiako tokoa ny hanao ny zavatra rehetra izay fantatro hamaliana azy ireo am-pahendrena mihitsy arak'izay fantatro hoe ahoana no hamaliana azy ireo. Ary izaho—te-hisaotra ny Tompo aho ny amin'ny hoe ahoana no Nanampiany aninkeo maraina tamin'ny nanampiana antsika mba—mba handraisana an'ireo fanontaniana ireo sy mba—sy mba—ireo valiny izay Nomeny antsika.

4 Ankehitriny, vao avy nahazo azy rehetra aho teto mifangaro, heveriko fa mihoatra ny dimampolo amby zato. Ary naka teo

amin'ny roapolo teo isika, heveriko, aninkeo maraina. Ary—ary noho izany ankehitriny, alohan'ny hanombohantsika, dia tiako fotsiny ny hilaza fa raha misy olona te-hahita an'ity lahatsoratra ity mikasika ny *A Church Rocks as the Drums Roll*, ilay mpitoriteny Presbyterana eto izay mitarika ny fiangonany ao amin'ny rock-and-roll, fandaharana iray ho an'ny—ho an'ny sakramenta . . . Mamelà ahy fotsiny hijery iray minitra fotsiny.

5 "Ireo mpikambana tanora dia mirona mankany amin'ny jazz—jazz. Ny fanehoam-piaretana dia miteny ny amin'ny fanohomboana ao amin'ny f-i-t-e-n-y moderina, rock-and-roll." Ilay pasitera eto dia mitarika an'ireo adolantsento rehetra any ary mandalo amin'ireo fiaretan'i Kristy, ny fanohomboana aseho ao amin'ny rock-and-roll sy jazz. Eny . . . Any Maryland izany. Ankehitriny, tsy zavatra iray ve izany?

6 Ary avy eo, ity ny sarin'ireo . . . Noteneniko taminareo aninkeo maraina ny amin'ireo Beatles, *Return of Beatles*, ary ity ireo lahatsoratra; tokony hamaky an'izany ao amin'ny magazina mihitsy ianareo sy ireo zavatra samihafa rehetra. " . . . araka ny naha-izy azy, dia nanorina fivavahana vaovao iray." Ankehitriny, ny mpitantana azy ireo . . . Manana naoty iray avy amin'ny gazety aho eto. Tsy manam-potoana ianareo . . . Raha misy olona te-hamaky azy ireto, na azoko apetraka eo amin'ny tabilaon'afisy izy ireo, amin'izay fotoana izay dia afaka mamaky azy ireo ianareo. Ary tiako fotsiny ny haneho aminareo fa manafintohina ilay ora izay iainantsika. Mety tsy azonareo izany, saingy, ry olona, miezaha hahazo an'izany, hoe inona ireo zavatra ireo! Nangataka an-dRahalahy Capps aho, manana fianarana tsara izy ary afaka mamaky tsaratsara kokoa noho izaho, nangataka azy aho hamaky an'ity lahatsoratra ity avy amin'ilay mpitantana ny Beatles. Afaka manao an'izany ve ianao, Rahalahy Capps, amin'izao fotoana izao?

7 [Milaza fa:]

> [Ny Beatles dia manontany mikasika ny tenan'izy ireo ary tsy misy valiny. "Tsy mampino ilay izy, tsy mampino tanteraka tokoa," hoy i Derek Taylor, mpiasan'ny gazety the Beatles. "Indro ireto zazalahy efatra avy any Liverpool ireto. Ratsy taiza izy ireo, ratsy toetra izy ireo, vetaveta izy ireo, ary nifehy an'izao tontolo izao izy ireo. Toy ny hoe nanorina fivavahana vaovao iray izy ireo. Tena anti-Kristy tanteraka izy ireo. Ny tiako lazaina, dia anti-Kristy ihany koa aho, saingy izy ireo dia tena anti-Kristy ka manafintohina ahy, izay tsy zavatra mora. Saingy variana amin'izy ireo aho. Tsy ny olona rehetra ve? Variana amin'ny fahitsim-pon'izy ireo aho. Ary ireo olona izay tia azy ireo indrindra no olona tokony ho tezitra indrindra. Any Aostralia, ohatra, isaky ny tonga eny amin'ny seranam-piaramanidina izahay, dia toy ny hoe i de Gaulle no midina, na mbola tsaratsara kokoa, ny Mesia. Voalahatra tsara

ireo làlana, nanipy ny tehiny ireo kilemaina, nirohotra nankeo amin'ny fiara ny olona marary toy ny hoe ny fikasihana iray avy amin'ireo zazalahy dia hahasalama azy ireo indray, nitsangana nandinika an'ireo zafikeliny ireo vehivavy antitra, ary raha nandalo izahay, dia afaka nahita ny endriky ny tarehin'izy ireo aho.]

["Ilay izy dia toy ny hoe mpamonjy iray no tonga ka faly sy maivamaivana daholo ireo olona ireo, toy ny hoe hihatsaratsara kokoa ny zavatra ankehitriny na manao ahoana na manao ahoana."]

[Niato i Taylor ary nametraka sigara iray teo am-bavany. "Ny zavatra tokana tavela ho an'ireo Beatles," hoy izy, "dia ny hanomboka dia fanasitranana iray."]

8 Tsy izany ve no Nolazainy? "Maro no hanatona Ahy amin'izany andro izany ka hanao hoe, 'Tompo, izaho ve tsy . . . ?'" Hitanareo? Ankehitriny, tsy afaka mahita ve ianareo fa tsy afaka mametraka ny fahatokianareo ao amin'ny asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana ianareo? Tsy afaka mametraka ny fahatokianareo ao amin'ny karazana famantarana tahaka an'izany ianareo. Ny zavatra tokana azonareo ametrahana ny fahatokianareo dia ny HOY NY TOMPO HOE avy ao amin'ny Baiboly. Ankehitriny, ry Fiangonana, eo marina tokoa no niezahako nihazona anareo, ry zanako. Ary raha misy zavatra mitranga amiko ka esorin'Andriamanitra hiala amin'ity tany ity aho, aza diso mihitsy ianareo. Tsarovy amin'ny fonareo rehetra ity: Mijanòna amin'ity Teny ity! Aza miala amin'ity Teny ity ianareo! Ny zavatra rehetra mifanohitra amin'Izany, avelao hipetraka tsara izany, tsy mampaninona na inona ilay izy. Noho izany dia fantatrareo fa marina Izany. Hitanareo?

9 Ny asam-pitoriana ho an'ny fanasitranana ankehitriny! Lehilahy mpanota izay nanafintohina ny mpitantana azy ireo mihitsy tamin'ny fahavetavetan'izy ireo, sy ny lotony, ary ny fahalotoany; nefa ny olona dia nanipy ny tehiny ary sitrana tamin'ny fijerena an'ireto zazalahy ireto. Tena fahalotoana izany, sy loto, ary antikristy! Hitanareo, Satana eo amin'ny asam-pitoriana maneso iray izany. Hitanareo? Manao an'izay rehetra azon'i Kristy atao izy, saingy tsy afaka manamarina ny Teny. Hitanareo? Handray ampahany amin'Izany eto izy ary ampahany amin'Izany eto, saingy tsy afaka mandray Azy rehetra. Hitanareo? Tsy afaka maka Azy miaraka izy. Noho izany dia hitanareo, tsy mahagaga raha nilaza ny Baiboly fa saika hamitaka an'ilay tena Voafidy izany raha azo natao: ilay fanahin'ny antikristy.

10 Ankehitriny, na dia ny mpitantana ny fanaovan-gazetin'izy ireo manokana aza eto, ny mpiasan'ny gazety, dia momba azy ireo izy, mino azy ireo, ary nilaza fa azon'ilay zavatra iray ihany izy, satria naharesy azy izy ireo.

11 Ireo zavatra ratsy, ireo. . . Ankehitriny, tsy hitanareo ve, ry vehivavy, hoe nahoana aho no miezaka miteny aminareo mikasika an'io fanaovana sorta io, fanapahana volo, manapaka, sy ny sisa. Fanahy iray izany. Fanahy iray izany! Eto ao amin'ny magazinintsika lehibe mihitsy izany sy ny zavatra rehetra aseho, ny rock-and-roll sy ny karazan-javatra ao anatin'ny fiangonana. Nahoana, fandrika iray marina tokoa izany an'i Satana, ary mbola fiangonana sy anaram-piangonana foana izy ireo.

12 Miverena amin'ny Teny, rankizy, haingana arak'izay fantatrareo; ary aza sahy miala amin'Izany! Mijanòna tsara amin'ity Teny ity.

Hitanareo, ahoana fa io fanahin'ny antikristy io, afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra izy, afaka maneho famantarana sy fahagagana; afaka manasitrana ny marary izy; afaka manao an'ireo zavatra rehetra ireo izy. Hitanareo? Mihevitra ireo olona ireo fa manatona an'Andriamanitra izy ireo, hoe ireo zazalahy ireo dia nirahin'Andriamanitra, satria nandà ny Teny ny fiangonana.

13 Mikambana amin'ny fiangonana ireo zazalahy ireo. Pentekotista iray i Elvis Presley. Fiangonan'i Kristy iray i Pat Boone. Jereo ireo zalahy ireo, Pentekotista, Fiangonan'i Kristy, ary ireo rehetra tahaka an'izany miaraka amin'ireo fanahy ratsy eo amin'izy ireo. Red Foley, feo volamena iray, Fiangonan'i Kristy, mihira an'ireo hira ara-pivavahana toy ny hoe tsy misy olona afaka mihira azy ireo ary rock-and-roll amin'ilay feo manaraka. Ny voany no ahafantaranareo azy ireo. Jereo hoe fiangonana inona no ikambanan'izy ireo. Elvis Presley dia mambran'ny Assemblées de Dieu. Eo ianareo izao, nila an'izany ny tsirairay avy tamin'izy ireo, dia nomen'i Satana azy ireo izany.

14 Tsy hitanareo ve, ry sakaiza, hoe ahoana. . . Aza mamotsotra amin'ity Teny ity. Hitanareo, fanahy iray izay tonga eo aminareo izany.

15 Ary miteny amin'ireto vehivavy ireto aho, rehefa manao ny tenany ho toy ny mampiseho vatana ao anatin'ireo akanjo ireo izy ireo, dia hanao anareo hamaly nohon'ny fijangajangana Andriamanitra. Raha mino ahy ho izay lazainareo ianareo hoe, mpanompon'Andriamanitra, mpaminany iray, dia henoy izay teneniko aminareo. Hitanareo? Mety tsy afaka hahazo an'izany ianareo, fa raha tsy afaka ianareo, dia ataovy fotsiny izay teneniko aminareo hatao. Hihazona ahy ho tompon'andraikitra amin'izay lazaiko Andriamanitra. Hitanareo? Henoy tsara mihitsy, ary tsarovy fa fanahy ireo zavatra ireo.

16 Amin'ny mahazatra, angamba ilay olona dia tsy. . . Tsaroanareo, *Andriamanitra voasarona hoditra*, izay notoriako vao tsy ela akory izay (hitanareo, hitanareo?), Andriamanitra miaraka amin'ny hoditra eo ambonin'izany? Ankehitriny,

tsarovy fotsiny, ny sasany amintsika dia nirahina ho eto amin'ity izao tontolo izao ity mba hiditra ao amin'ireo faritra ireo mba hiteny amintsika an'ireo zavatra ireo. Hitanareo? Ny fahalalana mialoha izany; Andriamanitra miteny izany, maneho. Rehefa mitsara zavatra araka ny nofo ianareo, nahoana, tsy manantsiny izy ireo (jereo eto), olona mahafinaritra, mahitsy fo, tsy hiteny lainga aminareo na inona na inona. Nefa ilay zavatra manontolo dia ny devoly. Fivavahana, manomboka asampitoriana an'ny fanasitranana mihitsy aza. Hitanareo? An'ny antikristy marina tokoa. Hitanareo? Ary misy Presbyterana sy io rehetra io. Hitanareo ve ireo anaram-piangonana ireo, ahoana no ataon'izy ireo, ao amin'ny zavatra iray ihany mihitsy?

17 Nahoana, teto tany Londres, Angletera, vao haingana mihitsy no nananan'izy ireo ekipa rock-and-roll iray mba haka tahaka an'i Kristy, sy Jodasy, sy io rehetra io, ary . . . Izy ireo dia niantso an'i Kristy hoe "Dada-o" ary niresaka tamin'ny rehetra an'ireo teny izay resahan'ireo ankizy adala ireo. Hitanareo? Ireo ankizy adolantsento no nifehy an'izao tontolo izao. Ankehitriny, fantatrareo fa ny Baiboly no milaza mialoha an'izany: Tsy misaotra, tsy masina, tsy manam-pitiavana, mpanontolo fo, mpanendrikendrika, tsy mankatò raiamandreny (hitanareo?), adolantsento mifehy an'izao tontolo izao, ary izany no manao an'ilay izy.

18 Nankany amin'ny toerana iray aho indray andro; izy ireo nilalao an'io, iray amin'ireo jukeboxes ratsy, maloto, io karazanjavatra rehetra io. Tsy te-hitondra ny fianakaviako akory aza aho. Hoy aho tamin'io ramatoa io hoe, "Ohatrinona ny vidin'ireo kapila ireo?"

"Folo cents ny iray."

"Firy no holalaoviny ao anatin'ny adiny iray?" Noteneniny tamiko. Hoy aho hoe, "Ity ny vola; endaho ilay izy!"

"Eny," hoy izy, "tsy afaka hanao an'izany aho. Tonga eto ireo ankizy hilalao an'izany."

19 Noho izany dia tsy afaka nandany vola aho teo; nandeha tany an-kafa tany ho any aho. Hitanareo? Eny, hanao anareo hikorontan-tsaina izany zavatra izany; tsy maintsy mandeha ianareo ary mitady andiana fampitoniana ho raisina rehefa avy mandre an'ilay karazana hadalana. Manorisory Kristiana iray fotsiny izany. Raha tia an'izany karazan-javatra izany ianareo, dia fantatrareo izay tsy mety aminareo? Mila ho voavonjy ianareo, satria izay ao anatinareo dia mivelona amin'ny zavatra iray ankoatry ny Teny. Izany dia mivelona . . .

20 Tsy afaka mieritreritra an'i Jesosy manao zavatra tahaka an'izany ianareo sa tsy izany? Azonareo eritreretina ve fa manao zavatra tahaka an'izany ny iray amin'ireo mpaminany? Tsy hitanareo ve, ry sakaiza, fa ilay zavatra manontolo rehetra dia ny devoly. Ary ny Baiboly dia nilaza hoe ahoana no

hahatongavany amin'ny endrika fivavahana ary hanao marina mihitsy tokoa tahaka an'i Kristy. Hitanareo? Fa ny fomba tokana hany hahafahanareo miteny an'izany, dia tsy ny mikambana amin'*ity* fiangonana ity, na mikambana amin'*itsy* fiangonana itsy, izany dia mijanona amin'ny Teny; Izy no Teny.

21 Ankehitriny, ny Tompo hitahy anareo tsirairay. Mandeha avy hatrany mankany amin'ireo fanontaniana isika. Ary ankehitriny, mandritry ny eo. . . hatramin'ny adiny iray sy dimy ambin'ny folo minitra. . . Tsy ho vitako ny hamaly an'ireto fanontaniana rehetra ireto. Misy antontany fotsiny izy ireo. Heveriko fa fanontaniana tsara izy ireo. Tena tsara izy ireo. Hanatsotra tànana fotsiny aho ary haka anankiray eto sy etsy arakaraky ny androsoako. Ary ankehitriny. . . mamaly an'izany. . .

Izaho dia. . . Nieritreritra aho izao hariva izao fa ho tonga fotsiny aho, hamela olona iray hamaky azy ireo, hanao hoe, "eny" na "tsia," "eny" na "tsia," eo. . . Tsy manao ny olona ho tsara izany. Nametraka an'ireo fanontaniana ireo izy ireo mba hanao azy ireo ho voavaly. Ary izaho—tsy hanao an'izany aho, satria haka an'izay vitako aho; ary izay tsy vitako dia, halaiko amin'ny fotoana manaraka andalovako.

22 Ary ankehitriny, izaho—izaho. . . Mikasika ny Alahady manaraka, tsy fantatro. Teneniko aminareo; raha hahazo an'i Billy ianareo indray andro any eo anelanelan'ny ankehitriny sy Alarobia. . . Mety tsy maintsy hiainga izahay.

23 Ankehitriny, ity misy zavatra iray. Tara be aho eo amin'ireo fifampiresahana. Naneho antontan'ny fifampiresahana iray i Billy tahaka an'*izao* ny haavony, izay efa niandry, ny sasany tamin'izy ireo, nandritra ny volana maro. Eny, raha mbola ato aho, dia tsy maintsy maka ny sasany amin'izy ireo, haka ny sasany amin'ny fivoriana, hanao ny zavatra rehetra izay vitako atao mba hampifandanjana an'izany. Hivavaka aho amin'ity herinandro ity raha lasa aho ka hangataka amin'ny Tompo hoe, "Inona no Tiany hataoko, hamarana an'ireto sa—sa haka an'ireo fifampiresahana?" Raha maka an'ireo fifampiresahana aho, amin'izay fotoana izay aho dia hanao fotsiny. . . tonga any an-trano ny Alahady ary hamita an'ireo fifampiresahana avy hatrany any ho any, ary hanohy mihitsy mandritry ny andro eo amin'ireo fifampiresahana. Ary raha tsy manao aho, nahoana, dia tsy maintsy hanemotra an'ireo fifampiresahana mandrapiveriko indray aho. Raha tsy manao aho, amin'izay fotoana izay aho dia hamaly. . . Izaho dia. . . Handefa karatra iray ho anareo i Billy.

24 Ary teneniko aminareo; mahafinaritra ilay izy, ireto ankizy malala ireto, ny miteny aminareo hoe ahoana fa mifankatia izy ireo, ilay fitiavana izay ananan'izy ireo ho an'ny iray hafa. Ny iray hiteny amin'ilay hafa ary ilay iray hafa hiteny amin'ilay iray. . . Miantso anankiray amin'ny fizarana iray fotsiny i Billy,

eo amin'ny dimampolo amby zato maily eo, ary ny sisa amin'izy ireo dia mifandray amin'ny sisa amin'izy ireo. Mifankatia izy ireo. Tsy te-ho diso na inona na inona izy ireo. Izy ireo dia manana. . . te-ho eto isa-minitra mba hahita an'izay miseho; satria raha tsy maintsy hanome zavatra ny Tompo, dia te-ho eto izy ireo handray an'izany. Ary mankasitraka azy ireo aho.

25 Tsarovy ankehitriny, ry sakaiza malala, nanao fanambarana iray aho aninkeo maraina mikasika ny sasany tamin'ireo fanontaniana. Ary voamariko fa ny sasany tamin'izy ireo (hia!) dia mbola, azoko aninkeo maraina, dia betsaka mikasika an'ireo olona mifindra any Arizona. Hitanareo? Nihevitra aho fa izaho dia. . . tsaratsara kokoa ny manao an'izany hazava, mba hahazoanareo.

26 Ankehitriny, aza—aza mihevitra fa izaho dia miezaka miteny amin'ny olona hoe aiza no azon'izy ireo ipetrahana, ary inona no azon'izy ireo atao, ary. . . Ankehitriny, tsy milaza an'izany aho, ry rahalahy malalako. Misy olona mahitsy fo izay te-hifindra any. Eny, ny olona rehetra izay te-hifindra, dia azoko fa izaho dia ho—ho faly, raha mbola any foana aho izay, raha mbola any aho. . . Saiky avo folo heny noho ny maha-ahy any no maha-eto ahy. Izaho dia manana. . . Teo anelanelan'ny ankehitriny sy ny Krismasy, dia manana efatra andro eo aho mba ho any. Avy eo aorian'izany avy hatrany, dia handeha any ampitandranomasina aho. Ho eto amin'ny tabernakla aho angamba roa na telo herinandro alohan'ny andehanako any ampitandranomasina ao amin'ny—ny fifohazana iray, araka ny ataoko mazàna amin'ity lohataona ity. Ary avy eo manomboka eo, dia manana fivoriana anankiray fotsiny aho any Arizona rehetra, ary izany dia manomboka amin'ny Janoary any Phoenix, hariva roa miaraka amin'ny Christian Business Men.

Hitanareo? Izaho tsy. . . raha ny olona *any*, am, afaka manajanona an'ity horonam-peo ity ve ianareo? [Nangataka Rahalahy Branham mba hamono ny fitaovana fandraisam-peo raha miresaka amin'ny fiangonana izy. Elanelana tsy voarakipeo—Mpand.]

27 Ankehitriny, raha manomboka eo amin'ireto fanontaniana ireto isika izao hariva izao, dia haka anankiray eto aho ary. . . Ankasitrahanareo ve izy ireo? Manaova hoe, "Amena." [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Heveriko fa mahasoa antsika izany amin'izao fotoana izao. Ary oh, mino aho fa tsy ho ela amin'ny. . . Nijery aninkeo maraina talohan'ny nahatongavana teto teo amin'ny sasany—lahateny sasany ary ireo toerana sasany ao amin'ny Baiboly, nieritreritra aho hoe, "Oh, ho zavatra mahafinaritra iray toy ny inona izany. . . Raha eo am-piandrasana ny Fihavian'ny Tompo isika, dia ho zavatra iray mahafinaritra toy ny inona ny miverina eo amin'ireo olon'ny Testamenta Taloha rehetra, amin'ny alàlan'i Joba sy manerana eo, ary manao andiana fivoriana mikasika azy ireo

(tsy hahafinaritra ve izany?), mba hanehoana aminareo fotsiny hoe ahoana fa manao tandindona an'ilay andro mihitsy izy ireo (mifatotra miaraka ny Teny manontolo), ary ny rehetra mikasika ny fandringanana an'ireo—sy ireo andro fahiny ary ahoana fa manao tandindona an'izao andro izao izy ireo; ahoana fa ny zavatra rehetra ao amin'ny Testamenta Taloha dia miresaka ny fihavian'ny Tompo Jesosy."

**279.** Ankehitriny, ny fanontaniana voalohany izay nosintoniko eto: **Rahalahy Branham, tsy mety ho an'ny Kristiana iray ve ny mametraka—ny mametraka fanolanam-bolo eo amin'ny volony? Izao koa, firy no tokony halavan'ny tànan'akanjony? Misaotra anao. Anabavy iray.**

28 Ankehitriny, izany dia...midika zavatra betsaka ho an'ity vehivavy ity. Ankehitriny, ho an'ny sasany amintsika rahalahy dia mety mieritreritra isika hoe, "Oh, ilay vehivavy adaladala." Fa—fa tsy adaladala izy amin'izany; te-hahafantatra izy.

Ankehitriny, mikasika ny fametrahana volo ao amin'ny inona ilay izy, rambon-kisoa na zavatra iray hafa? Miala tsiny aho. Izaho—izaho tsy...Izany...Miala tsiny aho. Fanolanam-bolo. Mamelà ahy. Fihazonam-bolo, rambon-kisoa! Izany no nampiasain'ireo zazavavy taloha taona maro lasa izay. Tsaroanareo, karazany...Sa tsy marina ve izany? Izy ireo dia niantso an'izany hoe rambon-kisoa, karazana fanolanana mihantona fotsiny? Tsia, fanolanam-bolo, mamelà ahy, ry sakaiza.

29 "Firy ny halavan'ny tànan'akanjo tokony hanaovany?" Izaho—tsy mihevitra aho fa misy zavatra mikasika an'izany. Tsy fantatro. Hitanareo? Izay tsy azoko tohanana miaraka amin'ny Baiboly, izaho—tsy te-hilaza betsaka mikasika an'izany aho.

30 Ankehitriny, miteny aminareo an'ity ho ahy fotsiny aho, satria tsy manana Soratra hanohanana an'ity. Ny zavatra tokana ananako ho an'ireo ramatoa mikasika ny volony dia ny tsy hanapahana azy. Ny fomba tian'izy ireo hanaovana azy, miankina amin'izy ireo izany. Ary ny mikasika an'ireo fanolanam-bolo, raha ny marina, tsy fantatro hoe inona izy ireo, raha tsy hoe ireo izay zavatra mitovy amin'ireo fihazonam-damba izay apetak'izy ireo amin'ny volony izany, dia saiky ny—ny zavatra tokana izay fantatro...

31 Ary ny halavan'ny tànan'akanjo, heveriko, amin'ny maha-Kristiana iray, dia Andriamanitra no hiteny aminareo an'izay tokony hatao mikasika an'ireo zavatra ireo. Hitanareo? Mino aho fa amin'ny maha-olona Kristiana iray ianareo dia—ho fantatrareo hoe ahoana no anaovana an'izany. Tsy mihevitra aho fa Andriamanitra dia manapaka halavana anankiray na inona ilay izy. Raha mbola mendrika sy mendri-kaja ary madio foana ianareo, izaho—heveriko fa mety tsara izany. Ary ianareo? Hitanareo? Ankehitriny, hevitro fotsiny izany. Ankehitriny,

izaho ity, hitanareo, satria tsy afaka manohana na inona na inona hafa miaraka amin'ny Soratra aho.

32 Mino aho fa aninkeo maraina no tonga ilay fanontaniana mikasika ny fandokoana ny volo, fantatrareo, miaraka amin'ny—miaraka amin'ny loko. Ankehitriny, izaho—izaho... izany...izaho—tsy afaka milaza na inona na inona mikasika an'izany aho. Tsy fantatro, fa izaho—izaho—izaho—tsy manana Soratra holazaina aho mba tsy—tsy handokoana ny volonareo. Ankehitriny, izany dia—izany dia...

Ianareo vehivavy, tianareo ny ho tsara tarehy, ary tokony ho tsara tarehy ianareo. Ary Rahalahy Branham dia tsy manohitra anareo zanaka. Zanako ianareo; izaho—izaho—tiako ianareo, ary izaho—tsy te-hivazavaza anareo aho. Izaho—tsy hanao an'izany ho an'ny inona na inona aho; miezaka manampy anareo fotsiny aho.

33 Fa ankehitriny, jereo, mamelà ahy hanontany fotsiny... Mamelà aho hilaza an'ity ho valin'io fanontaniana io. Ankehitriny, vonona ve ianareo? Ary ho anareo ao amin'ny horonam-peo, ity ilay izy, ranabavy: Raha misy fisalasalana ao anatin'ilay izy, dia aza atao ilay izy. Fa raha ianareo no—raha feno ny Fanahin'Andriamanitra ianareo ka voatarika hanao an'ilay izy, raha mbola tsy manelingelina ny Soratra foana ilay izy ary tsy manelingelina amin'ny fanontaniana iray, afa-po tanteraka ianareo fa izany no sitrapon'ny Tompo, amin'izay fotoana izay dia mandrosoa ary ataovy ilay izy (hitanareo?), satria tsy misy Soratra hilazana hoe "tsia" (hitanareo?) mikasika an'izany. Izaho tsy...Tsy milaza na inona na inona tahaka an'izany ao amin'ny Baiboly.

34 Fantatro ny Isaia 5, mino aho fa izay ilay izy, niresaka mikasika an'ireo vehivavy, ahoana no hanaovan'izy ireo fitafiana azo ovaina sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany; saingy fireharehana sy ny karazany izany, itafiana. Raha manao an'izany nohon'ny fireharehana ianareo, amin'izay fotoana izay dia ratsy ilay izy. Hitanareo? Diniho eo anatrehan'Andriamanitra ny fonareo. Raha tsy misy Soratra ho an'izany, ary ny fomba itarihan'ny Fanahy anareo, dia mandrosoa ary ataovy ilay izy. Fa ankehitriny, rehefa tonga eo amin'ny hoe tokony hanana volo lava ianareo na volo fohy, dia manàna volo lava; izany no Baiboly.

35 Misy fanontaniana iray eto; izaho—afaka hamaly azy aho izao ankehitriny izao. Ato izany; hitako ilay izy aninkeo maraina na fotoana iray. Hoy izy, "Mamerimberina foana mikasika an'ireo vehivavy ianao, hoe ahoana no tsy tokony hanaovan'izy ireo ny volony, nefa tsy miteny na inona na inona mihitsy mikasika an'ireo lehilahy."

36 Raha nahita lehilahy iray niditra tato aho niaraka tamin'ny volo lava nihantona tao an-damosiny tahaka ny vehivavy iray,

dia ho nilaza aho hoe, “Ramose, nahoana ianao no tsy mandeha any amin'ny mpanety? Mitovy amin'ny vehivavy iray ianao.” Hitanareo? Saingy mazàna dia tsy manao an'izany ireo lehilahy. Hitanareo? Tsy hoe satria lehilahy. . . Ankehitriny, tsy hoe ny tsy maha-mety diso ny lehilahy, fa meloka tahaka ny vehivavy mihitsy izy ireo.

Ary eo amin'izay ihany, ny lehilahy iray izay mamela ny vadiny hanao an'izany, dia meloka avo roa heny amin'izany izy, 'satria izy no natao ho ilay anankiray izay manana ny fahefana ao an-trano. Ary izany lehilahy izany dia tsy afaka hanapaka ny tranony manokana akory aza; ahoana no ahafahany hanao an'izany ao an-tranon'Andriamanitra? Hitanareo?

37 Tena mankasitraka ny vondron'ny vehivavintsika izay tonga eto aho. Milaza an'izany amin'ny fanajana sy fitiavana aho, ary ankehitriny, Andriamanitra no mahafantatra an'izany ho ny fahamarinana. Izaho—nanana sakaiza mpitory teny iray aho tany Atsimo taloha izay nanana ny iray tamin'ireo fiangonana madio indrindra izay hany hitako. Izay nahatongavan'ireo vehivavy, ireo vehivavy tsara tarehy indrindra izay hany hitako nipetraka tany tamim-pahamasinana, masina, niaraka tamin'ny volo lava. Ary tiako foana ny nandeha tany amin'io fiangonana io. Ary ny Tompo Jesosy dia nanome ahy fiangonana iray androany eto izay mihoatra zato maily an'io anankiray io: ireo vehivaviko.

38 Tsy mandevilevy anareo mba ho ratsy fanahy aho; tena faly fotsiny nohon'ny aminareo aho. Tsy tiako hametraka tongotra iray ato na aiza na aiza mihitsy i Satana. Hitanareo? Tiako ianareo handroso, fa tsy hihemotra. Aza mamela lehilahy hamitaka anareo amin'ny mosavy iray mihitsy, na zavatra hafa tahaka an'izany, na zavatra iray manao hoe, “Oh eny, ilay izy tsy. . .” Hitanareo? Izany no fomba nandikan'i Satana ny Teny tamin'i Eva. Hitanareo? Minoa fotsiny an'izay lazain'ny Teny. Eny àry.

**280. Tena maika. Rahalahy Branham, mahafantatra fa eo ampiafarana ny fotoana ary miditra ny mandrakizay, inona no ho toro-hevitrao ho an'ny olon-droa mikasa ny hivady?**

39 Mandrosoa avy hatrany ary mivadia. Hitanareo? Manohiza avy hatrany fotsiny toy ny hoe hiaina zato taona iray hafa eto antany ianareo. Manohiza fotsiny; tehirizo hitoetra eo amin'i Kristy ny fonareo, tsy eo amin'ireo zavatr'izao tontolo izao ny fonareo, fa eo amin'i Kristy. Hitanareo? Manohiza avy hatrany; mivadia, rankizy. Andriamanitra hitahy anareo ao amin'ny mariazinareo.

**281. Rahalahy Branham malala, natao batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy aho. Milaza ny Teny fa handray ny fanomezan'ny Fanahy Masina ianareo. Izany ve—midika an'ilay batisa ve izany, ny Fanahy Masina, sa midika ve izany fa tokony handray ny fanomezana aho. . . voafaritra. . . tokony**

**hahazo fahatsapana iray voafaritra amin'ilay batisa aho? Maniry mafy aho ny ho—ny ho feno ny—ny Fanahy. Azafady miala tsiny amin'ny naoty lava fa efa hatramin'ny ela aho no te-hametraka aminao an'ity fanontaniana ity. Misaotra anao.** Ary nanasonia ny anarany ilay olona. Olona any ivelan'ny tanàna izy ireo.

40 Ankehitriny, fanontaniana tsara iray izany. Ankehitriny, ny batisan'ny Fanahy Masina dia fahatsapana voafaritra iray izay tsy maintsy raisin'ny olona iray. Mamelà ahy hanazava kely an'izany mandritra ny iray minitra fotsiny. Hitanareo? Ankehitriny, maro ny olona manana an'ilay—ilay hevitra. . . Mino aho fa navadika ilay izy. Ary angamba ho an'ny fiangonana eto mihitsy sy ny fiangonana izay mihaino, dia mety hisy fanontaniana iray. Ankehitriny, rehefa miresaka aho ny amin'ny tsy finoana fa ny porofo voalohany an'ny Fanahy Masina dia miteny amin'ny fiteny tsy fantatra (Izaho—tena tsy manaiky an'izany aho) mino aho nohon'ny fanampian'Andriamanitra fa afaka manaporofo an'izany ao amin'ny Baiboly aho hoe diso izany (hitanareo?), satria ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia fanomezana iray an'ny Fanahy Masina. Firy no mahafantatra an'izany? Ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra dia fanomezana iray an'ny Fanahy Masina, ary eto dia ireo Beatles no manao an'izany. Hitanareo?

41 Afaka maka tahaka ny rehetra amin'ireo fanomezana ireo i Satana. Ireo mpamosavy, ireo mpanao majika dia afaka miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy mandika an'izany. Ny tany aty ala, matetika dia hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny mpanao majika iray, hisotro rà avy amin'ny karandohan'olombelona iray, ary mandika fiteny tsy fantatra.

42 Any Arizona rehefa manana an'ilay fetin'ny dihy fahiny an'ilay dihin-katsaka izy ireo, ireo Indiana dia mirakotra an'ireo bull snakes manodidina azy ireo rehefa miezaka mivavaka amin'Andriamanitra izy ireo mba handefa orana ho azy ireo ho an'ny katsany. Antsoin'izy ireo hoe dihin-katsaka izany. Alain'izy ireo ilay salohin-katsaka, ka apetrany manodidina azy ireo izany, ary manao rahona kely, dia mandihy izy ireo. Ary mivoaka ilay mpampianatra mpamosavy miaraka amin'ny tandroka eo amin'ny lohany, tandrok'ombilahy. Ary mandihy miaraka amin'ireo bull snakes manodidina azy izy ireo, ary ireo mpanao majika sy ny maro amin'ireo mpifoka pipa sy ny sisa manodidina an'ilay toerana. . . Tsy hamela lehilahy fotsy hoditra ho eo amin'ny manodidina izy ireo amin'io fotoana io, fa nandinika azy ireo tamin'ny alàlan'ny masolavitra aho, ary manana sakaiza Indiana izay nandeha nankany amin'ny dihin'izy ireo; ireo izay tsy Kristiana izany, mazava ho azy. Ary mandihy an'io dihin-katsaka io izy ireo mihazona an'ireo bibilava ireo. Ary nivoaka ilay mpanao majika, ary nitetika ny

tenany tamin’ny antsy, sy ny zavatra hafa rehetra, ary farany dia miditra ao amin’ny fanahy izy ireo, ary miteny amin’ny fiteny tsy fantatra ka mandika an’izany.

43 Izaho dia manana . . . afaka hitondra anareo ao anatin’ny adiny telo na efatra manomboka izao mihitsy aho, any amin’izay hametrahan’ny mpiantso fanahy iray pensily eo ambonin’ny latabatra, ary hiditra ao anatin’ny tsy fahatsiarovan-tena sy ireo karazan-javatra rehetra, ka hanofahofa ny tànany; ary hitsangana io pensily io dia hanoratra amin’ny fiteny tsy fantatra, ary hitsangana ilay mpanao majika ka hiteny aminareo an’izay lazainy.

44 Ankehitriny, tsy izany no porofon’ny Fanahy Masina. Hitanareo? Tsy afaka miantehitra amin’izany ianareo. Tsy afaka miantehitra amin’ny vokatry ny Fanahy ianareo, satria ny vokatry ny Fanahy voalohany dia fitiavana. Ary ny Siansa Kristiana dia maneho fitiavana betsaka kokoa noho ny olona rehetra izay fantatro, nefa mandà an’i Jesosy Kristy ho Andriamanitra mihitsy aza izy ireo. Hitanareo? Porofo anankiray an’ny Fanahy Masina ihany no fantatro, ary izany dia finoana tena izy ny Tenin’ny ora nampanantenaina!

45 Ankehitriny, tonga ireo Jiosy ireo; nanana fivavahana betsaka kokoa noho ny nananan’ireo mpianatra izy ireo. Izy ireo dia lehilahy voaofana ao amin’ny Soratra tsara kokoa noho ny mpianatra, satria mpanjono izy ireo, mpamory hetra, sy ny sisa. Ary nanana finoana marina sy finoana tena izy an’izay nataony izy ireo. Ankehitriny, henoy tsara ankehitriny; aza diso an’ity! Hitanareo? Rehefa tonga eo amin’ny hoe vokatry ny Fanahy, tsara fanahy sy malemy fanahy ilay izy, heveriko fa tsy nisy anankiray tamin’ireo mpisorona ireo tsy afaka nihoatra an’i Jesosy Kristy tao amin’izany. Nandeha nankany an-tempoly Izy, nandrandrana tady, nijery azy ireo tamim-pahatezerana, ary nanongana ny latabatr’izy ireo, ary nandroaka azy hiala tamin’ilay toerana. Marina ve izany? Nilaza ny Baiboly fa nijery azy ireo tamim-pahatezerana Izy. Nilaza an’izany ny Baiboly. Marina tokoa izany.

46 Noho izany dia hitanareo, ireo mpisorona ireo dia lehilahy malemy fanahy, mora fanahy, mahazo. Rehefa tonga eo amin’ireo vokatry ny Fanahy ilay izy, dia afaka naneho vokatry ny Fanahy betsaka kokoa noho izay hany vitan’i Jesosy izy ireo. Rehefa tonga eo amin’ny teolojia ilay izy, dia tsy fantatr’izy ireo . . . tsy manana sekoly iray izay Nivoahany. “Avy taiza io lehilahy io? Avy taiza izy? Inona no kara-piombonana ananany? Inona no rafi-pandaminana ikambanany? Tsy fantatray hoe avy taiza izy. Zalahy iray voaroaka tanteraka fotsiny izy izay teraka tamin’ny fahaterahana tsy ara-dalàna. Nahoana, afaka manetry azy eto izahay ao anatin’ny minitra vitsy ka haneho aminareo araka ny lalàna . . . ” Nanana zò hanao an’izay nataony izy ireo rehefa tonga amin’izany ilay izy. Nahoana? Satria tsy hitan’izy ireo

fa Izy io Tenin'ny ora nampanantenaina io. Ny fomba tokana nahafantaran'izy ireo an'izany, dia rehefa nanatanteraka ny Teny Jesosy tamin'ny nahafahana niteny tamin'izy ireo an'izay tao am-pon'izy ireo, izay efa nataon'izy ireo . . . Mpaminany iray araka ny Tenin'Andriamanitra Izy. Izay Nolazainy dia niseho, ny teny tsirairay, teny amin'ny teny.

47 Izy dia Mpaminanin'Andriamanitra, Mpanompo, Andriamanitra ilay Mpaminany. Tsy . . . Izany dia nisy—nisy—nisy tany aloha tany, ilay mpaminanin'Andriamanitra, fa ity dia Andriamanitra ilay Mpaminany, fa tsy ilay mpaminanin'Andriamanitra. Izany dia Malakia, Jeremia, sy Isaia, ary Elia, sy ny sisa, fa ity dia Andriamanitra ilay Mpaminany, fa tsy ilay mpaminanin'Andriamanitra. Azonareo ve ilay izy ankehitriny?

Ireo mpaminany rehetra izay naneho tandindona ny Fiainany tamin'ny ampahany, dia nanao ny anjarany, fa tao Aminy no nisy ny Fahafenoan'ireo mpaminany rehetra. Ireo mpaminany, tonga tamin'izy ireo ny Tenin'ny Tompo, ireo mpaminany, fa Ity dia ny Teny sy ny Mpaminany, ilay Olona iray ihany. Hitanareo?

48 Ankehitriny, ankehitriny, rehefa mandray an'i Kristy amin'ny fomba izay maha-izy Azy ny olona iray, dia tsy afaka manaiky an'izany ianareo ho toy ny . . . Hitanareo? Ankehitriny, hoy ny sasany amin'izy ireo hoe, "Eny, Loterana aho." Eny, tsy misy na inona na inona manohitra an'izany, fa tsy eo amin'izany no ihinanan'ireo Voromahery. Hitanareo? Hatreo ihany izany; izany no sakafo vaovao tamin'izany andro izany.

"Wesleyana aho." Mety tsara izany, fa miaina amin'ny lasa ianareo. Hitanareo?

Ankehitriny, hoy ireo olona ireo hoe, "Nahoana, manana an'i Abrahama ho rainay izahay."

Hoy ilay mpaminany hoe, "Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Hitanareo?

"Izahay mikambana amin'*ity*. Izahay mikambana amin'*itsy*."

Tsy nanana na inona na inona izany . . . Hoy izy hoe, "Ianareo taranaky ny menarana, iza no nampitandrina anareo handositra ny fahatezerana? Aza manomboka milaza hoe, 'Manana an'i Abrahama ho rainay izahay,' satria Andriamanitra dia mahay manangana zanaka ho an'i Abrahama avy amin'ireto vato ireto." Hitanareo?

49 Noho izany dia tsy nisy nidiran'ny teolojiana iray tsara hofana amin'izany. Tsy nisy nidiran'ny hoe mora fanahy sy malemy fanahy amin'izany. Inona no nampiavaka Azy? Izy no Teny tonga nofo, fa tsy Teny ho an'ny andron'i Mosesy, Mosesy

tamin'izany andro izany, no Teny; tsy ny Teny ho an'ny andron'i Noa, fa i Noa no Teny ho an'izany andro izany; tsy ny andro . . . ny Teny ho an'ny andron'i Elia, Elia io Teny io ho an'izany andro izany; fa Izy no Tenin'ny fotoana ankehitriny, fa izy ireo dia niaina tany aoriana.

50 Ilay zavatra iray ihany no miverina! Izany no porofon'ny Fanahy Masina, rehefa manambara aminareo Andriamanitra ka hitanareo izany, HOY NY TOMPO HOE ary manaiky an'izany. Tsy hoe inona ianareo, efa inona ianareo, na inona na inona mikasika an'izany, ilay izy dia izay nataon'Andriamanitra ho anareo ankehitriny. Izany ilay porofo.

51 Hoy Jesosy . . . Izy no manome antsika ny porofon'ny Fanahy Masina, Jaona 14. Hoy Izy hoe, "Manana zavatra maro holazaina aminareo Aho. Tsy manam-potoana hanaovana an'izany Aho, fa rehefa tonga ny Fanahy Masina, dia Izy no hiteny aminareo, hampahatsiahy anareo an'ireo zavatra izay Notezeniko taminareo, ary haneho aminareo koa an'ireo zavatra izay ho avy." Tsy hitanareo ve? Izany ilay porofo. Izany dia miteny mialoha ary dia . . . manana ny Fandikan'Andriamanitra ny Teny voasoratra. Ankehitriny, tsy izany ve no porofon'ny mpaminany iray?

52 Ny mpahita iray ao amin'ny Baiboly dia lehilahy iray izay afaka niteny mialoha ary tanteraka tokoa izany, marina tokoa, tsy nisy olona iray nametra-tànana teo aminy, fanomezam-pahasoavana iray izany. Ny mpaminany dia voafidy mialoha ary nateraka ho mpaminany. Hitanareo? Nandritra ny fiainana manontolo dia mpaminany iray izy, asa iray izany. Eo no misy ny olona . . .

53 Maro ireo fanontaniana eto eo amin'ny hoe: "Eny, ny Ampakarina ve . . . ?" "*Izany* ve . . . ?" "Ny fiangonana sy . . . " Hitanareo? Ianareo—tsy afaka manasaraka an'izay maha-izy azy ireo ianareo. Ny Ampakarina dia ilay Voafidin'Andriamanitra. Ny fiangonana dia mandalo . . . Izany dia ireo Voalaza hoe, "Na iza na iza maniry, aoka izy ho avy." Fa ny Ampakarina dia ilay Voafidin'Andriamanitra.

54 Misy asa dimy nofidian'Andriamanitra. "Fa Andriamanitra efa nametraka tao amin'ilay Fiangonana apostoly, mpaminany, mpampianatra, pasitera, evanjelista." Andriamanitra no nanao an'izany. Ny olona dia manana diakona sy ny sisa, sy ny zavatra hafa rehetra, fa hitanareo, fa Andriamanitra dia nametraka ao amin'ilay Fiangonana ho an'ny fahatanterahan'ilay Fiangonana; tsy afaka manasaraka an'izany ianareo.

55 Ankehitriny, ny Fanahy Masina, rehefa tonga Izy, dia vavolombelona iray ho anareo Izy (hitanareo?) hoe marina ity Teny ity, ny Teny ho an'izao andro izao, fa tsy ny Teny ho an'i Luther, ny Teny, tsy ho an'i Mosesy. Vavolombelona isika fa Izany no Fahamarinana, saingy andro hafa iray izany.

56 Ankehitriny, ahoana moa raha ho avy Jesosy ka hanao hoe, "Ankehitriny, tahaka ny nahatongavan'i Mosesy nitondra anareo rehetra nivoaka avy tany Egypta, no Nahatongavako hitondra anareo any an-kafa any ho any"? Ahoana moa raha hoy Izy hoe, "Ndao isika hiasa ka hanorina sambofiara iray. Izaho—Izaho no Tompo Andriamanitra, Izaho—hampitsingevana an'izao tontolo izao Aho ankehitriny. Handrendrika an'izao tontolo izao Aho, izy rehetra"? Nahoana, Izy dia ho tany ivelan'ny...Hitanareo, tsy nilaza mihitsy ny Soratra fa ho avy tahaka an'izany Izy. Hitanareo? Tsy ho ny Mesia Izy. Tsy mampaninona na firy ny sambofiara ho Naoriny, na inona na inona Nataony. Izy dia mbola tsy...Tsy ho voakilasy ho ny Mesia Izy. Haleloia! Eo ianareo izao! Fanakilasiany izany! Eny, tompoko!

57 Korintiana Voalohany 13 dia milaza an'izao: "Rehefa tonga ny tanteraka, dia ho foana izay sombintsombiny." Noho izany ireo zavatra kely rehetra ireo mikasika ny fitsambikinana ambony sy ambany tahaka ny ankizy iray, miezaka miresaka amin'ny fiteny tsy fantatra, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo, rehefa izay no tanteraka... Ary isika dia tena manana amin'izao andro izao, nohon'ny fanampian'Andriamanitra, ny fandikana tanteraka ny Teny miaraka amin'ny fanamarinana avy amin'Andriamanitra! Noho izany dia foana izay sombintsombiny. "Fony mbola zaza aho, dia niteny toy ny zaza, nahazo toy ny zaza; fa rehefa lasa lehilahy aho, dia nariako ireo zavatry ny fahazazana." Amena! Manomboka mitory aho ka tsy tonga eo amin'ireto zavatra ireto.

**282. Rahalahy Branham...**(Efa vitako ve ity? Efa niresaka ve aho mikasika ny batisan'ny Masina...Eny, izany no mikasika an'ilay izy, sa tsy izany? Eny àry. Mamelà ahy, raha tsy vitako ilay izy, dia mamelà ahy fotsiny. Izaho...Tena fanontaniana mahafinaritra izy ireto. Afaka mijanona mandritra ny alina iray manontolo fotsiny mihitsy ianareo amin'ny fanontaniana anankiray, rahalahy, nefa tsy hahakasika an'izany akory aza.) **Mankasitraka anao aho amin'ny mahampanompon'Andriamanitra iray, ilay mino...ary mino ny Hafatry ny Fahamarinana aho. Tsy hihaino ahy ny vadiko...milaza na inona na inona...milaza na inona na inona mikasika an'ity Hafatra ity, ary tsy hihaino horonam-peo. Ao anaty fikorontanan-tsaina koa aho eo amin'ny asako. Tiako mba hino koa ny vadiko ka hivavaka ho an'ireo zanako. Rahalahy Branham, te-ho sakaizan'Andriamanitra aho...Tiako ho hita ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra aho ho an'ny fiainako. Te-ho Mpanompony aho.** (Ary manao sonia ilay olona **"eo ambony."** Andraso iray minitra.) **Fony aho mbola kely, dia niteny tamin'ny olona rehetra aho fa te-ho mpitory**

**teny iray. Tsy fantatro izay tian'Andriamanitra hataoko. Vonona ny hanao na inona na inona ho an'ny Tompo aho. Raiso ny haja ao amin'ny Tompo.**

58 Ankehitriny, fanontaniana tsara iray. Ary tso-po ilay lehilahy. Ny vadiny, ny namany izay ampahany. . . Afaka manampy zavatra amin'ity ve aho eto? Ry rahalahiko, milaza an'izao amin'ny Anaran'ny Tompo aho. Indray andro any, raha sitraky ny Tompo, dia heveriko fa handroso fotsiny aho ary hanao an'io horonam-peo io mikasika ny *Fanambadiana sy Fisaraham-panambadiana* (hitanareo?), hitondra an'izany eto amin'ny tabernakla mihitsy. Raha mampisaraka izany, dia tsy maintsy hampisaraka fotsiny. Fa hoporofointsika fa izany no Tenin'ny Tompo.

59 Jereo, ry rahalahiko. Henoy ity. Fantatrareo ve fa imbetsaka ianareo no mahazo an'ilay namana tsy izy eto an-tany? Maso tsara tarehy volontany, na manga, na volondavenona mamitaka anareo hankany amin'ny toerana iray izay misy anareo—izay tsy tokony ho nohenoinareo. Lehilahy maro no mahalala an'izany.

60 Tokony hanatona an'ilay izy am-bavaka aloha ny lehilahy iray hanambady. Tsy tokony haka vehivavy iray ianareo satria hoe tsara tarehy ny ety ivelany, fa tsara tarehy ao anaty, anankiray izay ho reny iray ho an'ireo zanakareo.

61 Fantatro fa ho ratsy ho an'ny mpitoriteny iray ny hilaza an'izany eo amin'ny polipitra. Fa izaho taloha dia nandeha niaraka—niaraka tamin'ireo mpividy biby fiompy rehefa tany Andrefana. Nividy biby fiompy mpanome taranaka izahay, ary te-hanomboka fiompiana iray izy ireo. Ary nianatra zavatra betsaka aho tany izay. . . raha nahamarika an'ireo mpanao lavanty sy ireo zavatra izay nataon'izy ireo aho, ireo mpividy. Nandeha niaraka tamin'ny lehilahy antitra iray aho taloha, tonga teto am-piangonana niaraka tamiko, ary nitarika azy nankeo amin'i Kristy aho, tsy mahatoky tanteraka iray eo am-panombohana, Atoa. Jeverez. Maro aminareo no mahatsiaro azy, tompon'ny toeram-piompiana iray any Colorado. Nandeha izahay, ary niditra izy ireo tao. . . ombivavy iray.

Nahita zanak'omby kely mpanome taranaka iray aho indray andro namidy arivo sy iray alina dolara, zanak'omby kely iray fotsiny; mbola tsy niteraka mihitsy izy. Dia hoy aho. . . ary hoy i Jeff hoe, "Raha nanam-bola aho, dia ho napetrako tao amin'io zanak'omby io izany."

Dia nieritreritra aho hoe, "Ankehitriny, tompon'ny toeram-piompiana iray izy; azony ny raharahany." Hoy aho hoe, "Jeff, nahoana ianao no. . . Inona ilay fanakilasiana? Hereford iray izy. Ilay anankiray lafo telonjato dolara vao teo io, amiko, no toa zanak'omby iray goavana kokoa sy ny zavatra rehetra."

62 Hoy izy hoe, "Jereo, Billy, misy zavatra iray tena tsy azonao amin'ny fividianana biby fiompy." Hoy izy, "Heveriko fa tokony

hifikitra amin'ny fitorian-teny eny amin'ny làlanao ianao." Fa hoy izy, "Tsy azonao ny biby fiompy." Hoy izy hoe, "Ankehitriny, jereo io zanak'omby etsy io." Nandeha teo izahay. Hoy izy, "Hitanao ve io mangirana masiaka eo amin'ny masony io?"

Hoy aho hoe, "Hia."

Hoy izy, "Ireo zanany, sy ireo zafikeliny, ary ireo zafin'ny, zafin'ny, zafikeliny dia mbola hanana an'io mangirana masiaka io foana." Ary hoy izy, "Hampahantra ny tenany izy ireo. Tsy ho reny iray ho an'ireo zanak'ombiny mihitsy izy ireo." Ary hoy izy, "Tsy afaka hanatavy azy ireo mihitsy ianao; tsy hanao hen'omby mihitsy izy ireo." Hoy izy hoe, "Jereo ity zanak'omby kely lafo eto ity. Jereo hoe malemy fanahy toy ny ahoana izy. Jereo ilay fijery milamina eo amin'ny tarehiny, io endrika tsara fanahy io, tsy misy mangirana eo amin ny masony." Hoy izy, "Ho tena mama iray ho an'ny zanak'ombiny izy; ary ny zanak'ombin'ny zanak'ombiny, ary ny zanak'ombin'ny zanak'ombiny dia hitohy tahaka an'izany." Ary hoy izy, "Izy rehetra ireo dia ho mama, raha afaka mahazo an'ilay karazana ombilahy mpanome taranaka tsara ho an'io zanak'omby io izy ireo (hitanao?), dia izany no hanao an'ireo zanany. Fa io fijery mibanjina eo amin'ny tarehy io dia hanao andiam-biby fiompy mahantra iray foana, raha manandrana hividy biby fiompy ny lehilahy iray."

Hoy aho hoe, "Eny, tompoko! Misaotra anao."

63 Ary ampiharina amin'ireo vehivavy ilay zavatra iray ihany. Alaivo ny anankiray amin'ireo miloko tarehy sy mangira-maso ireo, mitovy amin'ny karazana biby iray, manandrana ny manova endrika ny tenany tsy ho olombelona iray, tsy hanao na inona na inona mihitsy izy. Hihazakazaka foana izy. Ary ny Kristianisma dia tsy ny hatsarana ivelany, ao anaty izany: miadana, milamina, mandravaka ny tenany amin'ny fanahy miadana, milamina, izay lafo vidy eo anatrehan'ny Tompo. Izany no tiantsika ho hita eo amin'ireo vehivavy, sy eo amin'ny lehilahy, ary na iza na iza izany. Ankehitriny . . .

**283. Ranadahy Branham: Fanontaniana: Tokony hanao firavaka tsotra ve ny vehivavy Kristiana iray, toy ny rojo na perla?**

64 Eny, Ranabavy, fantatro fa misy dikany betsaka aminao izany, ary midika betsaka ho ahy ny ametrahanao ny fahatokianao mba hitenenako aminao ny fahamarinana. Tsarovy ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Rehefa miravaka ianareo, dia aza miravaka amin'ny—miaraka amin'ny firavaka lafo vidy, sy perla, ary ireo karazana fanaovana firavaka rehetra, fa aoka izany ho firavaky ny fanahin'ny fiadanana, sy filaminana, sy fanahy malemy (izay vao notononiko), izay lafo vidy eo anatrehan'ny Tompo."

65 Ankehitriny, tsy ny tiako lazaina amin'izany, Ranabavy, hoe raha nanana firavaka apetaka iray ianao . . . Ankehitriny,

izaho ity fa tsy ny Tompo. Raha nanana firavaka apetaka iray izay tianao anaovana ianao, na rojo kely iray izay nomen'ny vadinao anao, na angamba ny. . . zavatra tahaka an'izany izay nanaovanao, ankehitriny, amiko, tsy mihevitra aho fa ratsy izany. Ankehitriny, izaho fotsiny izany. Tsarovy ankehitriny, manao ny tenako hazava aho; izany no hevitro. Saingy heveriko fa ilay izy dia ny fanatonana azy; ilay izy dia ny fomba anaovanao an'ilay izy. Hitanao? Ilay izy dia ilay antony ao ambadik'izany. Ary rehefa hitanao fa lasa mamikitra anao ilay izy, amin'izay fotoana izay dia avelao hipetraka tsara ilay zavatra. Fa heveriko fa raha nanao ny peratra mariazinao ianao. . .

66 Ankehitriny, fantatro fa ianareo vahoaka Nazareana, taloha ianareo dia tsy nanao batisa vehivavy iray manao peratra mariazy mihitsy aza. Hitanareo? Izaho—tsy mino aho, fa ilaina izany. Ao amin'ny Baiboly dia nanao peratra mariazy izy ireo, ilay izy dia takelaka iray fotsiny no niantsoan'izy ireo an'izany, manodidina ny lohany, vola madinika sivy no ao anatiny. Fa izaho. . . mba hanehoana fa nanambady izy ireo. Ankehitriny, heveriko fa mety tsara izany.

67 Raha te-hiakanjo ireo vehivavy ka—ka manao ny tenany ho mendrika, madio, mitovy amin'ny ramatoa, nahoana, heveriko fa tsy misy na inona na inona amin'izany, amiko. Fa rehefa manomboka mametraka an'io zavatra io ianareo mba hahatonga azy ho fireharehana kely, amin'izay fotoana izay dia diso ianareo. Ilay izy dia ny toetranareo.

68 Tsaroanareo vehivavy ve teto vao tsy ela akory izay fa izy ireo dia nanana an'izay nantsoin'izy ireo hoe "zipo manafintohina"? Heveriko fa miverina indray izy ireo, na miharatsy kokoa. Ho. . . Eny, izy ireo dia, "mahamenatra" ankehitriny, raha tokony ho, "manafintohina." Fa taloha izy ireo dia nanana famerenana iray vao tsy ela akory izay. . . Nalainy ireo zazavavy, ireo vehivavy tanora. . . Ary mazava ho azy, ireo antitra dia nanao an'izany koa, satria izy rehetra dia te-ho tanora. Tsy ianareo anabavy no tiako lazaina, ireo vehivavin'izao tontolo izao no tiako lazaina. Ary notapahan'izy ireo ny—ny zipony avo, saiky iray diantongotra ny haavony isaky ny mandeha, avy eo dia manao karazana fitafiana atin'akanjo iray toa tsara tarehy. Ary rehefa nanao dingana iray izy ireo, dia nampiseho an'io fitafiana atin'akanjo miaraka amin'ny dantelina io izany, ary haingo, na inona na inona teo aminy. Izay, fantatrareo. . .

69 Nisy za—zazavavy iray nanatona ahy, izay zazavavy Dunkard iray, vao avy nandray ny Fanahy Masina. Nikambana tamin'ny Assemblées de Dieu izy, ary tany Fort Wayne izany, Indiana, izay nanambadiako. Ary nanatona ahy izy, ramatoa kely iray mahafinaritra, ary hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho."

Hoy aho hoe, “Eny àry, Ranabavy, inona ilay izy?”

Hoy izy hoe, “Mihevitra ve ianao fa tsy mety ho an’ny zazavavy iray ny—zazavavy Kristiana iray ny manao ‘zipo manafintohina’ iray?”

Hoy aho hoe, “Ranabavy, izany no zavatra anankiray izay izaho—tsy mety azoko fotsiny. Inona ny ‘zipo manafintohina’ iray?” Dia noteneniny tamiko hoe inona ilay izy. Izaho . . .

Hoy izy hoe, “Mampiseho ny atin’akanjo izany.”

70 Hoy aho hoe, “Inona—inona no ao anatin’ireo vehivavy izay hanao azy ireo te-hampiseho ny atin’akanjony amin’ny lehilahy iray? Inona no . . . Inona—inona no tombony ananan’ny zazavavy Kristiana manao zavatra tahaka an’izany? Azonao eritreretina ve ny Kristiana iray?”

71 Ankehitriny, jereo, ny lehilahy iray, tsy misy zavatra betsaka aminy rehefa tonga eo amin’ny vatana iray ilay izy. Ary izy, raha nandeha nitanjaka tapany izy, izany dia—tsy hisy fahatafintohinana amin’izany. Tsy miaro ny lehilahy aho, fa izy ireo . . . Fantatrareo izany—karazana vehivavy inona no ho azon’ny lehilahy iray tsy manao lobaka sy manao sorta alaimpanahy na inona no ananany? Ilay zavatra antitra goavana toa matanjaka, ilay izy toa miroraka sy farofy, izaho . . . mahatsiravina. Jereo ireto lehilahy eto ireto . . . Eny, heveriko fa hanao vehivavy iray handò ny mijery zavatra tahaka an’izany. Raha nanana izy . . . Fa ankehitriny, alaivo ny vehivavy iray ka apetraho tahaka an’izany izy, tempoly hafa iray izany. Azonareo ve? Eny àry.

72 Fa heveriko raha ny amin’ny rojo iray, na . . . Ankehitriny, raha manavesatra ny tenanareo ianareo toy ny hoe nandeha nankany amin’ilay magazain’ny entana mora eto ianareo miaraka amin’ny andriamby iray eo aminareo, izaho—heveriko fa . . . Miala tsiny amin’izany, tsy tahaka an’izany no tiako nilazana azy, fa izany—ratsy izany.

73 Raha nisy zavatra nanodina ahy voalohany hanohitra ny . . . nahatonga ahy ho menatra an’i Amerika, dia . . . Tany Soisa aho indray andro, ary nahita toerana tsara iray teo akaikin’i Lausanne izaho sy Rahalahy Arganbright izay nahafahanay nahazo hena nendasina goavana, tsara, saiky *izao* ny hahagoavany, milanja saiky telo ampahefatry ny livatra, heveriko, eo amin’ny telopolo cents eo amin’ny vola Amerikana. Oh, niaina tahaka ny mpanjaka izahay! Isan’andro izahay dia nandeha tany. Ary izy rehetra ireo tany dia misotro divay, fantatrareo; tsy tsara ny ranon’izy ireo. Ary tsy te-hisotro an’io divay io aho, noho izany dia naka siny kely iray ho ahy aho avy tao amin’ilay . . . fivarotam-panafody nanana rano voadio. Ary nentiko io siny io na taiza na taiza nalehako. Ataoko fa nihevitra ny olona rehetra hoe, “Mitondra ny marikany manokana io zazalahy io.” Noho izany dia nohazoniko teny an-

tànako ilay izy. Nandeha nankany amin'io toerana teo io izahay izay misy ny rehetra—mivarotra an'ireo hena nendasina ireo, ary indray andro dia nandeha fiara i *Miss America*. Saiky Chevy modely '28, nanana alika kely teo ambonin'ny lohalika ary nitondra an'izany tao anatiny tao, ary nanana betsaka izy. . . Ireo vehivavy roa ireo dia nanana firavaka mora vidy betsaka, zavatra goavana, lava, sy kavina, ary mihantona midina, sy loko; ary dimampolo taona izy roa ireo, antitra tahaka ahy. Ary hihevitra ianareo fa te-ho dimy ambin'ny folo taona izy ireo. Fa inona no ezahan'izy ireo atao? Miezaka mitondra fiara eo amin'ny làlan'ny fiainana mijery fitaratra fijerena ny any aoriana izy ireo, mitodika mankany amin'izay naha-izy azy ireo taloha.

74 Ankehitriny, tsy manao an'izany ny Kristiana. Tsy miezaka ny ho tahaka ny naha-izy azy taloha ny Kristiana iray; tsy mijery an'izay nisy azy izy, mijery an'izay handehanany izy. Hitanareo, hitanareo? Aza miraharaha an'izay naha-izy anareo tamin'izany; efa niainanareo izany. Tsy hiverina amin'izany intsony ianareo; tany amin'ny lasa izany. Ary ny olona iray mitondra fiara eo amin'ny làlan'ny fiainana mijery fitaratra fijerena ny any aoriana dia ho rava; ary ho toy izany koa ianareo eo amin'ity làlan'ny Kristiana ity. Aza mitodika any amin'izay naha-izy anareo, jereo izay haha-izy anareo. Hoy i Paoly hoe, "Manadino an'ireo zavatra izay tany amin'ny lasa, mandroso mankany amin'ny mariky ny antso avo aho."

75 Ankehitriny, fa nahamenatra anareo izany. Nentin'izy ireo io alika kely, antitra maimbo io niditra tao ary napetrany teo ambonin'ny latabatra izy! Ankehitriny, mety hanao ny olona rehetra handò izany! Ary niadaladala tamin'io alika teo mihitsy, mametraka azy teo ambony teo tamin'ny tànany, ary avy eo dia nandeha nihinana niaraka tamin'izy ireo tamin'ireo tànana iray ihany! Ary nanatona teo ilay mpandroso sakafo, ary nibitsibitsika zavatra. Niaraka tamiko i Dr. Guggenbuhl; nanomboka nihomehy izy, ary nanodina ny lohany.

Hoy aho hoe, "Inona ny—inona no nolazainy?"

Hoy izy, "Hoy ilay mpandroso sakafo hoe, 'Esory io!'"

Hoy izy ireo hoe, "Tsia, Amerikana iray izy; avelao izy hipetraka tsara." Amin'ny teny hafa, "Tsy mahafantatra tsaratsara kokoa izy." Hitanareo?

76 Rehefa tonga tany Saint Angelo any Roma aho (ankehitriny, eritrereto ity), ao amin'ny Vatican any Roma, Italie, nanana takelaka iray izy ireo ao Saint Angelo hoe: "Ho an'ireo vehivavy Amerikana: Alohan'ny hidirana amin'ity fasana ambanin'ny tany ity, dia manaova akanjo azafady hanajana ny maty"; ilay fiangonana Katolika. Hitanareo?

**284.** Fanontaniana: **Rahalahy Branham, ho aiza ny Ampakarina rehefa mipoaka ny tany ary may? Ho ao amin'ny toerana**

**iray tahaka ny nisy an'ireo zanak'Isiraely tao Gosena ve Izy rehefa milatsaka ireo loza? Ho eto an-tany ve ny Ampakarina raha miseho izany? Raha eny, aiza? Ary ho eo amin'ny toerana anankiray ve ny Ampakarina rehetra amin'ny fotoan'ny Fampakarana?**

77 Ny Ampakarina, rehefa mipoaka ny tany. . .Ny fotoan'ny Fampakarana dia ho ny fifohazan'ny maty sy ny fanangonana ny velona, ho. . .miaraka amin'ny velona, mba hisehoan'ny Fampakarana. Ankehitriny, fa ny Ampakarina. . .Ankehitriny, hitanareo, ny iray amin'izy ireo dia Fampakarana amin'ity ilany eto ity alohan'ny Arivo taona. Ary rehefa may ny tany dia miverina eto aorian'ny Arivo taona sy aorian'ny Seza fiandrianana Fotsin'ny Fitsarana. Hitanareo? Hitoby eny amin'ny tavan'ny tany ireo Olo-masina rehefa tonga manodidina an'ilay Tanàna malala i Satana ary mandatsaka afo sy solifara avy any An-danitra Andriamanitra ka mandringana azy ireo. Eny àry. Ankehitriny, izany no Soratra.

**285. Izao koa, Rahalahy Branham, mino aho fa tokony hanaiky ny vadiny ny vehivavy. Fa raha manana vady mpanota ny vehivavy Kristiana iray izay tsy manao na dia amin'ny iray amin'ny fivorianao mihitsy aza. . .tonga amin'ny iray amin'ireo fivorianao ary tsy. . .ary mila ny vadiny hanao zavatra, hanapaka ny volony, hanao sorta, ary handeha ho any amin'ireo toerana tsy masina, tokony hanaiky an'io lehilahy io tahaka an'izany ve io vehivavy io? Azafady hazavao mazava kokoa izany, satria dia fanontaniana iray apetraka matetika izany.**

78 Tsia, Ranabavy, tsy manaiky olona tahaka an'izany ianao. Tsia tokoa. Noho izany antony izany no handaozanao ny zavatra rehetra ary hifikiranao amin'Andriamanitra. Ankehitriny, ilay zavatra. . .Raha tianao. . .te-hiaina miaraka aminao io lehilahy io, ary ianao dia. . .mijanòna ho Kristiana. . .Fa raha hanao anao hanao sorta izy, hanapaka ny volonao, ary hanao an'ireo zavatra hafa rehetra ireo, sy ireo toerana tsy masina, dia katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny Fahamarinany. Tsy voafatotry ny olona tahaka an'izany ianao. "Fa raha mbola," hoy ny Baiboly, "sitrany foana ary sitrany ny hiara-honina (tsaroanareo ve izany?), dia aoka izy ireo. . . "

Ary ankehitriny, ireto, tsy nandray naoty an'ireo Soratra aho, satria vao avy nalaiko izy ireto (hitanareo?) minitra vitsy lasa izay. Maka anankiray matetitetika aho ankehitriny fa tsy manam-potoana aho. . .

79 Fa nilaza i Paoly hoe raha mbola izy ireo. . .ny vady lahy tsy mino no manana tsy mino. . .na vady vavy mino sy ny sisa, aoka ilay vady vavy mino hitoetra amin'ny vady lahy mino, raha mbola tsy manohitra an'Andriamanitra foana izany ankehitriny. Raha sitrany ny honina miaraka aminy. . . "Mandrosoa, Malala,

raha te-handeha any am-piangonana ianao, dia mety tsara izany; fa izaho tsy handeha. Tsy mino an'izany aho; tsy misy idirako amin'izany. Fa mandrosoa ianao; mety tsara izany." Fa rehefa milaza izy hoe, "Tsy mahazo manao an'izany ianao," ankehitriny dia zavatra hafa izany. Tsy voafatotra amin'izany ianao amin'izay fotoana izay; misaraha amin'ny zavatra rehetra ho an'Andriamanitra.

**286. Rahalahy Branham, ilay izy ve** (Ndao jerentsika.)**...ho an'ny olona iray izay manana ny—izay manana namana velona iray, nisara-panambadiana izay manambady indray talohan'ny nahatongavany tao amin'ny Hafatra hanompo?**

80 Eny, ao amin'ny Timoty Voalohany 3:2, raha tianao ny handray naoty an'izany, ary ny Titosy 1 ka hatramin'ny 6 (Noraisiko naoty io anankiray io), tiako ianareo hamaky an'izany ho an'ity fanontaniana ity. Hitanareo? Raha ny lehilahy—raha maniry ny asan'ny eveka na mpitory teny ny lehilahy iray (zavatra hafa ao am-piangonana), tsy maintsy manana vady anankiray fotsiny izy. Marina izany! Mpitoriteny iray. Ankehitriny, izany ny Timoty Voalohany 3:2, ary ny Titosy 1 hatramin'ny 6. Ankehitriny, Titosy 1 hatramin'ny 6, hia! Eny àry. Ankehitriny, mariho fa ny Baiboly dia nilaza fa io lehilahy izay mpitoriteny iray ao an-tranon'Andriamanitra io dia hanana vady anankiray. Ankehitriny.

**287. Ranadahy Branham malala, saiky teo amin'ny folo taona lasa teo izay no nihaonan'Andriamanitra tamiko ankehitriny ary nanasitrana an'ilay fanomezam-pahasoavan'ny fitiavana, na, nanambara hoe inona ilay fanomezam-pahasoavan'ny fitiavana, ary ho an'izany koa ny fivavako...mba hiverenako. Hahazo an'izany ve aho alohan'ny hahafatesako? Handre ny Teny ve ny vadiko, ary inona no tokony hataoko?**

81 Mihoatra noho ny fanontaniana iray izany. Ankehitriny, hoy izy...Ankehitriny, ilay izy eto, na iza...hoy izy hoe, "Ny vadiko," noho izany dia ataoko fa tsy maintsy ilay vehivavy no nilaza an'ity. Ankehitriny, nahavery ny fitiavany voalohany izy. Hitanareo? Izy—nangatsiaka tao amin'ny Fanahy izy. Ankehitriny, Ranabavy, angamba satria mbola tonga any am-piangonana ary manao an'izay marina foana ianao, dia tsy nahavery ny famonjenao ianao, fa nahavery ny fifalian'ny famonjenao ianao. Nitaraina tamin'ny Tompo i Davida indray mandeha hoe, "Tompo, avereno amiko ny fifalian'ny famonjeko." Mbola Kristiana iray foana ianao, fa izaho...ny tianao hatao, Ranabavy, dia avotsory ny zavatra rehetra fantatrao hoe ahoana, ka mitadiava an'Andriamanitra, ary mivavaha.

82 "Handre ny Teny ve ny vadiko, ary inona no tokony hataoko?" Araka ny nolazaiko aninkeo maraina, aoka ho mamy sira fotsiny: "Ianareo no siran'ny tany." Handinika ny

fiainanao madio ny vadinao, ary ny vady lahy izay tsi-mpino dia hohamasinina ho an'ny Tompo amin'ny alàlan'ny vady vavy mino. Tadiavo fotsiny ny Tompo, mijanòna manetry tena, ary mivavaha foana, miderà an'Andriamanitra, ary aoka ho tsara fanahy amin'ny vadinao raha mbola maniry ny hiaina miaraka aminao tahaka an'izany foana izy.

**288. Ho an'ireo fivoriana Alahady: Raha misy vehivavy manao ny tsy mety amin'ny . . .** (Ankehitriny, andraso iray minitra; tsaratsara kokoa amiko ny mamaky an'ity irery. Hitanareo? ". . . amin'ny lehilahy iray manambady, mibebaka sy manitsy an'izany araka ny . . . mila ve izy . . . ny vady vavy sy ny lehilahy voakasika, na dia tsy mahafantatra na inona na inona aza io vady vavy io . . ." Eny àry. Mety tsara izany.) **Raha misy vehivavy manao ny tsy mety amin'ny le—lehilahy iray manambady, mibebaka sy manitsy an'izany marina amin'ny vadiny araka ny Soratra, mila mandeha mankany amin'ny vadin'ilay lehilahy voakasika ve izy, na dia tsy mahafantatra na inona na inona amin'izany aza io vehivavy io; sa adidin'ilay lehilahy ny miteny aminy aloha; sa mila ratraina mihitsy izy? Hatraiza no ahafahantsika mandeha miaraka amin'io fanonerana io rehefa tapitra sy natao ilay izy, ary rehefa voakasika ny fisakaizana?**

83 Eny, Ranabavy malalako, zavatra iray ihany no nataonao izay marina. Voakasika ianao, heveriko, na olona iray izay fantatrao no voakasika, tao amin'ny hetsika ratsy, hoe naka ny naman'ny vehivavy iray hafa ianao ary nanao hetsika arapiarahana. Ary rehefa nanao ianao, dia teo ianao no lavo avy tamin'ny fahasoavanao. Avy eo dia nibebaka ianao, ary tsy afaka nibebaka ianao raha tsy mandeha miverina mankany amin'io lehilahy io ka manitsy an'izany. Tsy maintsy mitondra ny vadinao ianao ary mandeha mankany amin'io lehilahy io, an'izay nataonao. Ary izany no zavatra tokony ho nataonao; izany no Soratra, tokony ho nataonao.

84 Nanatona ahy ny ramatoa iray vao tsy ela akory izay avy eto Louisville mihitsy, hoe izy, raha mbola vehivavy tanora iray, dia nandeha niaraka tamin'ny lehilahy iray izy ary—ary avy eo izy . . . Fantany fa nanao ratsy izy. Ary niala ny tanàna izy, ary nandeha nankany amin'ny tanàna iray hafa lavitra, ary nanova ny anarany, dia niaina niaraka tamin'ny olona sasany. Ary nanaraka azy ity lehilahy ity ary niteny taminy rehefa tonga tany izy, nametraka an'ireo entana teo aminy. Mbola tsy maintsy mijanona ho vadikely ho azy foana izy fa raha tsy izany dia hoteneniny. (Ary rehefa tany izy, dia nanambady lehilahy Kristiana tsara iray.) Ary nilaza fa raha tsy nanao izy, dia ho napoakany ilay zavatra manontolo, nandrahona azy; noho izany, dia tsy maintsy niaina niaraka tamin'ireo lehilahy anankiroa izy, fa nanao ratsy izy, raha tokony ho nampiseho ny lokony tany amin'ny voalohany. Ary nahazo zazakely iray

izy, ary ankehitriny, dia eo amin'ny valo ambin'ny folo taona eo ilay zazavavy ary tsy fantany hoe iza amin'izy ireo marina tokoa no rainy. Ankehitriny, tonga amin'ny fitsaha-jaza izy, ary enjehin'izany izy. Ankehitriny, dia inona no azony atao? Hoy aho hoe, "Anankiray ihany no . . . "

Hoy izy hoe, "Raha miteny amin'ny vadiko aho, dia handao ahy izy; ary raha izaho . . . fantatry ny zanakovavy izany, dia hamono tena izy."

85 Dia hoy aho hoe, "Raha mihazona an'izany ao am-ponao ianao, dia ho any amin'ny helo. Ankehitriny, ataovy izay mety aminao." Zavatra iray ihany no hatao, dia ny manadio ny solaitranao. Marina tokoa izany. Aoka hahitsy fo.

86 Fantatrareo, imbetsaka ao amin'ireo fahitana, ahoana no ahatongavan'ny olona, vehivavy sy lehilahy; mamoaka an'ireo zavatra izay nataon'izy ireo teo amin'ny fiainana ny Fanahy Masina ary (efa nandre an'izany ianareo ary nahita an'izany, fantatrareo. Hitanareo?), ary miteny an'ireo zavatra izay tsy maintsy ataon'izy ireo.

Hoy izy ireo hoe, "Eny, izaho—efa nahitsiko tamin'ny Tompo izany." Fa ny vadinao lahy na ny vadinao vavy no tokony handehananao hitenenana azy ireo. Marina izany. Natao hiaiky an'izany ianao.

87 Ankehitriny, ity olona ity, raha izy no anankiray izay meloka, izy no nanao an'izany; nankany amin'ny vadiny izy. Ankehitriny, efa nanadio ny tenanao ianao, Ranabavy, satria teo anelanelany . . . Ianao—nijangajanga nanohitra ny vadinao ianao. Nandeha tany amin'ny vadinao ianao ary nanadio ny tenanao tamin'ny vadinao, avy eo dia nandeha tany amin'ilay lehilahy ianao sy ilay vady ary nanadio ny tenanao tany. Madio ianao. Raha mbola manohy ny vadinao ny—ny te-hiaina miaraka aminao, dia miankina aminy izany. Tsy voatery hanao an'izany izy ankehitriny, fa izy—fa raha te-hiaina miaraka aminao izy ka mamela anao, amin'izay fotoana izay dia aoka ianao ho tena ramatoa ka tsy ho meloka amin'ny zavatra tahaka an'izany intsony. Fa raha tsy mamela anao izy, amin'izay fotoana izay dia azy izany—raharahany manokana izany. Afaka mandroaka anao izy. Marina tokoa.

88 Fa ankehitriny, ilay lehilahy izay niarahanao nanao an'ilay hetsika, ankehitriny, izy no anankiray izay tokony handeha hankany amin'ny vadiny ary mitondra ny vadiny ka miverina mankany aminao. Efa nanao ny anjaranao ianao, ankehitriny dia izao no fotoany hanaovana ny anjarany. Hitanareo? Ny ampahany faharoa . . .

89 Ity vehivavy ity dia nanao an'ilay hetsika niaraka tamin'ilay lehilahy, ary nentiny ny vadiny, niaiky an'izany, ary nankany amin'ilay lehilahy ka niaiky an'izany, ary nanitsy an'izany. Ankehitriny, ilay lehilahy manaraka dia lehilahy iray

manambady ihany koa; ankehitriny, tsy maintsy mandeha mankany amin'ny vadiny izy ary mitondra an'ilay vady ka miverina mankany amin'io vady io. Amin'izay fotoana izay vao mety tsara ilay izy. Hitanareo ve izay tiako lazaina? Voahitsy ilay izy amin'izay fotoana izay. Fa ny any ankoatran'izany, dia mbola ho meloka foana ianao, ary ao am-ponao dia voaheloka ianao.

90 Nanana vehivavy iray aho vao tsy ela akory izay tany izay nanana an'izany hatramin'ny Ady Lehibe Voalohany. Ary hoy izy hoe, "Oh, Ranadahy Branham." Nandany an-jatony dolara izy tamin'ireo mpitsabo saina sy ny zavatra rehetra. Nipetraka teo aho nandinika azy tao amin'io efitra io. Meda no nitondra azy tany. Nipetraka teo izy nanolanolana mosara iray nanodidina ny tànany tahaka an'izao, nanao hoe, "Tsapako fa hipoaka izao tontolo izao, ary izaho . . . " ny rehetra tahaka an'izany.

Nanohy nipetraka teo fotsiny aho. Hoy aho hoe, "Ankehitriny, misy zavatra mikasika . . . Manana zavatra ve ianao eo amin'ny fiainanao any ho any?"

"Tsia, mpampianatra sekoly Alahady aho."

Hoy aho hoe, "Eny àry." Nipetraka kely teo aho dia nandinika. Hoy aho hoe, "Mahita fiara kely iray maitso aho, ary miaraka amin'ny lehilahy mena volo iray ianao, ary saika nandona an'ilay fiara ny fiaran-dàlamby iray."

. . . ? . . . Hoy izy hoe, "Aza teneninao amin'iza na iza izany!"

Hoy aho hoe, "Tao amin'ny tafika ny vadinao tamin'izany fotoana izany."

Nanomboka nitomany izy, nitraotra, "Aza lazainao amin'iza na iza izany." Hitanareo? Tao ambany tao amin'ny amparahatony izany. Hoy izy hoe, "Efa ela no niaikeko an'izany tamin'Andriamanitra."

91 Hoy aho hoe, "Fa andraso iray minitra. Tsy nanao ratsy tamin'Andriamanitra mihitsy ianao. Nanao ratsy tamin'ny voadim-panambadianao ianao. Tokony hiverina hankany amin'ny vadinao ianao ary manitsy an'izany aloha."

Hoy izy hoe, "Handao ahy izy."

Hoy aho hoe, "Andriamanitra efa nandao anao na ahoana na ahoana. Noho izany ankehitriny, iza no tianao handao anao?" Hoy aho hoe, "Mandehana mankany aminy."

Dia hoy izy hoe, "Oh, izaho—izaho . . . Hanao an'*ity* izy, nefa manana zanaka roa aho."

Hoy aho hoe, "Eny, izay ihany no azoko tenenina aminao. Tsy nanaisotra an'izany tao aminao mihitsy ny mpitsabo saina, fa ny Fanahy Masina no nanambara; ary tsy mbola nahita anao mihitsy aho teo amin'ny fiainako."

Hoy izy hoe, "Marina tokoa izany!" Hoy izy, "Eny, izaho—tsy afaka miteny aminy fotsiny aho."

Hoy aho hoe, "Eny, izaho. . . Faly aho nihaona taminao." Nandeha nankao amin'ny efitra hafa izy, dia niverina tao.

Hoy i Meda hoe, "Mila anao indray izy ao anatiny ao."

Nandeha tao aho; ary hoy aho hoe, "Inona no ilainao?"

Dia hoy izy hoe, "Ranadahy Branham, tsy afaka miteny an'izany amin'ny vadiko aho!"

Hoy aho hoe, "Ny vadinao dia lehilahy mainty volo."

"Hia!"

Hoy aho hoe, "Manana an'ilay zavatra iray ihany hiaikena aminao izy."

Hoy izy hoe, "Oh, tsy ny vadiko!"

Hoy aho hoe, "Tsaratsara kokoa aminao ny mandeha maka azy ary tonga eto." Hoy aho hoe, "Mahafantatra vehivavy *anankiray* ve ianao, izay manao akanjo mavokely, izay miasa ao amin'ny biraon'ny karazana orinasa *anankiray* momba ny fiara?"

Hoy izy hoe, "Azo antoka!"

Hoy aho hoe, "Tsy miantso azy amin'ny anarana *anankiray* ve izy ireo?"

"Hia!"

Hoy aho hoe, "Roa herinandro lasa izay dia nipetraka teo ambanin'ny hazo hêtre izy ireo miaraka amin'ny. . . nipetraka tao anaty fiara Chevrolet kely volontany miaraka amin'ny laharana nomerao *izao-sy-izao*, ary tao amin'ilay hetsika iray ihany."

Hoy izy hoe, "Tsy ny vadiko!"

Hoy aho hoe, "Eny àry, mandehana alaivo izy dia mankanesa eto."

Lasa izy. Minitra vitsy, dia indro fa niverina izy ireo. Hoy izy hoe, "Izany no fahamarinana!"

Hoy aho hoe—hoy aho hoe, "Hitanareo? Mandehana teneno amin'Andriamanitra ankehitriny!"

92 Fa voalohany, rehefa manatona ny alitara ianareo ka mahatsiaro fa misy tokony, dia mandehana aloha ka ahitsiho izany. Ary raha mbola meloka foana ity ampahany hafa eto ity nohon'ny tsy nitenenana tamin'ny vadiny. . . Nanao ny tenany hadio ity vehivavy ity. Ankehitriny, miankina aminy sy ny vadiny izany. Saingy ity lehilahy hafa ity sy ny vadiny dia tsy maintsy lasa madio ao amin'izany. Ary ianareo tsy afaka. . . Tsy mampaninona izay ataonareo, hanenjika anareo izany raha mbola velona foana ianareo mandra-panasanareo an'izany hadio. Fomba tokana ihany no anaovana an'izany: Miaiky

an'izany. Raha mila ny hoditra hiendaka aminareo izany, dia ataovy ilay izy na ahoana na ahoana. Teneno ny fahamarinana, amin'izay fotoana izay dia voahitsinareo ilay izy. Amena!

93 Afaka handre betsaka aho ao amin'ny horonam-peo manao hoe, "Diso izany." Fa andramo indray mandeha fotsiny izany dia jereo raha tsy izany ilay izy. Eny àry.

**289. Fanontaniana ho an'ny Alahady maraina:** (Miala tsiny fa ilay izy dia io ora io, saingy...) **Amin'ny fotoana handraisana ny Fanahy Masina, na ny batisan'ny Fanahy Masina, misy fahasamihafana ve eo? Miteny amin'ny fiteny tsy fantatra ve ny olona iray? Raha tsy izany foana, dia inona no fanehoana fantatra?**

94 Eny, azonareo eritreretina ve ny reny iray miteraka zazakely nefa tsy mahafantatra an'izany? Tsy maintsy ho tsy nahatsiaro tena izy mba tsy hahafantatra an'izany. Tsy afaka mandray ny Fanahy Masina koa ianareo raha tsy mahafantatra an'izany. Misy zavatra miseho ao anatinareo. Hitanareo? Misy zavatra izay manova anareo. Ny firafitrareo manontolo, ny firafitrareo ara-panahy manontolo dia navaozina indray, ary lasa olom-baovao ao amin'i Kristy ianareo, araka ny ilazan'ny Baiboly azy, *olom-baovao* iray ao amin'i Kristy. Fantatrareo izany.

95 Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, noho izany dia tsy mino ianao fa tokony hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny lehilahy iray mba handraisana ny Fanahy Masina." Tsy ny hanaporofoina fa manana ny Fanahy Masina izy.

96 Tiako mba hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra ny mambra tsirairay an'ny fiangonako. Ho tiako izy ireo hanao an'izany, ary raha...Mino aho fa raha mangataka amin'Andriamanitra ianareo, dia ho eken'Andriamanitra ho anareo izany. Fa mamelà ahy hiteny aminareo; mahafantatra olona betsaka izay miteny amin'ny fiteny tsy fantatra aho nefa tsy manana ny Fanahy Masina. Ary tsy misy mpitoriteny iray izay mahatoky amin'ny tenany sy amin'ny fiangonany ka tsy hiteny an'ilay zavatra iray ihany amin'ny fiangonany. Afaka maka tahaka an'izany ny devoly.

97 Hoy i Paoly hoe, "Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho, na dia manolotra ny tenako hodorana ho fanatitra aza aho, na dia mahazo an'ireo zava-miafina rehetra an'ny Teny aza aho, na dia omeko ho an'ny mahantra aza ny fananako rehetra, sy ireo zavatra rehetra ireo, nefa tsy manam-pitiavana, dia mbola tsinontsinona foana aho. Raha manana finoana izay ahafahako mamindra tendrombohitra sy ny sisa aho; mbola tsinontsinona foana aho." Avy eo dia hoy izy hoe, "Izay sombintsombiny dia ho foanana rehefa tonga ny tanteraka," na, "rehefa ampahafantarina izay tanteraka."

Ankehitriny, manana fanontaniana iray eo amin'izany aho. Manantena aho fa ho tonga amin'izany izao hariva izao,

mikasika an'izay nitranga rehefa nisokatra ireo Tombokase. Ary heveriko angamba fa izany no hanitsy an'izany aminareo eo amin'ity fanontaniana ity.

**290.** Fanontaniana: **Ranadahy Branham, inona no hataonay? Nisy zavatra nahazo ahy izay tsy mety voavahako. Tamin'ny fararano lasa, dia nanonofy aho hoe very tao anaty fasika fotsy aho. Efa maizina ny andro; tsy nety nahita ny làlako aho. Ity nofy ity dia nijanona tamiko hatramin'ny fararano lasa teo. Ankehitriny, dia toy ny olona mitsapatsapa ao anaty aizina aho. Ny zanakolahy (E-r-v-. . .), Ervin, sy ny vadiny dia tafiditra tao amin'ny nofiko. Ankehitriny, dia ao anaty aizina koa izy ireo. Izahay dia ao anatin'ny mamoy fo—ao anatin'ny famoizam-po izahay. Mino aho fa Andriamanitra dia haneho aminao an'izay—an'izay ao am-ponay ankehitriny.** (Rtoa . . . Oh, eny àry.) **Raha diso izahay na ao amin'ny toeram-pahotana, dia teneno aminay. Te-hahitsy izahay.**

98 Tsy fantatro ilay ramatoa, fa tsapako fotsiny raha eto ianao, ramatoa, hoe ity ny olanao. Namela zavatra iray hitranga taminao ianao izay nanao anao hikorontan-tsaina, satria ny ao anaty *fasika fotsy* dia maneho "fahadiovana sy marina." Ary namela an'i Satana nametraka anankiray teo aminao fotsiny ianao. Ny nofinao dia nanaporofo fa tsy misy zavatra tsy mety. Mikorontan-tsaina fotsiny ianao, ary amin'ny fanaovana an'izany sy ny fieritreretana an'izany, dia manao ny sisa amin'ny fianakavianao hikorontan-tsaina ianao. Ajanòny ny fanaovana an'izany; takio ireo zònao nomen'Andriamanitra. Ny nofinao dia manaporofo amin'ny alàlan'ny fandikana fa ao *anaty* fasika fotsy ianao. Mety tsara ny zavatra rehetra. Ianao ilay izy, ny tenanao, mikorontan-tsaina.

99 Ary avelanao ho lasa mikorontan-tsaina ny mambra anankiray an'ny fianakaviana, mankany amin'ilay mambra manaraka izany, ary ilay mambra manaraka, ary ny zavatra voalohany dia mikorontana ianareo rehetra ary manohy. Ary ny mpikambana iray an'ilay fianakaviana dia lasa somary sorena mikasika zavatra iray, mahasorena an'ilay hafa izany, ary ilay hafa, ary ilay hafa, ny zavatra voalohany fantatrao dia sorena ilay fianakaviana manontolo. Satana izany. Noho izany raha mifaly ny mambra iray an'ilay fianakaviana, dia aoka hifaly miaraka amin'izany ny sisa amin'izy ireo. Noho izany dia miezaha hanao an'izany ny tsirairay avy amin'ilay fianakaviana.

100 Miezaha, ny tsirairay avy aminareo zanaka, hanampy ny papanareo, mamanareo. Mama, ianao . . . Papa, miezaha ianareo manampy an'ireo ankizy. Aza mamela an'io fanahy maizimaizina, tsy mino io ho tonga manodidina anareo. Kristiana ianareo. Nateraky ny Fanahin'Andriamanitra ianareo. Ianareo no siran'ny tany. Manana an'ireo zò

nomen'Andriamanitra ianareo. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Raha misy dera, raha misy hatsaram-panahy, dia hevero izany zavatra izany." Aza mieritreritra an'ilay zavatra ratsy.

Ary Ranabavy, heveriko fa izany no olanao, Ranabavy malala.

Afaka mitoetra ela be eo amin'izany aho, saingy araka ny nampanantenaiko, roapolo minitra fotsiny . . . Ary tiako ny haka ny maro amin'ireto fotsiny . . . raha tsy izany ilay izy, dia apetraho eo amin'ny birao indray izany ary horaisiko indray.

**291. Ny sasany dia milaza fa Rahalahy Branham no Zanak'olona. Nihevitra aho fa ny Andry Afo no Zanak'olona. Diso ve aho?**

101 Eny, fanontaniana tsara iray izany, tena tsara. Fa tsy izaho no Zanak'olona, fa zanak'olona iray aho. Tena misy fahasamihafana. Jesosy Kristy no Zanak'olona, Zanak'Andriamanitra, Zanak'olona, Zanak'i Davida.

102 Ankehitriny, ny antony nametrahan'ity olona ity an'io fanontaniana io angamba na nolazaina, dia satria mihevitra ahy ho mpahita ny olona, izay izaho tsy mbola mihitsy . . . Manana fanontaniana iray aho ato izay manapoaka ahy mihitsy eo amin'izany. Hitanareo? Fa izaho—izaho—izaho . . . ianareo—ianareo . . . Rehefa mamaly an'ireto fanontaniana ireo aho dia ho hitanareo hoe nahoana aho no mamaly an'ireo zavatra amin'ny fomba anaovako azy. Mandra-pahatonga ahy ho voatarika tanteraka hanao zavatra (hitanareo?), amin'izay fotoana izay aho—hilaza an'izay tsy maintsy lazaiko aho. Saingy tsy mbola tonga izany ora izany.

103 Noho izany dia tsy izaho no ilay—ilay—ilay Zanak'olona voahosotra. Tsy mihambo ho Mpaminaniny aho. Imbetsaka aho no nilaza an'izany nefa tsy nihevitra aho fa nilaza an'ilay izy, mahatratra ny tenako eo amin'ny horonam-peo. Fa milaza an'izany aho indraindray, satria raha te-hanome an'ilay izy araka ny teny ianareo, ny *mpaminany* iray amin'ny teny Anglisy dia "mpitory teny iray" fotsiny. Ny olona rehetra dia mahafantatra an'izany; alaivo ny diksionera. Hitanareo? Ny *mpaminany* iray dia "mpitory teny iray" araka ny diksionera Anglisy. Fa araka ny teny Hebreo na Grika, ny *mpaminany* iray dia "mpahita iray, anankiray izay mahita mialoha an'ireo zavatra sy miteny mialoha an'ireo zavatra." Fa araka ny fandikana Anglisy, ny *mpaminany* iray dia "mpahita iray."

104 Noho izany dia tsy te-hiantso ny tenako afa-tsy ny hoe rahalahinareo aho. Rahalahinareo aho, ary hevero fotsiny toy ny hoe Rahalahy Bill aho, na Rahalahy Branham, na inona tianareo hatao mikasika an'izany. Izany—izany—tsara izany, izany—tena tsara izany. Izay inoanareo, dia tazòny ho anareo irery izany. Hitanareo?

105 Ary ankehitriny, inona ilay fanontaniana hafa? Lasa tena sahiran-tsaina aho amin'ireto, ka adinoko hoe inona ireo zavatra ireo. Ny iray tamin'izy ireo dia, "Izaho ve no Zanak'olona?" ary . . . Mino aho fa ity ilay izy. " . . . ny Zanak'olona sa ny Andry Afo no Zanak'olona?" Tsia! Ny Andry Afo dia ilay Hosotra.

106 Ny Andry Afo . . . Ankehitriny, mety ho lasa lalina kely izany raha tsy hoe ny sasany aminareo teolojiana, Dr. Vayle, angamba Rahalahy eto, ary ny sasany amin'ireo mpitoriteny eto avy any Arkansas, ary ireo sakaiza tsarako eto, dia hahafantatra angamba izy ireo.

107 Ankehitriny, io Andry Afo io dia ilay *Logos* izay nivoaka avy tamin'Andriamanitra. Ny *Logos*, izay toetran'ny Fahafenoan'Andriamanitra tokoa. Rehefa lasa tao amin'ny endrika iray azo ahitana Azy Andriamanitra, dia Izany no hosotr'ilay Fanahy lehibe izay nivoaka, nietry Izany, nidina, Andriamanitra, ilay Ray, ilay *Logos* izay teo ambonin'ny Isiraely, izay . . . Masina Izy, tsy afaka nahatanty fahotana. Tsy maintsy nisy fanatitra rà mihitsy tao Edena. Avy eo dia tonga nofo io *Logos* io ka nonina teo anivontsika; ary izay nitoeran'io *Logos* io tao amin'ny vatan'olombelona, dia ny fanatitra . . .

108 Rehefa natao araka ny endrik'Andriamanitra ny olona . . . Ary avy eo Andriamanitra dia nidina araka ny endrik'olona mba hanavotra ny olona; izany no nampiray ny olona sy Andriamanitra. Nifamihina sy nifanoroka ny Lanitra sy ny tany; nifanoroka amin'ny maha-Ray sy ny maha-zanaka Andriamanitra sy ny olona rehefa tonga nofo ilay *Logos* ka nonina teo anivontsika.

109 Hoy Jesosy hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Aho, ary mandeha mankany amin'Andriamanitra Aho." Marina ve izany? Taorian'ny Fahafatesany, fandevenany, fitsanganany, ary fiakarany, rehefa nakarina ilay vatana mba hipetraka eo ankavanan'Andriamanitra . . . Ankehitriny, tsy hoe manana tànana ankavanana iray Andriamanitra no tiako lazaina, Andriamanitra dia Fanahy. Fa ny *eo ankavanana* dia midika hoe "ao amin'ny hery sy ny fahefan'Andriamanitra." Mba amin'io Anarana io no iantsoana ny zavatra rehetra any An-danitra arak'Izany ary manaiky an'Izany. Ny zavatra rehetra eto an-tany dia antsoina arak'Izany ary manaiky an'Izany, Anarana iray ambonin'ireo anarana rehetra, Jesosy Kristy.

110 Ankehitriny, ity *Logos* izay tao Aminy ity, izay ny Fanahin'Andriamanitra, ilay Hosotra, tamin'ny alàlan'ny fahasoavana manamasina an'ny Rà, no nitondra zanaka maro ho an'Andriamanitra, izay voahosotr'io *Logos* iray io ihany.

111 Ankehitriny, tamin'ny andron'ny Pentekosta dia nidina Izany, io Andry Afo io, ka nisaratsaraka tahaka an'izao, ary lela afo no nipetraka teo ambonin'ny tsirairay tamin'izy ireo, tsy ny lelany, fa lela afo no nipetraka teo ambonin'ny

tsirairay tamin'izy ireo, vondrona iray voafidy, voafantina, voatondron'io Andry Afo io, naneho fa Andriamanitra no nanasaraka ny Tenany tao anatin'ny olona. Azonao ve ilay izy? Andriamanitra, ilay *Logos*, manasaraka ny Tenany tao anatin'ny olona! Andriamanitra, tsy ao amin'ny olona anankiray, fa ao amin'Ny Fiangonany maneran-tany Izy. Izany no antony nilazan'i Jesosy hoe, "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa, mihoatra." Ankehitriny, fantatro fa ny King James dia manao hoe, "lehibe kokoa," fa ny fandikana marina dia "*mihoatra* noho izany no hataonareo." Andriamanitra dia nidina ka nihiboka tao amin'ny Lehilahy anankiray, Jesosy Kristy. Fa ankehitriny Izy dia midina sy mihiboka ao anatin'ilay Fiangonan'Andriamanitra Velona maneran-tany manontolo.

112 Izao ankehitriny izao, raha mbola eto Andriamanitra miresaka amintsika ao am-pontsika, dia any Afrika Izy, any Asie Izy, any Eoropa Izy, any Angletera Izy. Na aiza na aiza no iangonan'ireo mpino, dia eo afovoan'izy ireo Izy.

113 Ankehitriny, taorian'ny Fahafatesany, fandevenany, sy fiakarany, ary ny fihavian'ny Fanahy Masina, Paoly teo amin'ny làlany nidina, izay i Saoly, nankany Damaskosy, dia nazeran'ny Andry Afo iray izy, ilay *Logos*. Ary io Jiosy io dia tsy ho niantso an'io Andry Afo io mihitsy hoe, "Tompo," raha tsy fantany fa Izany dia ilay *Logos* iray ihany izay narahin'ny olony nanerana ny an-efitra. Hitanareo? Ankehitriny, tsy ny Zanak'olona izany, ilay *Logos* izany.

114 Ankehitriny, dia milaza an'izao am-panajana, sy fitiavana, ary fanajana isika. Hitanareo? Tahaka an'i Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, ary izany koa amin'ny andro farany, tahaka ny talohan'ny andron'i Lota, na tamin'ny andron'i Lota tao Sodoma, dia ho tahaka an'izany koa amin'ny andro anambaran'ny Zanak'olona ny Tenany indray, manambara ny Tenany. Ankehitriny, amin'izao andro farany izao ilay *Logos* izay teo amin'i Jesosy, izay avy amin'izany no Nihaviany miverina amin'ilay Andry Afo indray ary nidina teto an-tany mba (saika hilaza zavatra iray aho, saingy mitandrina an'ilay horonam-peo aho. Tsy hino an'izany izy ireo raha niteny tamin'izy ireo ianareo. Tsy hanao fahasamihafana mihitsy izany. Izy ireo. . .Tsy hino an'izany ny olona, fa avelako izany), fa nidina ho, toy ny hoe mandeha ny fanadihadian'ny fitsarana.

115 Ary ankehitriny, ity Andry Afo lehibe ity izay voatondron'ny fakan-tsary siantifika tanteraka mihitsy aza, izay eto an-tany amin'izao andro izao. . .Io ny sarin'Izany mihantona eo. Mino aho fa mbola eo foana ilay izy, tsy marina ve izany? Ao ve ilay izy? Voaporofo ara-tsiansa tamin'ny alàlan'ny tsara indrindra ananantsika. George J. Lacy, ilay sefon'ny FBI momba ny diantànana sy ny antontan-taratasy, dia nilaza hoe, "Ny tenako dia niantso an'izany hoe psykolojia, Revera Branham, saingy," hoy izy, "ny hazavana no namely ny fitaratra boribory. Napetrako

teo ambanin'ny jiro ultra-ray izany ary nanao fizahana teto nandritra ny efatra na dimy andro. Ary ny hazavana no namely ny fitaratra boribory. Ary tsy haka psykolojia io fitaratra boribory io!" Ankehitriny, voatondro izany.

116 Avy eo dia diniho ireo asan'Izany. Izany, eo anivontsika, dia manaporofo an'ilay Jesosy iray ihany izay niaina tany Palestina fahiny, ilay Fanahy iray ihany izay teo Aminy no tonga tamin'ny alàlan'ny Vatana iray mandra-Piveriny ho Loha indray, ka ho avy tsy ho ela Izy hitaky an'ilay Vatana. Amena! Hanatona ny Vatana ilay Loha. Azonareo ve ilay izy? Ho ny Zanak'Andriamanitra izany, ny Zanak'olona, ny Zanak'i Davida, ilay IZAHO NO IZY, ny Raozin'i Sarona, ny Lisin'ny Lohasaha, ny Kintan'ny Maraina.

117 Tsy izaho no Izy; Mpanompony aho. Ary tsy ny Andry Afo no Izy; ao amin'ny endrika Fanahy Izany (hitanareo?) izay teo ambonin'ny Zanak'olona ka tonga ankehitriny mba hanosotra an'ireo zanak'olona, hamerina asam-panompoana iray tahaka ny Nolazainy marina tokoa fa hisy, mba hifandraisan'ny Loha sy ny sisa amin'ilay Vatana.

118 Tahaka fotsiny ny—tahaka ny pyramida naorin'i Enoka. Ary hitantsika ao amin'io pyramida io, tsy nanana an'ilay vatotendro teo ambonin'izany mihitsy izy ireo. Nahoana? Mbola ho avy ilay Vatotendro. Ireo dingana fito ao amin'ilay—ao amin'ilay pyramida . . . Ho tonga eo amin'izany isika indray andro any, ary ho tiako fotsiny ny haneho aminareo hoe ahoana fa mifanaraka tanteraka amin'ny Soratra marina tokoa izany.

119 Ary ankehitriny, raha mahamarika ianareo amin'ny ravimbola dolaranareo Amerikana, io vatotendro lehibe io, maso iray, manao hoe, "Ilay Tombokase Lehibe." Ho avy Izany.

Ary mariho ireo vato ireo . . . Nisy olona efa mba tany amin'ireo pyramida any Egypta ve eto? Eny, raha hahamarika ianareo . . . Hia, eto, misy tànana eo izay mitsangana ery aoriana ery. Eny àry. Ireo vato ireo dia mipetraka tena tanteraka ao anatiny ao, ary io tampony io, izay mitovy an'ny tendro boribory ny eo an-tampon'izany, rehefa tonga io vato io, dia hitovy amin'ny diamondra lehibe iray izay mety tanteraka amin'izany mihitsy ao anatiny ao.

120 Ankehitriny, io vato io dia tsy hety ao ambany ao eo amin'io fototra ambany io, tsy hety koa izany eo amin'ilay fototra faharoa na ilay fototra fahatelo. Eo amin'ilay fototra an-tampony fotsiny ihany izy no hety, rehefa lasa mety amin'ilay vato ilay tranobe manontolo. Ary Jesosy tsy afaka ho avy raha tsy ilay Fiangonana, Vatana iray an'ireo mpino sy ilay asam-panompoana izay Navelany fahiny no tsy maintsy ho ilay iray ihany amin'izany tahaka azy tamin'izany mba . . . Ary noho izany, izany no mitondra . . . "Tsy atao tanteraka izy ireo raha tsy misy antsika," hoy i Paoly, Hebreo 11. "Tsy mety ho tanteraka

izy ireo raha tsy misy antsika." Tsy maintsy manana an'io asampanompoana io izy ireo mba hananganana ny Loterana, ireo Wesley, ary izy rehetra ireo nanerana an'ireo taonany. Rehefa tonga izany, rehefa io ampahany izay iangonan'ny voromahery io. . . "Izay misy ny faty fotsiny no iangonan'ny voromahery," izay ilay fanontaniana. Oh, tanteraka fotsiny izany. Manantena aho fa namaly an'ilay fanontaniana izany.

**292. Rahalahy Branham, afaka mampiasa ny fanomezampahasoavan'ny fiteny tsy fantatra na faminaniana ao amin'ny olona iray izay manana ny Fanahy Masina ve i Satana?**

121 Anankiray tsara izany sa tsy izany? Eny, tompoko! Raha . . . Tsy maintsy dinihina tena, tena akaiky izany. Raha hahamarika ianareo ao amin'ny Korintiana Voalohany 14:29, ianareo izay tehandray naoty an'izany . . . Hitanareo? Ilay—tsy nanao sonia ny anarany mihitsy ilay olona izay nanoratra an'ity; hoy fotsiny izy ireo hoe, "Andriamanitra hitahy anao." Hitanareo? Ao amin'ny Korintiana Voalohany 14:29 dia hitantsika fa ny fanomezampahasoavana rehetra ao amin'ny fiangonana dia tsy maintsy tsaraina aloha. Hitanareo? Tsy maintsy mitandrina ianareo, satria mitsofoka ao ireo fanahy ratsy. Satria tsarovy, ny orana dia milatsaka eo amin'ny marina sy ny tsy marina. Ilay orana iray ihany izay nalefa mba hanamasaka ny vary no manamasaka ny ahi-dratsy ihany koa, ilay rano iray ihany. Firy no mahafantatra an'izany? Ankehitriny, izany dia tokony hanazava ny taranaky ny menarana aminareo arak'izany, ahoana no nahatongavan'io zanaka io. Miezaka aho ny haka an'ilay izy avy eto mba hahazoana azy alohan'ny ahataperan'ny fotoako, saingy tsy mety hitako ilay izy: noho izany, ahoana io zanaka io mikasika ny taranaky ny menarana. Hitanareo?

122 Manana lalàna iray Andriamanitra. Ankehitriny, eo amin'io, ao amin'io lalàn'ny Fanahin'Aina io dia tsy maintsy mitandrina ianareo, satria ao i Satana no mitsofoka.

123 Ary Paoly, rehefa nisy zavatra voambara tamin'ny olona iray, dia tsy maintsy nanana mpitsara roa na telo izany farafahakeliny alohan'ny ahafahan'izany ho tenenina eo anatrehan'ny fiangonana.

124 Ankehitriny, eto koa aho dia afaka mamoaka an'ity. Hitako ny . . . Tsy mihevitra aho fa eto ny Rahalahiko izao hariva izao, fa nisy olona iray naneso olona iray niala tamin'ny tabernakla ka nandeha nankany amin'ny an-dRahalahy Junior Jackson ho fiangonana iray. Hoy izy, "Izy ireo dia nandeha teo anivon'ireo 'vorona maty.'" Tsy menatra ve ianao manao fanamarihana iray tahaka an'izany? Na iza na iza ianao, raha zanako eto ao amin'i Kristy ianao, dia menatra anao aho. Aza manao zavatra tahaka an'izany. Rahalahiko i Junior Jackson. Rahalahiko i Don Ruddell.

125 Eny, ny anton'izany, satria rehefa mametraka ny fiangonana eto ao amin'ny lamina anankiray aho, rehefa miverina aho, mba hahita raha afaka mahazo ny fanehoana an'ireo fanomezampahasoavana aho, dia nihataka tamin'izany ny antsasak'izy ireo. Satria rehefa nanomboka niteny ianareo, na mitory teny, na zavatra iray, ilay izy dia . . . Tonga teo amin'ny toerana iray izany izay sarotra ho anareo ny hitory teny raha tsy misy olona iray miteny amin'ny fiteny tsy fantatra eo, olona iray mandika teny, olona iray manome ny fandikana; nefa ny antsasak'izany dia tsy niseho mihitsy akory aza.

126 Ankehitriny, mino ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra aho. Mino ny fandikana aho, saingy tsy maintsy zavatra mivantana amin'ny fiangonana izany, tsy hoe, "Ho avy tsy ho ela ny Tompo," na zavatra iray—izay mety tsara. Fa, "Aza mampiasa famerimberenam-poana," hoy Jesosy, "tahaka ny ataon'ny mpanompo sampy."

127 Tsy maintsy zavatra iray izany. "Mandehana teneno amindRahalahy *Ranona-sy-ranona* ny zavatra iray izay nataony ary—ary hahazo . . ." "Nahoana, mandehana teneno Rahalahy, Ranabavy *Ranona-sy-ranona*, fa rehefa nanao zavatra iray izy tany indray andro, dia nandika an'ireo lalàn'ny an'ny vadiny izy . . . ny voady amin'ny vadiny. Raha tsy manao an'izany hahitsy izy—hahitsy, dia hanaisotra azy ny Fanahy Masina." Eo no anananareo ny HOY NY TOMPO HOE!

128 Noho izany dia lazao io fahotana io. Amin'izay isika vao manana fiangonana iray tahaka ny tamin'ny nidiran'i Ananiasy sy Safira. Amin'izay fotoana izay isika vao manana fiangonana iray mijoro mafy.

"Oh," hoy ianareo, "Rahalahy Branham . . ." Zalahy anankiray, noteneniko taminy izany; hoy izy hoe, "Eny, apetrakao eo amin'ny toerana sarotra loatra izahay."

129 Hoy aho hoe, "Tsy eo amin'ilay toerana ve aho eo amin'ireo vahiny izay tsy mbola hitako teo amin'ny fiainako mihitsy? Fa nanana finoana sy fahatokiana an'Andriamanitro Izay naniraka ahy hanao an'izany aho, ary tsy nisy diso mihitsy izany na indray mandeha aza na tsy hisy mihitsy raha mbola Andriamanitra foana izany." Marina izany.

130 Tsy miteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy ireo zavatra tahaka an'izany . . . Mino aho fa ireo fiteny tsy fantatra sy ireo olona izay manana fanomezam-pahasoavana ireo, raha Kristiana tena izy tokoa izy ireo ary liana amin'izany, dia hamory ny tenany miaraka izy ireo, satria . . . ary hanome ny fiteniny tsy fantatra sy ny fandikana ary hahita an'izay azon'izy ireo hatao hampandrosoana ny Fanjakan'Andriamanitra. Manana asampanompoana iray azy ireo manokana izy ireo, fa tsy an'ny eto izany eo afovoan'ny mpanatrika izay ny—ikarakarana an'ireo

mpanota sy ny sisa. Hoy ny Baiboly hoe, “Hilaza izy ireo fa tsy nianatra ianareo.”

131 Indraindray izy ireo dia lasa tsy manaja amin’izany sy—sy ny sisa . . . Tsy ny vondrontsika no tsy nanaja, fa navelako handroso vetivety izy ireo. Hoy aho hoe, “Diniho izany.”

132 Ankehitriny, niteny tamin’ireo rahalahy aho (misy vavolombelona eto mahafantatra an’izany), hoy aho hoe, “Avelao hipetraka tsara ilay izy. Afaka kelikely aho dia—ho hitantsika na avy amin’Andriamanitra izany na tsia. Raha tsy mahatanty famaizana izy, amin’izay fotoana izay dia zazasary izy.” Izany marina tokoa no nolazain’ny Baiboly. Ary rehefa tonga ny famaizana, dia inona no nitranga? Efa ela ve no nitenenako an’izany taminareo? Hitanareo? Anontanio ny pasitera eto.

Hoy izy hoe, “Ahoana ny amin’*ity* sy *itsy*?”

133 Hoy aho hoe, “Avelao hipetraka tsara fotsiny ilay izy! Zazakely izy ireo. Tsy afaka mitsara an’izany isika, fa diniho ilay izy rehefa hampitahaina amin’ny Teny marina tokoa.”

134 Ankehitriny, Rahalahy Junior Jackson dia nanana zò tsy hifanaraka amin’izany. Tiany ny fiangonany . . . Ny olona rehetra dia te-hiteny amin’ny fiteny tsy fantatra sy ny sisa ao amin’ny mpanatrika. Izany no olan-dRahalahy Junior; izany no—miankina aminy izany. Saingy i Junior Jackson dia mino an’ity Hafatra ity tahaka ny . . . ataon’ny sisa amintsika. Isantsika izy. Ary tsy hoe “vorona maty” iray ny mandeha any. Lehilahin’Andriamanitra izay tiako amin’ny foko rehetra i Junior Jackson. Ary tsy eto izao hariva izao, noho izany dia afaka maneho an’izany marina tokoa arak’izay tiako anehoana azy aho.

135 Ary—ary Don Ruddell . . . Tsy mihevitra aho fa eto i Don izao hariva izao, satria manana ny fiangonany manokana izy ireo. Fa raha nahita ny olona rehetra izay tonga ato amin’ity tabernakla ity aho, mivoaka ka mandeha any amin’i Don Ruddell, na—na Rahalahy J. T. Parnell, na Rahalahy . . . ny iray amin’ireo rahalahy eto izay rahalahintsika eto sy teratanin’ny Fanjakana, dia tena ho faly aho ka tsy ho fantatro izay hatao. Ho nilaza aho hoe, “Tompo, fenoy indray ity iray ity. Ndao foanantsika izy ka fenoina ilay iray hafa.” Ho tiako izany. Ho tiako ny hahita an’ireo zazalahy ireo . . . Izy ireo no—zanako izy ireo.

136 Ankehitriny, J. T. na—na ny sisa amin’izy ireo dia tsy voatery hino tahaka ny inoako mihitsy; tsy voatery hanao an’izany izy ireo. Araka ny noteneniko taminareo aninkeo maraina, dia tsy mifanaraka amin’ny vadiko akory aza aho, na izy no tsy mifanaraka amiko. Ahoana moa raha nandeha teo amin’ny latabatra aho ary nanana tarta paoma i Junior ary izaho nanana tarta serizy. Rahalahy, samy mihinana tarta izahay roa,

hifanaraka amin'izany izahay, fa . . . Ary samy mitory an'ilay Filazantsara iray ihany izahay roa. Ny fitsipi-piangonany . . .

137 Fantatrareo, nanana fahasamihafana i Petera sy i Paoly, tsy tao amin'ny foto-pampianaran'izy ireo, fa ny fomba nitondran'i Petera ny tenany. Izy ireo dia nanana ny—fahasamihafana kely tao amin'izany, fa tsy nampisaraka azy ireo mihitsy izany. Mpirahalahy izy ireo. Nahoana, azo antoka fa hanana fahasamihafana isika, fa tsy fahasamihafana . . . Tsy mifanaraka amin'ny Assemblées de Dieu aho. Tsy mifanaraka amin'ny rafitr'izy ireo aho, saingy maro ny lehilahin'ny Assemblée de Dieu izay rahalahy sarobidy. Tsy mifanaraka amin'ny foto-pampianaran'ny an'ny Tokana aho, saingy maro amin'ireo lehilahy ireo no lehilahy sarobidy.

138 Izaho mifanaraka . . . tsy mifanaraka amin'ny Batista, amin'ny Presbyterana sy ireo rafitrany, fa ao anatiny ao, dia misy ny Kristiana tena izy.

139 Na ahoana na ahoana tamin'ity tolakandro ity dia nahita telegrama iray aho. Tsy hitako ilay izy. Rahalahy iray, mpitory teny Batista, nilaza fa izy dia . . . efa nitady hatramin'ny ela ny ho tonga eo amin'ny toerana iray . . . na handeha any amin'ny toerana iray nanajan'ny olona an'Andriamanitra ao anatiny ao raha tokony hifanaja.

140 Ary nilaza ny rahalahy sarobidy iray izay tonga amin'ity fiangonana ity hoe, "Ho entiko hankany amin'izany toerana izany ianao." Naniry mafy izy ny ho tonga eto, Batista iray. Hitanareo, miely hatraiza hatraiza izy ireo. Tsy hifanaraka amin'ny rafitr'izy ireo aho, saingy tiako tokoa ilay . . . ? . . . Noho izany aza milaza an'izany mikasika an'ireo rahalahy.

141 Ankehitriny eto, ireo fanomezam-pahasoavana ireo dia . . . tsy maintsy tandremana. Tsy misy fanomezam-pahasoavana . . . Tsy maintsy tandremana izany. Afaka maka tahaka ny fanomezam-pahasoavana rehetra i Satana. Jereo ireto Beatles ireto ankehitriny izay haka tahaka ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra: feno loto, maloto, lò, nateraky ny helo. Hitanareo? Eny àry.

**293. I Daniela ve ilay lehilahy fahefatra tao anatin'ny lafaoro afo satria izy no mpaminany tamin'io taona io?**

142 Tsia, Jesosy izany. Ilay Lehilahy fahefatra dia ny . . . tahaka ny Zanak'Andriamanitra. Tsy mihevitra aho fa ilay mpaminany izany, satria tao an-davaky ny liona izy; fa izaho—tsy hino aho fa tao anatin'ilay lafaoro afo i Daniela. Izaho—zara aho raha afaka . . . Ankehitriny, mety ho marina ny anao eo, fa ny hevitro fotsiny izany arak'izany.

**294. Rahalahy Branham, ao amin'ny Genesisy 6 ary andininy faha-12, dia nilaza Andriamanitra fa ny nofo rehetra dia nanimba ny làlany. Misy resaka mikasika ny fisaraham-panambadiana sy fanambadiana ve izany? Raha izany no**

**izy, tsy efa niresaka an'ilay zavatra iray ihany ve Jesosy rehefa nilaza Izy hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, dia ho toy izany koa rehefa ho voambara ny Zanak'olona" ao amin'ny Matio 24, andininy 38 sy faha-39?**

**295. Rahalahy Branham, hisy zaza teraka ve mandritra ny Arivo taona . . . arivo taonan'ny Arivo taona, fanjakana arivo taona an'i Kristy eto an-tany? Sa hisy famantarana eto an-tany . . . ny fahotana** (mamelà ahy) **eto an-tany mandritr'io fotoana io; ary hisy olona ve eto an-tany ao amin'ny vatana ara-batana mandritr'io fotoana io?**

143 Hiezaka fotsiny aho ny hahavita azy ireo haingana mihitsy. Ankehitriny, ao amin'ny Genesisy ny toko faha-6, andininy faha-12, dia nilaza Andriamanitra fa efa simba ny nofo rehetra . . . Eny, fanambadiana izany, fisaraham-panambadiana, sy ny zavatra hafa rehetra. Hoy ny Baiboly hoe, "Tahaka ny tamin'ny andron'i Noa, ahoana fa nanambady izy ireo, ary namoaka hanambady," sy ny sisa tahaka an'izany. Izany no anankiray amin'ireo famantarana ny andro farany, anankiray amin'ireo famantarana fotsiny.

144 Ankehitriny, raha izay ihany no nataon'izao tontolo izao, dia tsy afaka miantso an'izany ho porofon'ny andro farany aho, tahaka ny tsy ahafahako miantso ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra ho porofon'ny Fanahy Masina. Marina fa natao hisy fotoana iray ho tonga izay hahalasa ny fanambadiana sy fisaraham-panambadiana tahaka ny tamin'ny andron'i Noa mihitsy, saingy misy zavatra maro hafa miaraka amin'izany; anankiray amin'ireo famantarana fotsiny izany.

145 Ary ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra dia anankiray amin'ireo famantaran'ny Fanahy Masina, fa tsy famantarana tsy mety diso an'ny Fanahy Masina, tahaka an'ireo vehivavy sy ny lehilahy manambady sy misaraka ary manambady indray. Tsy ho izany no famantarana tokana. Raha izany ihany no anankiray izay nisy, dia tsy afaka hiantso an'izany ho izany aho. Hitanareo? Tsy maintsy misy zavatra hafa miaraka amin'ny fitenenana amin'ny fiteny tsy fantatra na fanomezam-pahasoavana hafa mba hanao azy ho Andriamanitra.

146 Ankehitriny, "Hisy zaza teraka ve mandritra ny arivo taonan'ny fanjakana Arivo taona?" Izany no fanontaniana ao an-tsaiko, izay noteneniko taminareo indray andro. Tsy fantatro. Toa mety ho tahaka an'izany mihitsy ilay izy; toa mety tsy ho tahaka an'izany mihitsy ilay izy. Hahitsy fo aminareo arak'izay fantatro hoe ahoana aho. Tsy mahafantatra aho hatramin'ity fotoana ity. Raha mba manambara an'izany Andriamanitra, dia ho teneniko aminareo. Fa andraso; tsy maintsy avy amin'Andriamanitra izany. Zanako ianareo. Tsy hiteny aminareo aho. Tsy fantatro na hisy na tsy hisy. Tsy afaka milaza aho.

147 "Sa hisy fahotana eto an-tany mandritr'io fotoana io?" Tsia! Tsy hisy fahotana eto an-tany. Voafatotra i Satana.

148 "Ary hisy olona ve eto an-tany ao amin'ny vatana ara-batana mandritr'io fotoana io?" Eny, tompoko! Hanana ny vatantsika nomem-boninahitra eto an-tany mihitsy isika, hihinana, hisotro, hanorina trano, ary—ary—ary hiaina tahaka ny ataontsika ankehitriny mandritra ny arivo taona. Izany no—izany no volantantelin'ny Ampakarina sy ny Mpampakatra.

**296. Rahalahy Branham, inona no tian'i Jesosy lazaina ao amin'ny Matio 12, andininy 32, izay nilazan'i Jesosy hoe, "Na iza na iza miteny teny iray manohitra ny Fanahy Masina, dia tsy havela aminy izany, na amin'ity fiainana ity, na amin'ny fiainana ho avy"? Azafady azavao amiko ireo andinin-tSoratra ireo. Misaotra anao.** Ary misy ny anaran'ilay lehilahy izany; mpitoriteny iray izy. Eny àry.

149 Rahalahy, izaho dia. . .ianao dia teolojiana iray, izaho tsy izany. Fa tiako ny hilaza an'izao, hoe Jesosy dia nilaza hoe, "Na iza na iza miteny hanohitra ny Fanahy Masina dia tsy havela aminy izany." Amin'ny teny hafa, mba hametrahana an'izany miaraka amin'ny Soratra, "Ho voavela ny olona amin'ny karazam-pahotana rehetra, fa ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina dia tsy havela amin'ny olona." Ny fitenenan-dratsy ny Fanahy Masina dia ny maneso, mitsikera, manao tsinontsinona, ny manao zavatra tahaka an'izany dia amin'izany no iampitanareo ny tsipika eo anelanelan'ny tsara sy ny ratsy.

150 Ankehitriny, raha mahita ny Fanahy Masina ianareo. . . Ohatra, ahoana moa raha hidina eto ny Fanahy Masina ka hamantatra tahaka ny Ataony, ary ahoana moa raha ho ny Fanahy Masina izany, nefa tsy nino ianareo fa Izy izany, ary nivoaka ianareo ka naneso an'Izany sy nitsikera an'Izany; tsy ahoako izay hany ataonareo, vita ny aminareo. Ary tsy afaka manao an'izany ianareo. Izany no manaporofo mihitsy eo fa tsy avy amin'Andriamanitra ianareo, satria ilay Voan'Andriamanitra no mijanona ao anatin'ilay olona ka tsy afaka manota izy. Ary inona ny fahotana? Tsi-finoana. Rehefa mahita ny Teny tonga voaseho izy, dia hino an'Izany. Ary afaka fotsiny ihany izy . . .

151 Hitanareo, anankiray ihany ny fahotana, fahotana anankiray ihany. Firy no mahafantatra an'izany? Izany dia ny tsi-finoana. Marina izany. Tsy fahotana iray ny fijangajangana. Mifoka sigara, miteny lainga, mianiana, tsy izany no fahotana. Ireo toetry ny tsi-finoana izany. Manao an'izany ianareo, satria tsy mpino iray. Marina izany. Noho izany, hitanareo, anankiray ihany ny fahotana, ary izany dia ny tsi-finoana. "Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady." Tsy mampaninona izay ataony na inona na inona, voaheloka izy eo am-panombohana. Eny àry.

**297. Ranadahy Branham, ratsy ho an'ny tanora iray tsy manambady—tsy manambady ve** (tsy nilaza hoe inona) **ny manapaka ny...ny volon'izy ireo?** Heveriko fa vehivavy iray izany.

152 Eny! Eny, izany dia—ratsy ho an'ny vehivavy rehetra ny manapaka ny volony.

Fanontaniana fohy kely iray fotsiny izany. Ianareo ve—tehatory ve ianareo? Eny, isika dia—handeha haingana mihitsy arak'izay azontsika atao isika. Niezaka mafy ny ho tonga eo amin'ilay taranaky ny menarana aho.

**Mivavaha ho an'ny zanakay ao...**

Fangataham-bavaka izany. Noraisiko fotsiny ireto dia nandeha, fotsiny...

**298. Ranadahy Branham, mahazo miasa amin'ny raharaham-panjakana ve ireo vehivavy rehefa manana vady amanjanaka salama izy ireo? Mametraka an'ity fanontaniana ity ho an'ny olon-kafa aho.**

153 Eny, izaho—izaho—izaho—tsy fantatro ny mikasika an'izany. Tsy afaka milaza aho. Fa izaho—manana an'ity fahatsapana ity fotsiny aho. Mamelà ahy hilaza an'ity: Mino aho, raha izaho no—no vehivavy iray ka fantatro fa salama ny vadiko ary nanana asa tsara, niasa, dia mino aho fa izany dia ho—ho fahafinaretana lehibe iray ho ahy ny mijanona ao an-trano, mikarakara an'ireo zanako sy manao ny...sy—sy—sy mikarakara an'ireo zanako sy mitaiza azy ireo, ary ho tia ny Tompo. Ary raha nanana fotoana aho aorian'ny fanasan-dambako sy ireo zavatra tokony hataoko, dia heveriko fa hampianatra an'ireo zanako aho hoe ahoana no hanompoana ny Tompo.

154 Ankehitriny, raha manana tro—trosa ianareo na zavatra izay ezahanareo hanampiana ny vadinareo handoa, na zavatra tsy maintsy ataonareo...Eny, heveriko fa tsara izany raha hiezaka hanampy azy ianareo. Ary—ary miainà ho ramatoa iray. Ary izaho—heveriko fa sarotra izany. Tsy misy lehilahy izay manana fahazoana tsara te-hanana ny vadiny ao anaty andiana iray, izay misy andian-dehilahy vetaveta, maloto sy ireo zavatra tahaka an'izany. Fa raha tsy maintsy miditra amin'izany ilay vehivavy, dia heveriko fa izy dia tokony ho...tokony hahafantatra ny vadiny fa Kristiana tena izy izay azo itokiana izy, vehivavy iray mendrika hitokiana.

155 Fa ankehitriny, raha milaza fa tsy tokony hiasa izy, izaho—tsy fantatro. Hitanareo, tsy misy Soratra manohana an'izany. Izaho fotsiny dia—manolotra an'izany hevitra izany fotsiny aho. Saingy heveriko fa raha-te hiasa ny vehivavy iray ary te-hiasa izy...

156 Ankehitriny, manohitra tokoa an'ireo vehivavy miasa ao anatin'ireo birao misy an'ireo lehilahy mpandraharaha rehetra ireo aho...Manao hadalana izy ireo, miteny an'ireny vazivazy

maloto ireny. Ary vehivavy mahafinaritra, madio no mipetraka eo, nefa ireo zavatra maloto mamoafady rehetra ireo no tenenina eo tahaka an'izany, izaho—manohitra an'izany aho. Heveriko fa tokony hivoaka hiala amin'ny zavatra tahaka an'izany ianareo.

157 Fa ankehitriny, raha ny vehivavy iray no afaka hihazona ny tenany ho tena—ho tena ramatoa iray ka miezaka hanampy ny vadiny hanao zavatra mba hahazo akanjo vitsivitsy handehanan'ireo ankizy any an-tsekoly, na—na handoavana faktiora iray, na zavatra tahaka an'izany, ka te-hiasa izy mandra-pahavitan'izany. . . Ankehitriny, tsy ny Tompo izao, satria tsy manana Soratra ho an'izany aho. Milaza fotsiny aho fa izany no ho hevitro; fa raha tsy izany, dia tsy hihevitra aho hoe satria te-hiasa fotsiny izy mba handehandeha fotsiny ka hanana, na, vola betsaka ho laniana, mandehandeha, ary mandeha any amin'ireo trano fisotroana, na misotro, mifoka, ary manao hadalana; tsy mihevitra aho fa tokony hanao an'izany izy. Heveriko fa tokony hijanona ao an-trano izy, hiezaka ho ramatoa iray, ary hikarakara ny tokatranony.

**299. Raha Jesosy ao anatin'ny fanindroany. . .**(Tsia!) **Raha Jesosy. . . raha ao anatin'ny fanambadiana fanindroany ianareo izay samy nisara-panambadiana ny andaniny roa. . . ny. . . izany (m-i-b-e-b-. . .) fibebahana an'izany amin'ny fibebahana betsaka, sa tsy maintsy mamarana ianareo, sa, tsy maintsy hamarana ny firaisam-panambadianareo ianareo mba ho mahitsy?**

"Raha—raha ao anatin'ny fanambadiana faharoa ianareo izay samy nisara-panambadiana ny andaniny roa. . . " Heveriko fa efa novaliako izany. Hitanareo? Eny, efa novaliako izany. Izay ny andaniny roa dia—dia. . . Izaho fotsiny. . .

158 Izaho—maniry aho ny tsy tokony handehanantsika eo amin'ireto zavatra ireto, ry olona. Manana sakaiza aho izay mipetraka eto mihitsy, ato amin'ity mpanatrika eto ity izay fantatro. . . Saiky hamono ahy mihitsy ny milaza an'izany, fa izaho—tsy maintsy lazaiko ilay izy. Hitanareo? Ary ao anatin'ny toeram-pahalòvana tahaka an'izany izao tontolo izao.

159 Ny vehivavy mahantra iray, kely, antitra manao fahadisoana ka manambady alikaolika iray ary—ary mivily tahaka an'izany, na ny lehilahy mahantra iray manambady mpivarotena iray nefa tsy fantany izany, ary avy eo dia mifatotra amin'io vehivavy na lehilahy io raha mbola velona foana izy ireo. Zavatra mahatsiravina izany. Zavatra masina ny fanambadiana.

Matetika ireo ankizy mpanota no miditra ao ary manao an'ireo zavatra ireo, ary avy eo dia manontany izy ireo hoe ahoana ny amin'izany rehetra izany. Izaho—Izany dia. . . Mino aho, fa raha avelan'ny Tompo hanazava an'io fanambadiana sy fisaraham-panambadiana io amin'ny fomba tokony haha-izy azy

aho, dia mino aho fa izany no hanazava betsaka an'izany. Izany rehetra izany dia . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

**300. Hitanay . . . Nahoana izahay no tsy afaka mivarotra ny tranonay? Misaotra anao. Izahay . . . P.S. Nivavaka sy nifady hanina izahay—ary—mba hivarotra azy, kanefa tsy misy vokany.**

160 Eny ankehitriny, Rahalahy na Ranabavy (tsy manao sonia ny anarany izy ireo), fa na iza na iza izany, ankehitriny, raha miezaka ny hivarotra ny fanananao ianao ary nanao an'izay ianao . . . Te-hivarotra an'izany ianao ary angamba hividianana bebe kokoa na izay tianao hatao, tsy fantatro. Raha marina ny tanjonao, miezaka hividy trano iray ianao . . . Raha manan-janaka na zavatra tahaka an'izany ianao, ianao dia te-hanome azy ireo trano iray tsaratsara kokoa na zavatra iray . . . Tsy fantatro hoe inona ny amin'izany rehetra izany, fa izao no ho lazaiko: Raha miezaka mivarotra azy ianao, ary mifady hanina ka miezaka mivarotra azy, amin'izay fotoana izay dia apetraho amin'ny Tompo izany ka adinoy ny mikasika an'izany. Hitanao? Satria izany dia mety hoe Andriamanitra . . . Mety hifindra any an-kafa any ho any ianao, ary mety tsy tsara izany. Hitanao?

161 Raha Kristiana iray ianao ka matoky ny Tompo, satria azo antoka tokoa fa izany ianao raha tsy izany dia tsy hifady hanina sy hivavaka ianao. Hitanao? Noho izany dia hatolotro ho an'ny Tompo fotsiny izany. Manaova hoe, "Ankehitriny, Tompo, rehefa Fotoanao ny hivarotanay azy, dia handefa mpividy iray Ianao." Amin'izay fotoana izay dia voatolotra ho an'ny Tompo ilay izy, esory hiala amin'izany ny tànanao ary mandrosoa. Mino aho fa hety izany. Somary mandeha haingana aho eto, satria lany fotoana fotsiny aho.

**301. Ranadahy Branham, ratsy ho an'ny vehivavy iray ve ny manolana ny volony?**

162 Efa vitako izany. Eny, tsy ahoako, hazòny ho lava fotsiny izany. Hitanareo? Izaho tsy . . . Fantatro fa ianao dia . . . Tsy ny hanao "vazivazy" aminareo zazavavy no tiako ilazana an'izany. Hitanareo? Tso-po izany. Ianao—ianao—te-hahafantatra ianao, dia manontany ahy. Manana fahatokiana ahy ianao raha tsy izany dia tsy ho nanontany ahy an'izany. Ankehitriny, manana fahatokiana anao aho, Ranabavy, fa izay ho teneniko aminao, dia inoako fa hataonao.

163 Tsy afaka manohana an'izany amin'ny Soratra aho. Raha tianao . . . Raha tsy manana volo tsara tarehy, olioly ianao ary vehivavy iray ianao, te-ho tsara tarehy ho an'ny vadinao ianao, ho an'ny sakaizanao, na zavatra tahaka an'izany, izaho—tsy afaka miteny aminao mikasika ny fanolanana ny volonao aho na—na inona no iantsoin'izy ireo an'ilay izy, fandokoana azy sa zavatra iray? Izaho—tsy manana na inona na inona holazaina mikasika an'izany aho; miankina aminao izany. Hitanao? Izaho—

izaho...Ianao fotsiny, eo anelanelany...Anontanio ny Tompo fotsiny izay hatao, Izy—Izy no hiteny aminao an'izany, satria izaho—miezaka manazava an'ireo zavatra amin'ny alàlan'ny Soratra aho. Hitanao?

**302. Hazavao azafady ny Korintiana Voalohany 13:8-12. Ankehitriny dia tafaverina tamin'ilay Fiangonana ny Teny tanteraka dia ireo—tanteraka ve ireo andininy ireo?**

164 Ankehitriny, heveriko fa efa vitako mihitsy izany, sa tsy izany? "Ary rehefa tonga ny tanteraka, dia ho foana ny sombintsombiny." Hoy i Paoly hoe, "Na dia miteny amin'ny fitenin'olona sy ny anjely aza aho, ka manao an'ireo zavatra rehetra eto ireo...Fa rehefa tonga ny tanteraka..." Ankehitriny, misy zavatra tanteraka afa-tsy Andriamanitra ve? Tsia, tompoko! Andriamanitra ve no tanteraka? *Tamin'ny voalohany ny* [Hoy ny fiangonana hoe, "*Teny*."—Mpand.] *ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.* Mbola Andriamanitra foana ny Teny. Hitanareo? Eny àry. Rehefa tonga ny tanteraka, dia foana ny sombintsombiny.

**303. Rahalahy Branham, ratsy ve ny manana hety volo vaky tampona?**

165 Ataoko—ataoko fa lehilahy iray ity; izaho—manantena aho fa izany ilay izy. Eny ankehitriny, manao an'izany ny vehivavy sasany. Azo antoka. Niakatra tao anaty fitateram-bahoaka aho indray mandeha fony aho mpiambina toeram-pihazana an'ny fanjakana eto. Nandeha teto...Nipetraka teo aho, ary niresaka tahaka an'izany ny lehilahy iray, nanao kasiketin'ny mpanao sodira iray, ary niresaka taminy fotsiny aho. Ary nanohy nifoka sigara izy, dia natosiny niakatra tahaka an'izao ny solomason'ny mpanao sodira. Tany amin'ny manodidina an'i Sellersburg eto mihitsy izany. Ary nipetraka teo aho niresaka tamin'io lehilahy io. Nilaza zavatra iray izy teo, ary nihomehy izahay rehetra; nokapohiko teo amin'ny ranjony izy; hoy aho hoe, "Ry tovolahy, izany—tena loza marina tokoa izany, sa tsy izany?"

Ary nipetraka teo tahaka an'izao aho, ary ny—avy hatrany ny anankiray—hoy ny vehivavy iray nipetraka teo am-pita hoe, "Hono ho'aho, Ruth, ianao ve handeha...?"

166 Nanao salopety izy, goavana be, matanjaka tahaka ny lehilahy iray, nipetraka teo nifoka sigara ary namoaka an'izany teo amin'ny orony, nihevitra aho fa lehilahy iray ilay izy. Zavatra iray mikasika ny fandatsahana fandrehetana acetylène iray ary nanao zavatra iray, nikapoka ny lohan'olona iray ka nahavoa an'ilay *izay-iantsoanareo-azy*, ary nanomboka nihomehy. Nihomehy koa aho ary nokapohiko teo amin'ny ranjony mihitsy izy, nihevitra fa lehilahy iray ilay izy. Tsy fantatro ny fahasamihafana. Tsy afaka miteny azy ireo ianareo. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Izay vehivavy manao fitafian-dehilahy, dia fahavetavetana izany." Eo isika izao.

167 Tsia, Rahalahy, raha mila hety volo vaky tampona ianao, dia teneniko aminao: miandrasa fotsiny mandra-pahatonganao eo amin'ny taonako, dia hanana anankiray ianao. Noho izany. . . Mety tsara izany. Tsy tahaka an'izany no tiako nilazana azy, ry sakaiza. Ho tahiana ny fonao raha mino ianao fa miteny aminao ny fahamarinana Rahalahy Branham. Tsy mihevitra aho fa milaza na inona na inona mikasika ny lehilahy Andriamanitra, ny—ny fisaronany dia marina raha mbola manapaka ny volony foana izy. Raha mamela ny volony haniry lava tahaka ny vehivavy iray izy, dia milaza ny Baiboly fa henatra ho an'ny lehilahy iray ny manao an'izany.

168 Fa ankehitriny, raha ianao—raha mbola manana ny volonao foana ianao ary zazalahy kely iray. . . Ary fantatro fa efa nilaza zavatra betsaka mikasika an'izany aho: "Ary ianareo, Ricky, miaraka amin'io hety volo vaky tampona io," sy ny rehetra tahaka an'izany, sy ireo zavatra tahaka an'izany, saingy izaho—milaza an'izany fotsiny aho. Hitanareo?

169 Izaho tsy—tsy mihevitra aho fa Andriamanitra dia miraharaha hoe ahoana no anapahan'ny lehilahy iray ny volony, raha mbola manapaka an'izany foana izy, satria ny lohany dia Andriamanitra. Fa ny lohan'ny vehivavy dia ny lehilahy; noho izany, izy dia tsy maintsy. . . Ary raha manapaka ny volony izy, dia mahafa-boninahitra ny lohany. Noho izany dia tokony hisarahana ny vehivavy mahafa-boninahitra iray ary ialàna. Marina ve izany? Noho izany raha manapaka ny volony ny vehivavy iray, izy dia—manana zò ara-Baiboly tanteraka ny vadiny handroaka azy nohon'ny fiainan-dratsy—olona iray mahafa-boninahitra. Firy no mahafantatra fa izany no Fahamarinana? Izany no nolazain'ny Baiboly, satria mahafa-boninahitra ny lohany izy. Tsy misy vehivavy mahafa-boninahitra tokony hiaraha-miaina.

**304. Rahalahy Branham, rehefa niresaka tamin'ireo zanakavavin'i Ziona i Isaia** (na niresaka tamin'ny, ny tiako lazaina, heveriko fa ny tian'izy ireo lazaina dia hoe "niresaka ny amin'ny") **ireo zanakavavin'i Ziona mikasika an'ireo fehin-tongotra mikorintsandrintsana, volo miolanolana, raha tokony ho volo voalamina tsara, dia sola; raha tokony ho. . . Hampiharina amin'izao andro izao ve izany sa tsy misy fiantraikany ny Baiboly taloha araka ny lazain'ny sasany?**

170 Misy fiantraikany foana ny Baiboly taloha, ary misy fiantraikany ny teny tsirairay izay lazain'Andriamanitra. Eny, tompoko! Ny zavatra tokana ataony manomboka amin'ny Baiboly vaovao hatrany amin'ny Baiboly taloha, dia nohalehibeazina fotsiny izany. Hoy Jesosy hoe, "Efa renareo izy ireo manao hoe, 'Aza mijangajanga' (tsy maintsy tao amin'ilay hetsika ianareo); fa Lazaiko aminareo, na iza na iza mijery vehivavy iray hitsiriritra azy dia efa nijangajanga taminy

sahady tao am-pony." Tena zavatra lehibe miavaka toy ny inona ireo zavatra ireo!

Ankehitriny, tsy maintsy mamarana aho, ry sakaiza. Efa tara loatra kely izao. Ankehitriny, lava loatra ity anankiray ity. Ndao jerentsika raha afaka mahita zavatra hafa aho. Ndao jerentsika.

**305. Ranadahy Branham, ahoana no tokony** (oh, oadray!) **hitondran'ny vehivavy ny volony?**

171 Io indray, amin'ny fomba rehetra izay tianao fotsiny. Timoty Voalohany 2:9. Hitanao? "Aoka ny vehivavy handravaka ny tenany amin'ny akanjo maotina." **Izaho te—te-hitondra ny ahy hahafaly an'Andriamanitra aho.** (Andriamanitra hitahy anao, Ranabavy malala.) **Misaotra anao. Enga anie Andriamanitra hitahy anao. Mivavaha ho anay.** Ary manao sonia ny anarany ilay olona.

172 Sharon, azo antoka, Ranabavy! Andriamanitra hitahy anao. Anaovy lava arak'izay mahalava azy fotsiny izany, Ranabavy. Zazavavy kely iray izany. Andriamanitra hitahy anao, Malala. Mety izany, mandrosoa avy hatrany Ianao.

**306. Aorian'ny nampakarana ny Ampakarina dia hisy virijiny adala ho voavonjy ve sa ho very izy rehetra?**

173 Tsia! Hitanareo, ny zavatra rehetra dia hifarana ho an'ilay fiangonana Jentilisa rehefa esorina miala amin'ny tany ny Ampakarina. Mandao ny tany ny Fanahin'Andriamanitra: "Izay maloto dia mbola maloto foana; izay marina dia mbola marina foana; izay masina dia mbola masina foana." Amin'ny teny hafa dia lasa manetroka ilay toerana masina, izay misy ny—itsanganan'ilay Mpisolovava mba handahatra ny raharaha. Mandao ny toerana masina Kristy; tapitra ny Andron'ny fanelanelanany. Tonga ny Fampakarana; miala avy eo amin'ny toerana masina Izy, mandroso ka mandray ny Bokin'ny Fanavotana, ary mitaky ny zavatra rehetra izay Navotany. Tsy misy asam-panelanelanana intsony. Firy no mahazo an'izany? Niresaka an'izany teo amin'ny iray amin'ireo Tombokase aho—na ny iray amin'ireo...Hia, ireo Tombokase, mino aho fa izay ilay izy, hoe mandroso Kristy mba hitaky ny Asam-panelanelanany.

174 Ankehitriny, iray minitra fotsiny. "Ho voavonjy ve ilay virijina adala?" Tsia! Izay rehetra mitranga izy—dia mitranga ankehitriny. Aorian'io fotoana io izy dia ao amin'ny toerana... Ankehitriny, tsy maintsy handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe izy. Ary ny anton'izany dia, dia satria nandà an'ilay Fanaovam-panavotana tamin'ny Fahafenoany izy. Mpino iray izy, mitonona ho mpino iray, saingy tsy maintsy mandalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe izy. Hoy ny Baiboly hoe, "Ary ny sisa tamin'izy ireo, namoaka rano tamin'ny vavany ilay dragona mba handeha ka hiady..." Ary ora iray toy ny inona izany. Ny...

175 Tsy mbola nisy fotoana iray tao amin'ny tantara izay nisy an'ireo fiangonana ara-anarana tena lasa noana mba hahita ny batisan'ny Fanahy Masina. Izaho—miresaka ho an'ny Christian Business Men aho. Tsy ankitsahatra, izany dia Presbyterana, sy Loterana, Katolika, sy ny rehetra, Batista an-jatony, Fiangonan'i Kristy, Nazareana, Mpivahinin'ny Fahamasinana, Adventistan'ny Andro Fahafito, ny tsirairay avy amin'izy ireo samy mirohotra miezaka mba—mba hahita . . . Hitanareo?

176 Ankehitriny, zavatra manaitra iray ity. Azafady aza raisina ho foto-pampianarana iray ilay izy, fa azonao ve izay nolazain'ny Soratra fa hiseho rehefa tonga izany? Tapitra ny fotoana. Satria jereo, nisy virijiny fito, na, virijiny folo nivoaka mba hitsena ny Mpampakatra, ary ny antsasak'izy ireo dia nanana solika tao anatin'ny fanilony, fa ny antsasak'izy ireo tsy nanana. Izany dia ny ampahan'ilay Vatana izay maty sy ny ampahany izay velona. Ny dimy dia hendry, rehefa izy ireo—tonga ilay antso hoe, "Indro ny Mpampakatra . . . " samy nanadio izy rehetra, na, nifoha ka nanadio ny fanilony mba handeha hankao amin'ny sakafo harivan'ny mpanambady. Fa hoy ilay virijiny adala hoe, "Omeo sasany amin'ny solikareo izahay, fa maty ny fanilonay. (Hitanareo?) Omeo amin'ny solikareo izahay." Hoy izy ireo hoe, "Tsia tokoa, manana ampy ho an'ny tenanay fotsiny izahay. Mandehana mividy an'izany." Ary raha mbola nandeha nividy an'izany izy ireo, dia tonga ny Mpampakatra.

177 Rehefa nivoaka ny fanambarana, ilay didy hoe, "Tonga ny Mpampakatra," dia te-hahitsy ny olona rehetra, haingana mihitsy. Tsy izany ve no ora izay nisian'ilay sora-tànana teo amin'ny rindrina?

178 "Oh, mila ny batisan'ny Fanahy Masina izahay." "Izahay mila an'*ity*, *itsy*, na ny *hafa*!" Fa raha mbola nandeha nividy an'Izany izy ireo, dia tonga ny Mpampakatra. Niditra ny hendry, ary tavela tany ivelany izy ireo izay hisy fitomaniana, fidradradradrana, ary fikitroha-nify.

179 Manana fanontaniana tsara tarehy mihitsy aho ato mandeha miaraka amin'izany hoe: "Iza ilay lehilahy nanao akanjo izay niditra, izay tsy nanao ny akanjon'ny fampakaram-bady?" Ary ireo fanontaniana rehetra izay mifamatotra amin'izany.

**307. Tokony handoa fahafolon-karena amin'ny isam-batan'olona iray ve ny olona iray, sa tokony hiasa ny Kristiana iray?**

180 Azo antoka fa tokony izy. Izy no lehilahy iray izay hiasa, dia ny Kristiana iray.

181 "Mandoa fahafolon-karena amin'ny isam-batan'olona iray?" Izany dia miankina amin'ny hoe iza ilay isam-batan'olona. Hitanareo? Marina izany. Ao amin'ny Hebreo 7, ny fotoana voalohany niresahana mikasika ny fahafolon-karena tao—tao amin'ny toerana iray izay isika . . . Andraso iray minitra, mino

aho, fanontaniana nomerao roa. Tsia! Ah-ah. Tsia! Ho an-dRahalahy. . .Hoy izy, "Fanontaniana roa ho an-dRahalahy Branham."

182 Rahoviana. . .Ao amin'ny Hebreo ny toko faha-7, rehefa Abrahama, niverina avy tamin'ny famonoana an'ireo mpanjaka, nifanena tamin'i Melkizedeka, dia nandoa ampahafolon-karena Taminy izy. Melkizedeka izany, Mpanjakan'i Salema, izay Mpanjakan'ny Fiadanana, ary Mpanjakan'ny Fahamarinana, izay tsy iza fa Andriamanitra Izy tenany. Hitanareo?

183 Fa rehefa mandoa fahafolon-karena ianareo. . .Raha ny marina, ny toerana andoavanareo fahafolon-karena no toerana ahazoanareo ny sakafonareo. "Ento ny fahafolon-karenanareo rehetra hankao amin'ny Trano fitehirizako, hoy ny Tompo. (Marina ve izany?) Ary zahao toetra amin'izany Aho hoy Andriamanitra, raha tsy hanokatra an'ireo varavarankelin'ny Lanitra Aho ka handatsaka ny fitahiana iray izay tsy hanananareo efitra ampy handraisana an'izany." Mihaika ny lehilahy rehetra na vehivavy izay tsy mpandoa ampahafolon-karena aho mba hanaiky an'izany.

184 Afaka mitsangana eto hatramin'ny maraina aho, hiteny aminareo fotsiny an'izay nitranga rehefa nahita an'izany aho, sy ny toerana izay nisy ahy. Fa nahatoky arak'izay hany vitako mihitsy, no nandoavako ampahafolon-karena. Ary rehefa naka ny volako manokana avy tamin'ny fiangonana eto aho na avy tamin'ireo asam-pitoriako, dia naka betsaka kokoa. . .Nomeko ny ampahafolony. Avy eo dia nomeko an'ireo mpitoriteny izany, ary omeko an'ireo mpitoriteny ny sisa tamin'izany. Avy eo, rehefa tsy afaka nanao an'izany aho, amin'izay fotoana izay ny zavatra nataoko, dia notehiriziko ny folo isan-jato ary nomeko an'Andriamanitra ny sivifolo. Ary avy eo, rehefa niteny tamiko ny lalàna fa tsy afaka manao an'izany aho, tsy maintsy nalaiko. . .Ary raha nanao aho, dia tsy maintsy naloa izany rehetra izany, noho izany dia tsy maintsy naka aho ary nampandalo an'izany tao amin'ireo asa fitoriana tany ivelany sy ny sisa, ary avy eo dia naka karama fotsiny avy amin'izany an'ny zato dolara isan-kerinandro; ary mandoa ny ampahafolon-karenako avy amin'izany aho.

185 Eny, tompoko! Mino ny fandoavana ampahafolon-karena aho. Izany no iray amin'ireo fitahian'Andriamanitra izay voaporofo ho fitahiana iray. Hoy ianareo hoe, "Ao amin'ny Testamenta Taloha izany." Ao amin'ny Testamenta Vaovao koa izany! Eny, tompoko!

**308. Rahalahy Branham malala, raha teraka ny zazakely iray avy amin'ny. . .ivelan'ny fanambadiana, afaka ny mba ho voavonjy ve io zaza io na hiditra ao amin'ny Fampakarana?**

186 Voavonjy? Nahoana azo antoka, mino aho fa ilay zaza dia afaka ho. . .Tsy misy azon'ilay zaza hatao amin'izay efa

vita. Marina izany. Fa izaho...Mikasika ny fandehanana ao amin'ny Fampakarana...Voavonjy, hilaza aho hoe, "Eny." Fa ao amin'ny Fampakarana dia taranaka voafidy mialoha iray no mandeha ao amin'ny Fampakarana. Ary tsy afaka hino aho fa taranaka voafidy mialoha iray io fijangajangana io. Azonareo ve? Hitanareo? Mino aho fa ny olona dia afaka—afaka ny voavonjy ilay zaza; izy tsy manana—tsy manana zò avy amin'ny azy manokana. Hetsika mahatsiravina sy ny sisa izany.

187 Fa ankehitriny, ao amin'ny Testamenta Taloha rehefa teraka zazasary ny zazakely iray, dia tsy afaka niditra tao amin'ny fiangonan'ny Tompo akory aza izy mandritry ny taranaka folo, efa-jato taona mahery, tena ratsy io ozona io. Eritrereto fotsiny izany. Zazakely iray tsy manan-tsiny, ny zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny zafikeliny, eritrereto fotsiny, ny zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny, zafin'ny zafikely folon'ilay zazakely dia tsy afaka niditra tao amin'ny fiangonan'Andriamanitra mihitsy aza. Marina izany.

188 Fa hitanareo, tsy nisy na inona na inona matanjaka teo ampy hamela an'io fahotana io. Tsy mamela fahotana ny rà an'ny Testamenta Taloha; nanarona fahotana izany. Fa ny Ràn'i Jesosy Kristy no manaisotra an'izany. Hafa izany ankehitriny. Rehefa tonga ny Ràn'i Jesosy Kristy, dia hafa izany.

**309. Rahalahy Branham, te-ho akaiky ny Hafatrao arak'izay azo atao izahay. Hifindra hankany Arizona ve izahay sa Jeffersonville?**

189 Ataovy izay mety aminareo, ny anankiray. Azoko antoka fa tiako ianareo, tsy ahoako izay alehanareo, izay ataonareo. Fa ankehitriny, ho torohevitra, mino aho fa ho ao Jeffersonville aho. Raha hifindra ianareo na izany aza, izaho dia ho ao Jeff. Mino aho fa imbetsaka aho no eto noho ny any Arizona. Mahafinaritra izany.

**310. Rahalahy Branham, efa—efa tara loatra ve ny mitory teny amin'ny mpanota?**

190 Tsia! Tsia! Aza atao ao an-tsainao izany, rahalahy. Manohiza manorina an'ilay trano. Manohiza manao ny zavatra rehetra izay vitanao. Manohiza fotsiny mandra-piantso anao. Hitanao?

**311. Fanontaniana nomerao roa. Tokony hanasaraka ny tenany amin'ny mpanota ve ny voavonjy ao amin'ny fanompoana? Tokony hisaraka amin'ny mpanota ve ny voavonjy mba hanompo?**

191 Tsy fantatro loatra izay tianao holazaina amin'izany. Raha te-hilaza ianao hoe ireo mpanota tahaka ny ao amin'ny... Manompoa an'Andriamanitra hatraiza hatraiza. Saingy heveriko fa raha nanao isika, ahoana no hananantsika fiangonana, satria tonga ao amin'ny fiangonana mihitsy ireo mpanota ka mipetraka eo akaikin'ilay Kristiana. Aza manasaraka ny tenanao afa-tsy amin'ny fahotana, fa tsy ny

mpanota. Ento ilay mpanota raha vitanao, fa aza mpandray anjara amin'ny fahotany.

**312. Ny vehivavy voavonjy iray ve tokony hanao ny tenany handà ny vadiny raha mpanota izy?**

192 Tsia, tompoko! Tsia, tompoko! Vadinao io. Handroaka azy lavitra an'Andriamanitra mihoatra noho ny hatramin'izay ianao amin'ny fanaovana an'izany. Hitanao? Marina izany, Rahalahy, Ranabavy. Nanambady azy ianao; anao izy, ary azy ianao.

**313. Rahalahy Branham, inona no dikan'ny hoe fanafoanana? Malalaka hanambady ve ny olona sa teny iray hafa ilazana fisaraham-panambadiana fotsiny izany? Mila fampahafantarana vitsivitsy mikasika an'izany aho.**

193 Azo antoka fa manambady izy ireo. Raha mbola manao an'io voady io foana izy ireo, dia manambady. Tahaka ny zazalahy iray fotsiny, raha mampanantena zazavavy iray ny zazalahy iray fa hanambady azy amin'ny finoana tsara, dia voatery izy amin'io zazavavy io. Toy ny manambady azy tsara mihitsy izy. Ny zavatra tokana ataon'ny lalàna, dia manome anareo vo—volavolan-dalàna momba ny zò hiaina miaraka mba tsy ho mpivady tsy ara-dalàna. Fa rehefa miteny amin'ny vehivavy iray ny lehilahy hoe, "Hanambady anao aho, Malala; Haka anao ho vadiko aho. Ianao ve haka . . .?" dia manambady izy.

194 Masina ny voadinareo; izany no mampivady anareo na ahoana na ahoana. Tsy misy mpitory teny afaka mampivady anareo, na mpitsara, na inona na inona hafa; ilay izy dia ny voadinareo manokana tamin'Andriamanitra sy tamin'io lehilahy io. Rehefa mampanantena ianareo, dia manambady ianareo.

195 Jereo. Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, izany ve . . .? Hoy ianao . . . Nilaza ianao fa amin'ny alàlan'ny Baiboly ihany no hamalianao." Nila ny Baiboly mikasika an'izany ve ianareo? Atsangano ny tànanareo raha mila an'izany ianareo. Ankehitriny, manana eo amin'ny enina na valo minitra eo isika. Eny àry.

196 "Josefa, ny vadiny, izay lehilahy marina iray (ny fofombadiny, efa nantsoina sahady hoe vadiny) . . . Josefa, ny vadiny, izay lehilahy marina iray, dia 'nikasa' ny hametraka azy mangingina arak'izany; fa talohan'ny niarahan'izy ireo, dia hita fa nitoe-jaza avy tamin' ny Fanahy Masina izy. (Hitanareo?) Ary ilay Anjelin'ny Tompo niseho taminy tamin'ny nofy ka nanao hoe, 'Ry Josefa, ianao ry zanak'i Davida, aza matahotra ny haka ho anao, an'i Maria, ho vadinao.'" Efa nivady izy, efa nampanantena azy izy.

197 Ary ny . . . Ary ry ramatoa kely, raha nampanantena ny hanambady an'io zazalahy io ianao, dia voatery hanao an'izany ianao. Raha manambady iray hafa ianao aorian'io fanerena io, ianao dia, manomboka izao na ahoana na ahoana, dia hiaina ao anatin'ny fijangajangana ianao. Ary mariho, ilay zavatra iray

ihany ho an'ny zazalahy iray mampanantena ny hanambady vehivavy iray . . .

198 Aza manao ny voadinareo amin'iza na iza raha tsy tianareo ny hiraikitra amin'izany. Tsarovy, ity ny Baiboly mikasika an'izany. Nampanantena ny hanambady an'i Maria i Josefa. Ary nilaza Andriamanitra fa izany dia . . .

199 Vakio ireo lalàn'ny Testamenta Taloha mikasika an'izany. Hitanareo? Ny lalàn'ny Testamenta Taloha, raha nampanantena ny hanambady vehivavy ianareo, nefa nanambady anankiray hafa, dia nijangajanga ianareo; ary nandroaka anareo tany ivelan'ny toby izany. Eny, tompoko! Tsy maintsy mihazona an'ireo voadinareo ianareo rehefa mampanantena an'izany tamin'ny vehivavy iray. Fanaka kely iray masina izy, ary izany dia mba hitondra fiainan-jaza eo amin'izao tontolo izao indray. Noho izany rehefa mampanantena azy ianareo, dia tsy maintsy manambady azy.

**314. Tara loatra ve izao ho an'ny fivoriana any am-ponja sy ny asa tahaka an'izany ho fijoroana vavolombelona iray hiezahana hamonjy fanahy? Tokony hivarotra an'izay rehetra ananany ankehitriny koa ve ny olona, tena ho avy tsy ho ela ny Tompo?**

200 Eny, ahoana—ahoana no anaovanareo . . . Manantena aho fa tsy nilaza na inona na inona izay hanao anareo hino zavatra tahaka an'izany aho. Nilaza ve aho? Raha nilaza aho, dia mamelà ahy! Tsy ny tiako lazaina . . . Hitanareo? Aza manombatombana fotsiny an'ireo zavatra ireo. Manohiza mandeha mihitsy, mitory teny, manao fivoriana any am-ponja, mahazo ny olona rehetra, ary aza . . .

201 Jereo eto. Ireo Adventistan'ny Andro Fahafito teto vao tsy ela akory izay, teo amin'ny dimampolo na enimpolo taona lasa izay, nahita an'izany aho tao amin'ny gazety *Courier-Journal* (manana an'izany aho any ho any ao anaty vata iray), silaka goavana be iray an'ny gazety *Courier-Journal*, izay nanarian'izy ireo an'ireo elatra tranainy, rehefa nantsoina hoe Millerites izy ireo talohan'ny nahalasa azy ireo ho Adventistan'ny Andro Fahafito. Ary nameno ravin-taratasy goavana iray manontolo izy ireo tao amin'ilay gazety *Courier* teto Franklin, Kentucky, rehefa nivarotra ny fananany rehetra izy ireo ka nitondra . . . Nametraka daty anankiray izy ireo, nanaporofo an'izany tamin'ny alàlan'ny Soratra, hoe ho tonga amin'io daty io Jesosy, ary niakatra tany ka nitondra an'ireo lokangany sy ny sisa, ary nipetraka eo an-tampon'ny havoana. Ny ampitso maraina dia nidina, ny ando no nampihena an'ireo volom-borona rehetra, ary nidina kivy izy ireo. Hitanareo? Sekta sy ny sisa izany.

202 Aza mino an'izany. Mety tsy mbola ho tonga Jesosy afaka zato taona. Tsy fantatro hoe rahoviana Izy no ho avy. Tsy misy olona mahafantatra hoe rahoviana Izy no ho avy! Fa hiezaka ny

hanohy hitory teny sy hanao ny zavatra rehetra izay vitako aho mandra-Pihaviny. Raha tsy eto Izy androany, dia hiandry Azy aho rahampitso. Raha tsy eto Izy ho. . . amin'ity herinandro ity, dia hiandry Azy aho amin'ny herinandro manaraka. Raha tsy eto Izy ao anatin'ny folo taona manaraka, ka velona aho, dia hiandry Azy aho ny telopolo taona manaraka. Hitanareo? Mbola hiandry foana aho. Tsy fantatro hoe rahoviana Izy no ho avy, fa tiako ny hiaina mahatoky amin'Ny Teniny sy mahatoky amin'ny Olony, ary hiaina tahaka ny Kristiana iray, ary hiandry ny Fihaviany. Hitanareo?

203 Manohiza mitory teny amin'ny fivoriana any am-ponja, manao ny olona rehetra ho voavonjy arak'izay vitanareo. Tsy fantatro hoe rahoviana Izy no ho avy; tsy misy olona mahafantatra. Fa hilaza an'ity zavatra anankiray ity aho. Ity no ezahako ho tenenina aminareo, ary manantena aho fa tsy miezaka hametraka ny fandikanareo manokana ianareo. . . Tsy hoe mivazavaza an'ity olona ity. Andriamanitra hitahy anao Rahalahy, Ranabavy, na iza na iza ianao. Toa olona avy any ivelan'ny tanàna ilay izy, satria ilay izy dia teo amin'ny—teo amin'ny karatra postaly, heveriko, avy any Denver, Colorado, ary. . . Hia, Pike's Peak, Colorado. Noho izany dia mety ho olona iray no nandefa an'izany tamin'ny paositra, fa izany—mety tsara tanteraka izany. Afaka maka an'ilay horonam-peo izy ireo.

204 Fa aoka isika hahatsiaro, aza manova na inona na inona, afa-tsy ny làlanareo avy amin'ny fahotana mankany amin'ny fahamarinana fotsiny ihany. Manohiza hatrany eo amin'ny asanareo, manohy hatrany tahaka an'izany fotsiny. Izay rehetra mahazo tsara an'izany, dia manaova hoe, "Amena," [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hitanareo? Ataovy izany ankehitriny!

**315. Rahalahy Branham, ao amin'ny Matio 12:40, dia izao no voalaza, "Tahaka an'i Jona tao—tao an-kibon'ny trozona telo andro sy telo alina; dia ho toy izany koa no hitoeran'ny Zanak'olona telo andro sy telo alina ao anatin'ny tany." Ahoana no hampety an'izany andro izany izay lazain'izy ireo. . . amin'izao andro izao izay lazain'izy ireo fa natao tao am-pasana Izy ny Zoma hariva ary nitsangana ny Alahady maraina, manao an'ilay izy ho roa alina sy iray andro fotsiny?**

205 Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, dia izao no voalaza hoe, "Tahaka ny" (hitanareo?) tamin'ny andro izay nitoeran'i Jona tao anatin'ilay kibo telo andro sy telo alina. Teo anelanelan'ny telo andro sy telo alina izany, teo anelanelan'io telo andro sy telo alina io, satria tsy afaka hanao ny Soratra handainga ianareo. Hoy ilay mpaminany hoe, "Tsy hamela ny Iray masiko hahita ny lò Aho, tsy hahafoy ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Aho." Ary ao anatin'ny roa amby fitopolo ora no miditra ao anatin'ny vatan'olombelona ny fahalòvana, izay

telo andro sy telo alina. Fotoana iray ao anatin'io telo andro sy telo alina io no tsy maintsy mivoaka avy ao am-pasana Izy.

206 Noho izany satria telo andro sy telo alina, dia tsy midika izany fa tsy maintsy ho izany marina tokoa ilay izy; izany dia fotoana iray eo anelanelan'io telo andro sy telo alina io. Tsy maintsy nivoaka Izy, satria tsy azo foanana ilay faminaniana, hoe ny . . . Tsy afaka nahita ny lò Izy ary ho lò izany raha nijanona tamin'io fotoana io marina tokoa Izy.

**316. Rahalahy Branham, raha efa nanambady ny lehilahy iray ka nisara-panambadiana** (Tsy mahatsiravina ve izany, hitanareo, tena betsaka? Ankehitriny, tsy milaza na inona na inona manohitra ny olona aho; ao an-tsain'ny olona fotsiny izany. Azo antoka, fa sahiran-kevitra izy ireo. Ny Fampakarana, ny olona taloha dia tsy nieritreritra betsaka mikasika an'izany; tsy nisy betsaka an'izany. Fa ankehitriny, nanenika an'izao tontolo izao fotsiny izany. Ary mamaky an'ireo zavatra ireo ao amin'ny Soratra ny olona. Ary ny olona, Voafidy, dia tonga eo mba hijery an'izany. Ary hitan'izy ireo izany, ary tso-po izy ireo. Tehahafantatra izy ireo. Izany no antony itiavako hamaliana azy amin'ny fomba misaina indrindra arak'izay azoko anomezana azy anareo.) **—efa nanambady ka nisara-panambadiana ary avy eo dia nanambady indray vehivavy iray izay efa nanambady sy nisara-panambadiana ihany koa ary avy eo dia nanambady azy, ary izy roa ve afaka—afaka . . . mivady eo imason'Andriamanitra . . . mivady ve izy ireo eo imason'Andriamanitra? Ahoana no ahafahan'ny roa na ny iray amin'izy ireo ho ao amin'ny Fampakarana?**

207 Ahoana? Tsy fantatro. Tsy afaka miteny aminareo aho. Ny fanontaniana dia, "Afaka ho ao amin'ny Fampakarana ve izy ireo?" Nisara-panambadiana, nisara-panambadiana ny tsirairay avy amin'izy ireo, manana namana velona iray ny tsirairay avy amin'izy ireo, avy eo dia nanambady indray izy ireo, samy nanambady indray izy roa. Ary ankehitriny, ny anankiray izay . . . Manana vady velona iray ity vehivavy ity; manana vady velona iray ity lehilahy ity. Ary ankehitriny, manan-janaka sy ny sisa izy ireo ary te-hanatona an'Andriamanitra. Afaka mandeha ao amin'ny Fampakarana ve izy ireo? Miankina amin'ny Ray any An-danitra izany. Tsy afaka mamaly an'izany aho. Hitanareo?

208 Izaho—zavatra anankiray no hitako. Ny Baiboly dia nilaza fa izy ireo dia hantsoina hoe mpijangajanga. Ary hoy koa ny Baiboly hoe, "Ny mpijangajanga dia tsy hiditra ao amin'ny Fanjakan'ny Lanitra." Izay ihany no azoko lazaina. Izaho—fantatro, somary mamono ahy fotsiny ny milaza an'izany, saingy tsy afaka milaza afa-tsy izay lazain'ny Teny aho. Tsy maintsy mijanona amin'izany aho. Manantena aho fa diso izany rehetra izany. Misy toerana ao amin'ny Baiboly . . .

209 Tsy manoro hevitra anareo aho. Azafady, mamelà ahy hanome anareo Soratra kely. Azafady, azafady aza—aza—aza . . . Raha miaina sambatra miaraka amin'ny vadinareo lahy ianareo, miaina sambatra miaraka amin'ny vadinareo vavy, azafady mijanòna tahaka an'izany. Sitrakareo ve? Izao fotsiny—ho an'ny fotsiny, satria efa noteneniko taminareo izany, aza—aza avela ho tsy manana tokatrano sy ny sisa tahaka an'izany ny ankizy kely. Andriamanitra dia nanao famerenana amin'ny toerany ho an'ireo olona izay—izay—izay nanao zavatra tsy nety. Tsaroanareo, Jesosy dia nilaza ny amin'i Davida rehefa noana izy, niditra tao amin'ny tempolin'Andriamanitra izy ka nihinana an'ilay mofo aseho, izay ho an'ny mpisorona ihany araka ny lalàna, nefa hita tsy manan-tsiny izy. Ny mpisorona koa dia niteny ratsy ny Sabata tamin'ny andro Sabata ka hita fa tsy manan-tsiny izy ireo, ary nisy lehibe noho ny Sabata teo. Hitanareo? Eo . . . Izaho . . . Ndao isika—ndao avelantsika amin'Andriamanitra fotsiny izany, ary mandrosoa, ary miainà fotsiny arak'izay ianareo . . . Izao fotsiny—miainà fotsiny ho an'i Kristy ankehitriny.

210 Ndao jerentsika, mety hisy anjara iray hahatafiditra anareo. Aza manao . . . Ny fahadisoana roa tsy hanitsy anankiray mihitsy. Manohiza fotsiny ary miainà arak'izay maha-izy anareo raha ianareo no—raha miara-sambatra ianareo. Mety manana an'ilay namana tsy izy ianareo. Hilaza an'ity zavatra anankiray ity aho: raha manana an'ilay namana tsy izy ianareo amin'ity vady ity, amin'ity fiainana ity, dia tsy hanana an'izany mihitsy ianareo amin'ilay iray hafa. Hahitsy ny fahadisoana rehetra.

**317. Handeha ao amin'ny Fampakarana ve ny mpino nateraka indray rehetra?**

211 Tsia, ilay sisa nanamborana fotsiny, ilay sisa nanamborana fotsiny, fa tsy ny mpino nateraka indray rehetra. Hoy ny Baiboly hoe, "Ary ny sisa tamin'ny maty dia tsy velona nandritry ny arivo taona," ary avy eo dia natsangana izy ireo ary navahana, ny ondry tamin'ny osy. Tsy ny nateraka indray rehetra no handeha ao amin'ny . . . araka ny Soratra.

**318. Inona no porofo fa feno ny Fanahy Masina marina tokoa ny olona iray?**

212 Jaona 14:26: Izy no . . . "Rehefa tonga ny Fanahy Masina (hitanareo?), dia Izy no haneho aminareo an'ireo zavatra ho avy." Hitanareo? Izy dia ho ny . . . Izy no hahatanteraka an'izany; "nataon'olombelona" tsy hanao an'izany; ary Izy no Teny. Rehefa tonga Izy ilay Fanahy Masina, dia Izy no hanondro ny Tenany ao anatinareo miaraka amin'ny Soratra. Ary izany no famantarana marina fa ao anatinareo ny Fanahy Masina, satria Izany no Teny.

213 Jereo ankehitriny! Ahoana moa raha niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo? Te-hanontany anareo an'izany fotsiny aho. Nolazain'i Jesosy izay Hataony rehefa tonga ny Fanahy

Masina. Ary ahoana moa raha niteny tamin'ny fiteny tsy fantatra ianareo, mitsambikina ambony sy ambany, mihiakiaka, sy ny zavatra hafa rehetra, ary avy eo dia manatona ny Teny; ary hoteneniko aminareo ny batisan'ny. . . porofoiko aminareo amin'ny alàlan'ny Soratra araka ny nataoko, fa ny batisa mampiasa ny titra hoe Ray, Zanaka, ary Fanahy Masina dia tsy fahazoana tanteraka ny Soratra, tsy mbola nisy olona hany natao batisa tahaka an'izany, nefa mandroso ianareo ary mifikitra amin'izany na ahoana na ahoana? Afaka miteny amiko ve ianareo fa ny Fanahy Masina ao anatinareo dia hanao zavatra iray tahaka an'izany? Ahoana no Ahafahany handà Ny Teniny Manokana?

214 Rehefa asehoko aminareo izay natao hiseho amin'izao andro izao, ahoana no tsy maintsy hanambaran'ny Zanak'olona ny Tenany, ary izay tokony Hataony, sy ireo Soratra rehetra izay efa nisy ankehitriny, ary avy eo dia mahita Azy midina mihitsy ary manondro an'izany, nefa ianareo mifikitra mihitsy amin'ny anaram-piangonana iray ka milaza fa nateraka indray ianareo? Afaka manisy dikany an'izany ve ianareo?

215 Afaka miteny amin'ny vadiko ve aho hoe tiako izy, ary—ary manana fotoana amin'ny vehivavy iray hafa, ary mandehandeha, nefa avy eo dia miteny aminy avy amin'ny foko fa tiako izy? Mihevitra ve ianareo fa ho fitiavana marina izany? Afaka miteny amiko ve izy fa tia ahy, ary rehefa lasa aho, dia mandeha miaraka amin'ny lehilahy iray hafa izy?

216 Izany marina tokoa no nataon'ny Isiraely tany. . . Fantatrareo ny Baiboly eo, ahoana no Nolazainy, miresaka. . . Isiraely, hoy Izy, "Efa nasabakanao ny ranjonao ka nampiditra ny olona tsirairay izay nandalo, ary efa nilalao ny ampahan'ny fijangajangana Tamiko ianao; ary handroaka anao amin'ny fisaraham-panambadiana Aho." Marina tokoa! Inona izany? Mijangajanga amin'ny tenanareo manokana ianareo. Ary raha mivoaka ny vehivavy iray ka miaina miaraka amin'ny lehilahy iray hafa, na lehilahy iray miaraka amin'ny vehivavy iray hafa, rehefa mivady izy ireo, dia mandoto ny nofony manokana. Ary rehefa milaza ny olona iray fa Kristiana izy nefa handà tanteraka ny Soratra ho marina, dia mijangajanga amin'ilay Vatana izay lazainy fa misy azy izy. Hitanareo? Noho izany dia mariky ny antikristy izany, hany ka hamitaka ny Voafidy izany raha azo atao.

**319. Rahalahy Branham, mety tsara ho an'ny—ny ankizy tanora ve ny manao pataloha sy short?**

217 Tanora toy ny ahoana? Aoka ianao ihany no hitsara an'izany; raha Kristiana iray ianao. Ny zazavavy kely na ankizy kely bitika, heveriko, tsy fantatro, izaho. . . Ny zavatra tokana fantatro, ny Baiboly dia milaza fa fahavetavetana ho an'ny vehivavy ny manao fitafiana izay—izay an'ny lehilahy.

Hitanareo? “Vehivavy iray,” tsy nilaza hoe, “ankizy.” Fa ankehitriny, izaho fotsiny . . . Ataovy fotsiny izay mety aminao mikasika an’izany, izaho . . . Ho ahy, tsy mahita na inona na inona ratsy amin’ny zazalahy bitika kely iray, zazavavy bitika kely efatra na dimy taona aho miaraka amin’ny . . . Raha ankizy kely izy ireo, fantatrao ny tiako holazaina, dia mihazakazaka eny antokotany izy ireo. Raha mitafy izy, izay antsoinao hoe pataloha na inona na inona, dia zaza kely bitika iray, izaho—tsy mahita na inona na inona ratsy amin’izany aho. Angamba . . .

218 Hitanareo, milaza aminareo fotsiny an’izay lazain’ny Teny aho. Fahavetavetana ho an’ny vehivavy iray ny manao fitafiandehilahy.

**320. Aiza no tokony hanangonantsika ny tenantsika? Ary ianao no nilaza mba hanangona ny tenanareo eo amin’ireo Trompetra.**

219 Mino aho, ry sakaiza, Ranabavy, na iza na iza izany, ianao dia—diso ianao eo. Tsy nilaza mihitsy aho hoe manangona ny tenanareo eo amin’ireo Trompetra. Nilaza aho fa Isiraely no niangona teo amin’ireo Trompetra, fa tsy ny Ampakarina Jentilisa. Tsia, tsia! Ireo Trompetra, ny fitsofana an’ireo Trompetra Fito dia ny hanangonana ny Isiraely (firy no mahafantatra an’izany?) avy any amin’ny rehetra . . . Hia, tsy ny . . . Tsia, tsia! Ah-ah! Tsia, tsy—tsy—tsy Isiraely. Noho izany, tsy izany ilay izy . . . Isika tsy miangona eo amin’ireo Trompetra miaraka amin’ny—eo—tsy miangona ny Ampakarina. Ireo Trompetra dia tonga aorian’ny Fetin’ny Pentekosta. Hitanareo? Ary ny Fampakarana dia tonga . . . Ary izany . . . tsy ity fanontaniana ity ankehitriny.

**321. Rahalahy Branham, raha manam-potoana ianao dia azavao azafady ny Matio 10:41. Tiako ho fantatra hoe inona ny valisoan’ny mpaminany?**

220 Eny ankehitriny, hoy Jesosy hoe, “Na iza na iza mandray mpaminany amin’ny anaran’ny mpaminany, dia mandray ny valisoan’ny mpaminany.” Ny valisoan’ny mpaminany dia ny ho sakaizan’ny mpaminany. Na iza na iza mandray olo-marina amin’ny anaran’ny olo-marina, dia mahazo valisoan’ny olomarina. Marina ve izany? Ary raha te-hahafantatra izy ireo hoe inona ny valisoan’ny mpaminany, dia ny ho sakaizan’ny mpaminany. Hitanareo? Valisoa iray izany. Sakaizanareo izy.

221 Tahaka an’ilay vehivavy Sonemita, dia mety ho tonga amin’ny ilàna azy izany indraindray. Hitanareo? Izany ilay izy taminy. Hitanareo? Diniho ireo mpanompon’Andriamanitra.

Oh, oadray! Ankehitriny, isika dia . . . Izaho—tsy maintsy mamarana aho ary, ry sakaiza, izaho—halako ny manao an’izany, fa jereo fotsiny eto, jereo fotsiny hoe inona, anjatony. [Hoy ny rahalahy iray hoe, “Manohiza mandeha, rahalahy.”—Mpand.] Tsia! Fa—fantatro, fa ire- . . . Izaho—tiako

ianareo milaza an'izany, saingy mieritreritra an'ireto olona mampalahelo mbola hamily fiara an-jatony maily ireto aho izao hariva izao. Oadray, izy ireo fotsiny dia. . .misy betsaka ato, izaho. . .

**322. Rahalahy Branham, tiako ny hahafantatra mikasika ny Arivo taona. Aorian'ny Sakafo harivan'ny Fanambadiana ve izany, sa—sa eto an-tany izany, ny rehetra mikasika an'izany. Izaho dia—tsy azoko ny mikasika an'izany.**

222 Eny, Rahalahy na Ranabavy, sarotra ho ahy ny hahazo an'izany, ny tenako. Fa ny zavatra tokana azoko lazaina dia ity: ny Sakafo harivan'ny Fanambadiana dia tonga alohan'ny Arivo taona.

223 Ankehitriny, hitanareo, olona iray, fantatro fa any ho any ato dia misy fanontaniana iray mikasika an'izany, izay nanao hoe, "Rahalahy Branham, ianao dia—diso ianao mikasika an'ireo fitopolo herinandron'i Daniela. Mbola hisy fitopolo herinandro." Tsia, ho avy ny Mesia ka haminany, ary eo afovoan'ireo fitopolo herinandro, fitopolo herinandro, izany hoe fito taona, Izy dia tsy maintsy—tsy maintsy esorina tsy ho eo anivon'ny velona Izy ka natao fanatitra iray. Firy no mahatsiaro an'izany? Eny àry. Firy taona àry Jesosy no nitory teny, ilay Mesia? Telo sy tapany. Noho izany dia mbola misy telo sy tapany voatendry.

224 Ary ao amin'ny Apokalypsy ny toko faha-11, ireo mpaminany roa ireo, maminany enimpolo amby roanjato amby arivo andro izy ireo. Telo taona sy tapany no mbola nampanantenaina ny Isiraely rehefa lasa ny Ampakarina Jentilisa. Firy no mahazo an'izany ankehitriny? Hitanareo? Eny àry, eny àry.

**323. Ity dia ny. . .Manana toerana mivarotra sakafo maivana aho ary mampihinana an'ireo ankizin'ny sekoly ambony amin'ny ampahany be indrindra. Hatramin'ny nidirako tao amin'ny Hazavana, dia nesoriko ilay milina filokana sy ilay** (ilay jukebox; izay ananan'izy ireo) **j-box niala. Tena mifoka ireo tanora ary mila an'ilay mozika rock-and-roll izy ireo eo amin'ny—eo amin'ny radio. Eo amin'ny adiny efatra isan'andro fotsiny no isokafako. Izaho tena tsy—tena tsy manohana ny fifohana na fisotroana aho, saingy manahy aho amin'ny fihazonana an'ilay toerana.**

225 Fantatrao, olana iray izany. Hitanao? Ny zavatra amin'ilay izy dia, hoe ianao dia—ianao dia. . .angamba tsy maintsy manao fivelomana. Saingy fantatrao ve izay hataon'izany ho ahy? Nanao ahy ho tena nikorontan-tsaina izany ka tsy afaka aho. . . Izaho—izaho—izany. . .Mety afaka hahatanty an'izany ianao, fa io andiana "Ricky" kely ao anatiny ao io izay manao hadalana tahaka an'izany, sy "Ricketta," izaho dia—izaho dia—hanao ahy ho olon-dia izany. Hitanareo?

226 Ary teneniko aminareo; izaho—izaho . . . Raha ahy ilay izy, dia fantatro izay hataoko. Hilaza aho hoe, “Ajanòny io na mivoaha eto.” Hitanareo? Mitantana karazana toerana tsara aho na tsy mitantana mihitsy. Fa ianao, raha tsy maintsy manao an’izany ho fivelomana ianao, dia tsy tiako ny tsy hiraharaha anao, Rahalahy na Ranabavy. Izaho—fantatro fa sarotra ny milaza an’ireo zavatra ireo; fa izany—izany fotsiny . . . Tsy mety izany (hitanareo?), satria ilay izy dia toy ny karazan’ny . . .

227 Tahaka ny nolazain’ny olona iray aninkeo maraina mikasika an’ireo vehivavintsika manao ny akanjo tena fohy, ireo vehivavintsika antitra, izay ohatra ratsy iray ho an’ireo ramatoa tanora. Heveriko fa marina koa izany. Hitanareo?

228 Ary mieritreritra an’io zavatra iray io ihany aho. Rehefa mahita anao ao anatiny ao izy ireo izay misy an’io fifohana sy hadalana rehetra io, ary mahafantatra ny fijoroanao vavolombelona, ary io ozona rehetra io sy—sy ny sangisangy manodidina an’ireo ankizy kely tahaka an’izany, ary manao hadalana tahaka an’izany izy ireo, nefa tsy milaza na inona na inona mikasika an’izany ianao, dia zavatra ratsy eo amin’ny fijoroanao vavolombelona izany. Ataovy izay itarihan’ny Tompo anao. Mivavaka aho mba hitarihan’Andriamanitra anao amin’ny làlana marina.

**324. Raha** (f-a-s-i- . . . ) **ny fitsanganana milahatra mba hidirana ao am-piangonana no ho lasa fahatsiarovana iray fotsiny, inona no hitranga raha tsy handalo ny Fahoriambe isika? Isika ve tokony ho—ho hita . . . mitovy . . . fijaliana sasany?** Raha tsy tokony hahita isika . . .

Hitanareo? Izaho . . . Izao angamba ity fanontaniana ity. Miezaka ny mandeha haingana aho; izaho—izaho—tsy tokony hanao an’ity aho. Tokony hametraka an’ireto, satria misy toerana iray azonareo ijanonana adiny iray eo amin’izany (hitanareo?) ary izany—mamahavaha an’izany fotsiny. Izaho dia—hijanona aho.

229 Jereo. Ny olona dia te-hilaza fa, mihevitra fa izy ireo—ilay Fiangonana dia handalo ny Fahoriambe. Hitanareo? Tsy handalo Izy; tsy afaka Izy (hitanareo?), satria efa navotana Izy.

230 Ankehitriny, ny fiangonana, ireo—ireo mpino ara-anarana tahaka an’i Lota, handalo ny Vanim-potoan’ny Fahoriambe izy (hitanareo?) ary ho voavonjy toy ny hoe tamin’ny alàlan’ny afo izany. Nandalo ny Vanim-potoan’ny Fahoriambe i Noa, nentina teo ambonin’izany, nivoaka niaraka tamin’i Hama izay nandoto ny tany indray. Hitanareo? Nivoaka i Lota, ary nandry niaraka taminy ireo zananivavy manokana, ary nahazo zanaka avy tamin’ireo zananivavy manokana. Hitanareo? Fa Abrahama dia niteraka an’ilay Taranaka Mpanjaka, niteraka an’ilay Taranaky ny teny fikasana. Nankany amin’ny Voninahitra tao amin’ny Fampakarana i Enoka, nanao fitsangatsanganana iray fotsiny

ary nody any an-trano. Tsy nandalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe mihitsy izy. Hitanareo?

231 Eo ianareo izao. Hitanareo? Tsy mandalo Izy, ny Baiboly dia tsy mety amin'ny alàlan'ny tandindona iray. . . Ary tsy mety diso ireo tandindona. Hitanareo? Tsy voalaza mialoha fa ny Ampakarina. . . Ankehitriny, ny fiangonana no handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe.

232 Ankehitriny, hoy ny olona hoe, "Ahoana ny amin'ireo olo-masina voalohany?" Izany ilay fiovan'ny fizaram-potoana. Teo ambanin'ny fanenjehana izany, satria raha teto ianareo mba handre an'io *Taom-Piangonana* io, sy hahita hoe ahoana no nidiran'izy ireo tao amin'io aizina io ary tsy maintsy nanao an'izany, koa izany no maneho hoe aiza no tsy maintsy nandraisan'izy ireo an'io fanenjehana io, satria ny tsirairay avy tamin'ireo taom-piangonana sy ny zavatra rehetra dia nanomboka naneho fa lasa maizina kokoa sy maizina kokoa izy ireo, hany ka nandeha tao amin'ny toerana iray manontolo izay nandàvany Ny Anarany izy ireo tamin'ny farany ary naka anarana hafa iray ho velona izy ireo nefa efa maty, Sardisy. Ary avy eo dia nitohy nivoaka izany, Tyatira sy Sardisy, ary avy eo dia tonga, avy eo dia manomboka tonga tany amin'ny Filadelfia sy ny sisa, ary avy eo dia tonga tamin'ny fotoana fiantsoana ny Ampakarina hivoaka izay tsy maintsy ho afa-mandositra amin'ny fanamelohana rehetra. Nisaina ho mendrika ny ho afa-mandositra an'io fanamelohana sy fahatezerana rehetra izay ho tonga ambonin'ny tany io Izy, mba ahafahanareo ho voaisa ho mendrika ny ho afa-mandositra an'izany, tsy hoe handalo an'izany, afa-mandositra an'izany. Hitanareo? Azonareo ve ankehitriny, ny olona rehetra? Hitanareo?

233 Ny fiangonana, ilay matimaty, ny zavatra rehetra ivelan'ny Ampakarina voafidy dia handalo ny Vanim-potoan'ny Fahoriambe. Tsy hitsangana amin'ny fitsanganana voalohany izy ireo: "Ny sisa amin'ny maty dia tsy mbola velona mandritry ny arivo taona," ilay Ampakarina voatendry mialoha, voafidy mialoha, voafidy fotsiny, ireo fifidianan'Andriamanitra Manokana. "Iza izany, Rahalahy Branham?" Tsy fantatro. Tsy afaka miteny aminareo aho hoe iza izany, saingy fantatro fa ho eo izany, satria ny Tompo no nilaza fa ho eo izy ireo. Hitanareo? Izy ireo no hany izay handeha any ambonin'ny Fahoriambe, fa ny sisa amin'izy ireo dia handalo ny Fahoriambe, hidina, ary ny zavatra rehetra dia hovonoina alohan'ny Arivo taona. Avy eo ny—ny marina dia hiditra ao amin'ny Arivo taona ary ho velona arivo taona.

234 Ary aorian'ny arivo taona, amin'izay fotoana izay dia tonga ny Seza fiandrianana Fotsy lehibe an'ny Fitsarana, ary avy eo ny maty, na ny tsara na ny ratsy dia mitsangana. Ary velarina ireo boky, ary novelarina ny Bokin'ny Fiainana; ary ireo olo-masina, ny Vady vavy sy ny Vady lahy, mipetraka ka mitsara

an'izao tontolo izao. Ary eo no miseho ilay teny hoe: "Ary hitsara ny firenena rehetra amin'ny tehim-by Izy." Hitsangana eo Anatrehany ny firenena rehetra eo, ary Izy no hitsara azy ireo amin'ny tehim-by. Hanavaka ny ondry amin'ireo osy Izy ka hilaza amin'ireo osy hoe, "Mialà," ary ny ondry hoe, "Avia, ianareo izay notahian'Ny Raiko."

235 Noho izany ankehitriny, dia hisy fivorian'ny toby iray an'ireo olo-masina eo amin'ny tavan'ny tany. Ary vahana avy ao antranomaiziny i Satana ka mandeha hiady amin'ireo olo-masina indray, izay nataony marina tokoa tany amin'ny Voninahitra eo am-piandohana. Ary avy eo dia mandatsaka afo sy solifara avy eny amin'ny lanitra Andriamanitra, ka ny tany manontolo dia handositra tahaka . . . May sy rava fotsiny izy. Ary tsy misy ranomasina intsony, tsy misy rano intsony, tsy misy na inona na inona tavela intsony eto ambonin'ny tany. Hiparitaka sy hipoaka ary hitsoka ny volokano, ary ny zavatra manontolo . . .

236 "Ary nahita Lanitra Vaovao sy Tany Vaovao aho: fa efa lasa ny lanitra voalohany sy ny tany voalohany; ary tsy nisy ranomasina intsony. Izaho, Jaona, dia nahita ny Tanàna Masina nidina avy tamin'Andriamanitra any Andanitra tahaka ny Ampakarina voaravaka ho an'ny vadiny." Tadidinareo ve izany? Ary amin'ity Ampakarina ity . . . "Indro ny Tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona," ary Andriamanitra dia honina hiaraka amin'izy ireo eo amin'io Tanàna miendrika pyramida dimanjato sy arivo maily tora-droa io. Ary hisy Hazavana eo an-tampon'ny Tanàna. Amena!

> Oh, io Tanàna eo an-Tendrombohitra Ziona io,
> Na dia vahiny iray aza, kanefa dia mbola tiako izy.
> Hihaona aminareo aho ao amin'ireo taona ireo,
> Rehefa tonga eo amin'io Tanàna eo ambonin'ny havoana io aho.

237 Eo an-tampon'ny Tendrombohitra Ziona no hipetrahan'ny Zanak'ondry. Ary tsy mila jiro ilay Tanàna, fa ny Zanak'ondry no Jirony. Ary ambonin'ny Zanak'ondry no hisy ny Ray, dia ilay *Logos*, Andriamanitra, ilay Hazavana lehibe, ilay Hazavana Mandrakizay izay hamirapiratra eo ambonin'ny Seza fiandrianana mihitsy. Ary Jesosy dia tsy ho eo amin'ny Seza fiandrianan'Ny Rainy, ho eo amin'Ny Seza fiandrianany Izy. Ary ny Ray dia hanomba eo ambonin'ny Zanaka, ka ho Iray ny Ray sy ny Zanaka. "Ary raha mbola miteny izy ireo, dia hamaly Aho. Alohan'ny ahafahan'izy ireo mieritreritra, dia mieritreritra ho azy ireo Aho." Marina izany.

238 Ary Jesosy dia hametraka taona iray tanteraka, tanteraka ho an'ny a . . . ilay Andriamanitra velona tanteraka, izay efa Navotany sy natolony ny Ray. Marina ve izany? Hamerina amin'Andriamanitra ilay Ray izay Fanahy, tsy olona iray, Fanahy. Miangona miaraka ny natioran'ny fahatsaram-panahy

rehetra, Andriamanitra izany. Ary ao amin'ny fahatsarampanahy...Ankehitriny, ny zavatra rehetra voavadika avy amin'ny tsara dia ratsy; izany no fanjakan'i Satana. Ny tsara rehetra dia an'Andriamanitra. Ny ratsy rehetra dia an'ny...

239 Ary avy eo Andriamanitra dia lasa nivaingana tao amin'ny Lehilahy iray antsoina hoe Jesosy Kristy izay Ny Zanany. Nanome Ny Ainy io Zanaka io mba Ahafahany hitondra zanaka hafa, mba hahatonga an'Andriamanitra ho azo tsapain-tànana, miasa amin'ny rehetra amin'ny rehetra. "Amin'izany andro izany dia ho fantatrareo fa Izaho ao amin'ny Ray, ny Ray ato Amiko, Izaho ao aminareo ary ianareo ato Amiko."

240 Oh, rahalahy, ho tena andro iray izany. Tsy mila mamily fiara avy any Birmingham ianareo mba hihaino ny Hafatra; hiaraka amintsika mihitsy ny Hafatra amin'izany fotoana izany sa tsy izany? Oh, izany dia ho—ho fotoana iray mahafinaritra, mahafinaritra izany. Miandry an'izany andro izany isika; Andriamanitra anie hanao an'izany ho tonga faingana.

241 Io Tanàna lehibe mipetraka eo io (ankehitriny, hitanareo?), izany dia tsy ho...Mieritreritra ianareo hoe, "Dimanjato sy arivo maily ny haavony?" Izany no nolazain'ny Baiboly. Ankehitriny, tsy ho dimanjato sy arivo maily mitsangana mahitsy tahaka an'izao izany. Hitanareo? Manana refy arajeografia hafa isika izay mitovy ny lafiny rehetra; pyramida iray izany. Hitanareo?

242 Ary ilay Tanàna angamba dia hanomboka eo amin'ny enimpolo degrés eo. Ary raha manomboka izany, dimanjato sy arivo maily amin'izany, eritrereto fotsiny hoe ho avo toy ny ahoana izany, nefa hafiriana no hilaina hahatongavana eo. Zara ianareo raha hahafantatra fa mihanika an'ilay havoana. Satria dimanjato sy arivo maily ny haavony any amin'ny enimpolo degrés, dia saiky tahaka an'*izao* fotsiny ianareo. Hitanareo? Ary eo ambonin'io havoana io ilay Tanàna manontolo. Ary sady avo izany no lava; sady lava izany no mivelatra. Ny haavony, ny halaliny, ny sakany, izany—mitovy izany; mitovy ireo rindrina rehetra. Manana rindrina efatra ny pyramida iray, ary ireo rindrina efatra ireo dia ho...

243 Ankehitriny, ireo rindrina manodidina an'ilay Tanàna dia ho—dia ho enina ambin'ny folo sy roanjato dian-tongotra ny haavony, ary efatra amby efapolo amby zato hakiho, ary vato ny tsirairay avy amin'izy ireo. Eritrereto fotsiny io Tanàna io, ry sakaiza. Oh, oadray! Inona—inona no ipetrahantsika eto amin'ity toerana mahamay ity? Inona no anaovantsika an'ireto zavatra ireto? Nahoana isika no mamily fiara tahaka an'izao? Nahoana isika no—nahoana isika no miasa mafy? Mendrika ny inch tsirairay an'ilay làlana izany.

> Oh, ho toy ny tsinontsinona ireo asa mafin'ny
> làlana,

Rehefa tonga eo amin'ny faran'ny làlana aho.

Marina izany. Ary, oh, ho fotoana iray toy ny inona izany.

244 Ary any no hipetrahan'i Jesosy eo amin'ny Seza fiandrianana. Ary hikoriana avy ao ambanin'ny Seza fiandrianana ny reniranon'ny Fiainana, mitety an'ireo rindrina efatra ireo mankao amin'ireo hantsana kely, sy mankao amin'ireo sampana kely, ary lasa renirano iray, ka midina mitety an'ilay Tanàna. Handeha hitety an'ireo làlambe tahaka an'izao mihitsy izany, ary eo amin'ny andaniny tsirairay no hitsangana ireo hazon'aina izay hitondra, na, hanova ny voany isaky—isaky ny telopolo andro. Oh, Tanàna iray toy ny inona.

245 Ary tsarovy, Andriamanitra, ilay Mpamorona, izay namorona ny lanitra sy ny tany, dia ao amin'ny Voninahitra izao ankehitriny izao manamboatra an'io Tanàna io. Nitady an'Izany i Abrahama. Nandao ny tranony izy; nisaraka tamin'ny zavatra rehetra izay malala taminy izy ary nitady. . .Nahoana? Mpaminany iray izy. Ary satria mpaminany iray, dia nifandray tamin'ny Fanahy izy ary ampahan'ilay Fanahy. Ary nisy Zavatra tao anatiny niteny taminy hoe, "Misy Tanàna iray," dia nanomboka nitady an'Izany izy. Hoy izy, "Mpivahiny aho, vahiny iray. Mitady Tanàna iray aho izay Andriamanitra no Mpanorina sy Mpanamboatra." Fantany fa tany ho any io Tanàna io. Oh, oadray! Ary mino aho fa teo amin'ireo tany izay nitadiavany an'Izany mihitsy, tao Palestina mihitsy, any no hitsanganan'Izany, satria eo an-Tendrombohitra Ziona Izany. Any no hisy Azy.

246 Jereo hoe aiza no Hihitarany ao anatin'ny—ao anatin'ny ranomasina, avy amin'ny ranomasina mankany amin'ny ranomasina. Eritrereto io Tanàna dimanjato sy arivo maily mipetraka eo amin'ireo tendrombohitry ny Tompo io. Oh, hahafinaritra izany!

247 Ary hiaraka handry ny liona sy ny zanak'ondry. Hihinana mololo tahaka ny ombilahy ny liona. Ary ho malemy fanahy ny bera, ary ny amboadia ho voafolaka. Ho fotoana iray toy ny inona izany! Tsy hisy na inona na inona handratra na hanimba; ho ao anatin'ny fiadanana sy ny fitiavana ny zavatra rehetra. Tsy hisy fahanterana intsony; tsy hisy aretina intsony, tsy ho faty intsony.

248 Ry havana, tsy tantaran'i Santa Claus iray izany, zavatra angano iray, voasoratra ao amin'ny Teny izany. Ary tsy mbola diso mihitsy ny Teny. Ary ny mieritreritra an'ilay tena teny fikasan'ny. . .Tsy tany aoriana tamin'ny andron'ny Baiboly, fa amin'izao andro izao, ilay andro izay Andriamanitra, amin'izao andro izao, tsy nisy tendron-tsoratra anankiray an'Ny Teniny hany diso. Oh, an-dàlana ho any amin'io Tanàna io aho. Tiako Izy, ary ianareo?

249 Tsia! Ankehitriny, Rahalahy, Ranabavy, voalaza fa amin'ny sivy sy roapolo izao. Fantatro fa manana sakaiza vitsivitsy

avy any Kentucky aho eto. Fantatro fa manana sakaiza avy any amin'ny faritra samihafa an'ny firenena aho eto. Raha tehijanona mandritra ny alina manontolo ianareo, dia haloako ny efitrareo. Niteny taminareo aho, fa nanana sakafo hariva ianareo miandry anareo ary haloako ny tranom-bahininareo raha tehijanona ianareo. Ary ny zavatra tokana tsy maintsy hataonareo dia ny mahita azy ery aoriana ery, ary azo antoka fa hataoko izany. Hataoko ny zavatra rehetra izay vitako hanampiana anareo. Tiako ianareo.

250 Tsy fanahy iniako ny hamaly an'ireto fanontaniana ireto angamba mifanohitra indraindray. Raha tsy inoanareo ilay izy, dia mety tsara tanteraka izany. Tiako ianareo ho tia ahy na izany aza, satria fantatr'Andriamanitra fa tahaka an'izany no itiavako anareo. Mamaly an'ireto fanontaniana ireto fotsiny aho amin'ny tsara indrindra amin'ny faha-. . . Mety diso aho tao amin'ny sasany tamin'izy ireo, ry sakaiza, fa tsy niniana ho diso izany. Raha nanana teo amin'ny fanontaniana enina na valo teo aho, mba ahafahako hijanona tsara teo amin'izy ireo fotsiny ary nanazava tsara an'izany fotsiny, saingy izaho, raha tokony ho nahavita azy rehetra ireo ankehitriny . . . Manana vitsy amin'izy ireo aho mikasika ny fanambadiana sy ny fisarahampanambadiana. Nanana fotsiny aho . . . nihevitra fa hamaly ny vitsy amin'izy ireo aho. Tsy afaka nahita intsony aho mipetraka teto, hakana azy ireo, fa manana fanontaniana vitsivitsy tena manan-danja aho eto, fanontaniana tena manan-danja. Tiako ny hamaly azy ireo ho anareo raha vitako.

251 Ankehitriny, raha mipetraka akaiky eto amin'ny manodidina eto ianareo, dia antsoy i Billy, amin'ny Alarobia; ho fantatro amin'izay raha hiverina aho. Hivavaka aho amin'ity herinandro ity. Saingy manana fifampiresahana manokana betsaka aho, oh, antontany iray tahaka an'*izao*. Ary manana betsaka saiky *izao* aho any Arizona ho karakaraina indray andro any raha vitako. Ary marary marina tokoa ny olona. Ny sasany amin'izy ireo dia manana olana, ary tsy fantany fotsiny izay hatao: vady lahy sy vady vavy manana olana.

252 Ary ny sasany amin'izy ireo eto dia tsy maintsy navadika ho fifampiresahana manokana, satria tsy afaka namaky azy avy hatrany aho, izay nolazain'ny olona ato mikasika ny raharahampanambadian'izy ireo sy ny sisa tahaka an'izany. Ary nangataka an'i Billy aho mba hiverina ka hahita hoe iza izy ireo, sy— sy hiantso azy ireo, ary hiteny amin'ireo fa hataonay amin'ny fifampiresahana fotsiny izy ireo, mba ahafahako miresaka mikasika azy ireo. Ny sasany tena matotra, ary fanontaniana tokony hovaliana izany.

253 Eto aho mba hiezaka hanampy anareo, satria tiako ianareo. Zanako izay naterako ho an'i Kristy ianareo. Mitaky ny tsirairay avy aminareo aho. Mitaky anareo aho izao hariva izao; mitaky anareo foana aho; Mitaky anareo isan'andro aho, ary amin'ny

maha-rahalahiko sy anabaviko izany. Zanako ianareo; izaho—rainareo amin'ny Filazantsara aho, tsy ray tahaka ny haha-izy azy amin'ny pretra iray, izaho—rainareo amin'ny Filazantsara aho araka ny voalazan'i Paoly teo. Izaho no niteraka anareo ho an'i Kristy, ary ankehitriny, izaho—fofoiko ho an'i Kristy ianareo; izany dia hoe mampifamofo anareo amin'i Kristy toy ny virijiny madio iray. Aza mandiso fanantenana ahy! Aza mandiso fanantenana ahy! Mijanòna ho virijiny madio iray.

254 "Ahoana no hanaovako an'izany, Rahalahy Branham?" Mijanòna tsara amin'ny Teny; miainà madio sy mangarangarana; aza manana na inona na inona hatao amin'ireo zavatr'izao tontolo izao. Raha ao am-ponareo ny fitiavana an'izany, dia manaova hoe, "Oh, Jesosy, esory amiko izany azafady. Tsy te-ho tahaka an'izany aho."

Ankehitriny ny tiako lazaina dia tsy hoe olona iray fotsiny izay—izay milaza an'izany. Izaho—ny tiako holazaina dia ny ho mpino tena izy iray. Minoa an'i Jesosy Kristy ary miainà ho Azy isan'andro. Aza manao ratsy.

255 Ankehitriny, imbetsaka aho no miresaka ny amin'ny finoana Kalvinista. Ankehitriny, aza mihevitra hoe izany dia mamela anareo halalaka hanao ny zavatra rehetra izay tianareo hatao. Olona iray indray andro . . . Hoy aho hoe, "Nandeha tany am-piangonana ve ianao?"

Hoy izy hoe, "Nandeha nihaza aho."

Nanatona ahy ny vadin'ilay lehilahy, ary avy tao amin'ny fanasan-damba izy ny Alahady. Dia hoy aho hoe, "Nahoana ianao no tsy nandeha tany am-piangonana?"

Hoy izy hoe, "Nanao ny fanasan-dambako aho."

Hoy aho hoe, "Tsy tokony nanao an'izany ianao."

"Eny," hoy izy, "tsy antitra iray mpanaraka lalàna aho."

Hoy aho hoe, "Saingy nihevitra aho fa Kristiana iray ianao." Hitanareo? Hoy aho hoe, "Fantatrao ve fa mametraka vato manafintohina iray eo amin'ny làlan'olona iray ianao?" Hitanareo? Hoy aho hoe, "Izany . . . "

"Eny, ahh, izaho—izaho mino an'*ity*. Tsy mila manao an'ireo zavatra ireo aho. Tsy mpanaraka lalàna aho."

256 Eny, jereo ry Rahalahiko, Anabaviko, jereo eto. Hoy i Paoly hoe, "Raha ny fihinanana hena no mametraka vato manafintohina iray eo amin'ny làlan'ny rahalahiko, dia tsy hihinana hena intsony aho raha mbola maharitra foana izao tontolo izao." Ary heveriko fa ho tsaratsara betsaka kokoa ilay izy . . .

257 Ankehitriny, hoy ianareo, "Rahalahy Branham, mihaza ianao. Tsy mbola nihaza mihitsy ve ianao ny Alahady?" Mamelà ahy hiteny zavatra aminareo. Tsy . . . Tsy manipy voninkazo ho

an'ny tenako aho amin'ity indray mitoraka ity, fa izaho dia... Tsy Sabatista iray aho ankehitriny, mino aho fa ny Fanahy Masina no Sabatantsika. Mino an'izany aho, saingy mino aho fa tokony hanome voninahitra an'io fitsanganana io isika ho tsangambato iray. Tsangambato iray izany izay izaho...Raha manaja andro iray ianareo, dia hajao io fitsanganana io.

258 Ankehitriny, tsy misy lalàna mikasika ny fitandremana andro iray, fa miditra amin'ny Sabata ianareo, ny fiadanana, rehefa miditra ao Aminy. Manana an'izany fanontaniana izany aho ato ho valiana tsy ho ela na ahoana na ahoana, raha sitraky ny Tompo, mikasika ny hoe inona ny andro Sabata? Hazavaiko izany, raha sitrapon'Andriamanitra.

Ary mariho ankehitriny, tsarovy ity. Hitanareo? Fony aho mbola zazalahy kely, eto amin'izay nipetrahan'i Eichs eo amin'ilay làlana mihitsy, teo amin'ny efatra ambin'ny folo taona teo aho; namandrika aho ho fivelomana. Ny zavatra tokana tsy maintsy nanampiako mba hahazoana mofo tao an-tranonay dia ny fisamborana jaboady, castors, opossums.

Tiako ny namandrika, ary tsy maintsy nanao an'izany aho. Nandeha tany an-tsekoly aho namofona tahaka ny jaboady iray, ary izaho—akanjo iray ihany no nananako, ary izay ihany no azoko notafiana. Izay ihany no nananako. Nesorin'i mama izy ireo ary nosasany, nanaovako indray izy ireo; ary ankehitriny, tahaka an'izany no nandehanako tany an-tsekoly, zazalahy kely. Fa nitsangana teo aho indray alina; hoy aho hoe, "Hapetrako eto amin'ny manodidina an-dry Wathen ireo fandrika, teo ambonin'izany." Miainga isa-maraina eo amin'ny roa eo aho miaraka amin'ny fanilo iray mba hijery an'ireo fandrika ireo, avy eo dia miverina ara-potoana mba handeha any an-tsekoly. Nisambotra bitro aho; nahazo dimy ambin'ny folo cents tamin'izany aho. Nividy boatim-bala avy tamin'izany aho, ary angamba hamono bitro telo na efatra izany. Izay tsy nanananay hanamboarana bisky sy bitro—nahoana, ron-kena ho an'ny sakafo hariva, dia namidiko ilay iray hafa, ary mety mahazo ampy hahazoana mofo vitsy, na koba vitsy, na lafarinina vitsy hanaovana ron-kena. Tsy fantatro na tsy maintsy niaina tahaka an'izany ianareo na tsia.

259 Nametraka finta-mandry teo amin'ny renirano aho; midina, ka maka an'ireo trondro, ary mivarotra azy ireo folo cents ny iray livatra. Mametraka an'ireo fitan-mandriko aho. Tsy nanana sambo aho; nilomano niaraka tamin'ny vatan-kazo iray aho. Miditra ao anatin'ilay renirano aho, ary mbola mangatsiaka izany, mametraka ny siniko misy fandrika eo ambonin'ilay vatan-kazo ary mivoy sy mivoy tahaka an'izany, ny vatako mitanjaka ao anatin'ilay renirano, ary mijery an'io...Nanana tady iray teo amin'ity ilany ity aho, amatorako ny trondroko. Mikasoka ahy eo amin'ny ranjoko ireo trondro misy volombava antitra mandeha tahaka an'izao, ary apetrako ny fandriko...

260 Fa jereo, imbetsaka aho no niditra tao amin'io renirano io tamin'ny iraika ambin'ny folo ora amin'ny alina ary manala ny singam-pandrika tsirairay amin'io fintana io. Raha tsy afaka nahazo ampy aho tao anatin'ny enina andro, dia tsy nila an'ilay anankiray izay ho tonga amin'ny andro fahafito aho. Nitsangana teo aho tao anatin'ny orana.

261 Indray alina dia toy ny mbola mahita ny tenako mitsangana foana aho, miankina amin'ny . . . Mpanota iray aho tamin'izany; fa nitsangana aho, niankina tamin'ilay andry tahaka an'izao, ilay varavarana. Oh, nirotsaka ny orana, efa ho tamin'ny iraika ambin'ny folo ora. Hoy aho hoe, "Ho tara aho rahariva, fa handeha aho ary hanatsoaka ny tsirairay avy amin'ireo fandrika ireo. Tsy hisambotra azy amin'ny Sabata aho." Hoy aho hoe, "Izaho tsy—tsy hametraka an'ireo fandrika aho." Najain'Andriamanitra izany.

262 Tsaroako ny fotoana izay naniriako isan'andro, isan'andro aho, tamin'ny fiainako rehetra dia te-ho mpihaza iray. Izany ny raibeko. Fantatrareo, ny renibeko dia avy any amin'ireo faritra arovana; mandray fisotroan-dronono izy. Tiany fotsiny ny ankalamanjana.

263 Ary tsaroako fa isan'andro aho dia naniry . . . Izaho—naniry fotsiny aho tamin'ny fiainako rehetra . . . Nieritreritra aho fa raha mba afaka mahazo vola ampy aho ka afaka manana basy .30-30 iray . . . Raha mba afaka manao an'izany aho, amin'izay fotoana izay dia hahazo andiana fandrika iray. Handeha any amin'ireo tendrombohitra aho; havelako any ny sisa amin'izao tontolo izao. Nieritreritra aho hoe, "Indray andro any angamba raha haka ny .22-ko aho ary manazaha-tena mba ho mpitifitra tsara iray, dia hila ahy handeha ny mpihaza iray indray andro any. Raha afaka ny ho mpitifitra tsara iray aho, dia hamela ahy handeha izy ho fiarovana azy; afaka handeha hihaza aho." Mijery aho, mihantona amin'ny rindriko, ary ny basy tsara indrindra izay azon'ny vola vidiana dia mihantona eo, hany ka afaka mampindrana basy ny olona handeha hihaza aho.

264 Avelany mandeha any an-tendrombohitra sy mitory teny aho, ary ny sasany amin'ireo mpitari-dàlana tsara indrindra izay misy eto amin'izao tontolo izao dia mitondra ahy mihaza, maimaim-poana. "Fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo."

265 Rehefa izaho . . . Na dia aninkeo maraina aza, mpihaza diera antitra iray eto any ho any miaraka amin'ny .35 Remington, tsy nilaiko marina tokoa ilay basy, fa nametraka ny sandriny nanodidina ahy izy, nilaza fa efa antitra loatra izy ny hihaza, "Te-hanome anao ny basiko aho." Nieritreritra an'izany aho fony aho zazalahy kely iray, ahoana, raha mba nieritreritra aho fa hanana basy iray tahaka an'izany, oh, oadray, ho inona izany. Ary ankehitriny, mieritreritra fotsiny aho, mihantona eo amin'ny rindriko, basy tsara tarehy iray, toerana handehanana mihaza.

266 Tsaroako aho nivoaka, ary nividy gilasy amin'ny cornet ireo zazalahy. Ary matetika ny sasany amin'izy ireo dia manana dimy cents amboniny ka nividy anankiray ho ahy. Oadray, tsy afaka nividy ho azy ireo aho ho valiny. Nieritreritra aho hoe, "Raha izaho . . ."

267 Ary matetika izy ireo taloha dia nividy ireny tranainy ireny, izay antsoinay hoe "hamburger mudlark." Tsy fantatro raha mahatsiaro ianareo rehetra na tsia, fa ny sasany aminareo an'ny andro fahiny . . . Mahazo azy amin'ny dimy cents ianareo, tongolo voaendy betsaka miaraka amin'izany. Oh, tiako ireo zavatra ireo. Ankizy kely dia tsy nanana izahay . . . Mofo katsaka sy karamelina fotsiny (fantatrareo hoe ahoana izany) ho hanina.

268 Ankehitriny, nividy iray tamin'ireo hamburgers ho ahy ny olona iray, ary ry tovolahy, nilelaka ny rantsan-tànako teo amin'izay nihazonako azy aho. Ilay izy dia—ilay izy dia . . . tena tsara tsiro. Dia nieritreritra aho hoe, "Ry tovolahy, io lehilahy io, raha mba afaka nividy hamburger iray ho azy fotsiny mantsy aho." Ary ankehitriny, dia afaka mividy ho an'ny fiangonana iray ny sakafo harivany aho.

269 Tsaroako ireo zavatra rehetra ireo, ary avy taiza izany? Ny fahasoavan'Andriamanitra, tsy nisy na inona na inona nataoko.

270 Tsaroako nandeha teny an-dàlambe teto ary niresaka tamin'olona iray aho. Ny raiko, fantatrareo rehetra izany, nisotro izy; nanamboatra whisky izy. Ary izany . . . tsy nisy olona nanana na inona na inona natao tamiko. Nandeha teny an-dàlambe aho ary niezaka hiresaka amin'ny olona; mbola mihaona amin'izy ireo foana aho amin'izao andro izao. Miezaka miresaka amin'olona iray aho, raha tsy misy olon-kafa iresahana, dia nitsangana izy ireo, "Hia, ah-hah." Hitanareo? Branham iray aho.

271 Noho izany, tena nalahelo mafy aho, ary nihodina, dia nandeha. Nieritreritra aho hoe, "Tsy meloka ny amin'izany aho. Tsy nanao an'izay nataon'ny dadako aho. Tsy nisotro mihitsy aho teo amin'ny fiainako. Nahoana aho no tsy maintsy hiaritra an'izany?" Ary niteny tamin'ny vadiko aho teto vao tsy ela akory izay hoe, "Saika tsy maintsy mijanona any ivelan'ny tanàna aho." Efa tsara tamiko Andriamanitra.

272 Nieritreritra aho tany teo amin'izay noteneniny tamin'i Natana nipetraka teo indray mandeha. Natana . . . Hoy Davida hoe, "Mety amiko ve ny hipetraka ao amin'ny trano sedera nefa ny fiaran'Andriamanitro ao ambanin'ny tranolay misarona ao ivelany ao." Izy . . .

Natana, mpaminany, nanao hoe, "Davida, ataovy izay rehetra ao am-ponao, satria momba anao Andriamanitra." Nanao fahadisoana iray ilay mpaminany, tsy niniana.

Tamin'io alina io dia tonga tamin'ilay mpaminany ny Tompo, nanao hoe, "Mandehana teneno i Davida mpanompoko hoe,

'Izaho no naka azy avy tao amin'io valan'ondry io, niandry an'ireo ondry vitsy tany; ary Nomeko anarana iray tahaka an'ireo lehilahy malaza ambonin'ny tany izy. (Tsy nilaza mihitsy fa nanome azy ny anarana lehibe indrindra Izy, nanome azy anarana fotsiny tahaka an'ireo lehilahy malaza izay teto antany Izy.) Izaho no nanao an'ireo zavatra rehetra ireo ho anao, ry Davida. Efa Naringako ny fahavalonao na taiza na taiza nalehanao. Efa teo anilanao Aho. Tsy nandao anao mihitsy Aho, ary tsy handao anao Aho. Saingy tsy afaka hamela anao hanorina an'ilay tanàna Aho.'"

273 Nieritreritra an'izany aho, ny amin'ny toerana iray ankehitriny izay nanampian'Andriamanitra ahy sy namela ahy hahafantatra lehilahy malaza, namela ahy handeha manerana an'izao tontolo izao. Ary ny olona avy any amin'ny manodidina an'izao tontolo izao dia miantso mba ho avy hivavaka ho azy ireo, sy ny olona marary, ary mila minitra vitsy miaraka aminareo, nefa taona vitsy lasa izay dia tsy nanatodika akory aza izy ireo. . . dia nanatodika ny lohany izy ireo nahita ahy teny an-dàlambe. Ary ankehitriny, ireo lehilahy mpandraharaha dia ambinina amin'ny alàlan'ireo olona izay entiko ao an-tanàna ka raisiko eto, amin'ny alàlan'ny sakafony sy ny faktioran'ny tranom-bahininy, sy ny sisa tahaka an'izany, manana. . . mankany amin'ireo tranom-bahiny sy ny manodidina ao an-tanàna sy ny sisa tahaka an'izany.

274 Ny olona izay. . . Tsy nitia ahy mihitsy ny olona; tsy nisy olona nila ahy. Ary ankehitriny, nohon'ny fanampian'Andriamanitra, dia mino aho fa mitantana an'ilay Ampakarin'i Jesosy Kristy aho. Oh. "Fahasoavana mahagaga, tena mamy ilay feo."

275 Avy taiza izany? Ny fianarako ve? Tsy manana anankiray aho. Avy taiza izany? Ny maha-izy ahy ve? Tsy manana anankiray aho. Avy tamin'ny fahafantarako teolojia ve izany? Tsy mahafantatra anankiray aho. Inona no nahatonga an'izany? Ny fahasoavan'Andriamanitra izay namonjy ahy.

> Fahasoavana no nampianatra ny foko hatahotra,
> Fahasoavana no nanafaka ny tahotro;
> Sambatra toy ny ahoana no nisehoan'io fahasoavana io,
> Ny ora voalohany ninoako!
>
> Teo amin'ireo loza maro, ireo asa mafy ary fandrika,
> Izay efa nandalovako;
> Ny fahasoavana no nahatonga ahy ho voaaro hatreto,
> Ny fahasoavana no hitondra ahy any an-Trano.
>
> Ary rehefa tao amin'io Tanàna io isika iray alina taona,

Mamirapiratra noho ny masoandro izany;
Hanana fotoana hihirana ny fiderana Azy isika tsy latsaka
Noho ny tamin'ny nanombohantsika voalohany.

Oh, toy ny ahoana no itiavako an'i Jesosy, ilay Anarana tsara tarehy izay namonjy ahy fony aho mpa—mpanota iray, izay nanasitrana ahy fony aho narary, izay manome ahy ny teny fikasana ny amin'ny trano iray ao amin'io Tanàna io. Manana trano iray aho ao anatin'io Vatolampy io. Tsy misy zava-dehibe hafa ankehitriny afa-tsy ny manangona ny zanak'Andriamanitra rehetra ka manao hoe, "Ndao isika handeha." Ilay ora, mipaika ny mamatonalina; tara noho izay eritreretintsika izao. Ndao isika hivavaka.

276 Tompo Jesosy, ny famaranana ny andro tanteraka iray... Toy ny hoe nitsangana teo an-tampon'ny tendrombohitra izahay ary nandinika ny masoandro, rehefa tonga ireo tsipika mena mamakivaky an'ireo tendrombohitra lehibe andrefana tany, rehefa manakimpy ny tenany ilay maso lehibe, dia manomboka manao ny làlany mankany amin'ny akaniny ny vorona, ho avy ny alina. Nahita andro Ara-panahy lehibe iray hafa izahay rehefa nanampy anay ny Fanahy Masina mba hamaly an'ireto fanontaniana ireto. Ankehitriny, handeha hankany amin'ny akaninay izahay, Tompo. Karakarao izahay; aza mamela na inona na inona hamely anay, Tompo. Arovy amin'ireo bibilavan'ny alina sy ny ratsy izahay. Enga anie Andriamanitra ho eo akaikinay foana, hiaro anay sy hanampy anay.

277 Mivavaka aho, Ray any An-danitra, mba Hitahianao ny isan'isany sy ny tsirairay izay tao amin'ny fivoriana, ireo izay tsy afaka, ny rehetra izay mihaino an'ireo horonam-peo. Enga anie tsy ho sarotra loatra ireo fanontaniana. Ary raha nanao fahadisoana aho, Tompo, Ianao no mahafantatra ny foko; tsy fanahy iniako ny nanao. Mivavaka aho, Andriamanitra, raha misy zavatra tsy mety, mba tsy Avelanao mihitsy, mihitsy hitohy handeha izany; enga anie hijanona ilay horonam-peo. Aza avela hamitaka olona aho, Tompo. Avelao aho ho Mpanomponao mahatoky, fa izany no fanirian'ny foko manontolo. Na velona aho na maty, na maharitra aho na mandeha, na matory aho na mifoha rehefa tonga Izy, tsy mampaninona ahy izany, Ray, hatao anie ny Sitraponao. "Satria fantatro fa velona ny Mpanavotra ahy, ary hitsangana eto ambonin'ity tany ity Izy amin'ny andro farany. Ary na dia levon'ny kankan'ny hoditra aza ity vatana ity, dia mbola hahita an'Andriamanitra ao amin'ny nofoko aho." Izany ilay mpaminany Joba rehefa nahita ny fihavian'ny Tompo izy.

278 Ary, Tompo, androany amin'ny maha-Mpanomponao, dia manantena sy mahita ny Fihavianao izahay. Noho izany dia tsy mampaninona anay izany, Tompo hoe, rahoviana, ahoana, aiza. Te-hahafaly Anao fotsiny izahay. Eo an-Tànanao izahay.

Tehirizo izahay, Tompo, mandra-piposaky ny masoandro. Ekeo izany, ary amin'izay fotoana izay dia hiakatra ho any Ziona izahay izay misy an'io Tanàna io izay ny Zanak'ondry no Fahazavana.

279 Ireo zanako kely malala eto, Tompo, izay naterako ho Anao tamin'ny alàlan'ireo kofehin'ny Baiboly, izy ireo no voan'ity Teny ity. Tia ahy izy ireo, ary tiako izy ireo. Ary fantatro fa tia anay rehetra Ianao. Mivavaka izahay, Andriamanitra, mba Hanaovanao anay ho tena heniky Ny Teninao mba ahafahanay mahita Azy irery ihany. Ekeo izany, Tompo. Enga anie izahay ho tena feno Ny Teniny mba ahafahan'ny Fanahy hampiasa anay na aiza na aiza any amin'ny toerana rehetra haneho ny Teny rehetra izay Nampanantenainy. Ekeo ho anay rehetra izany. Eto amin'ity mpanatrika eto ity ireto . . .

280 Miverina ny Rahalahiko Jackson ankehitriny, any Afrika Atsimo lavitra any. Mandehana miaraka aminy sy ny vadiny; mombà azy ireo, Tompo. Tariho làlana izy ireo eo amin'ny diany.

281 Indro Rahalahy Lee Vayle manoratra, mandray naoty ny teny tsirairay izay lazaiko, miezaka manao an'ilay boky. Oh, Andriamanitra, ampio Rahalahy Vayle sy Ranabavy Vayle.

282 Indro ireto rahalahy ireto any—any Arkansas, ary—ary Martin mirahalahy, sy—sy ireo rahalahy hafa rehetra ireo. Mivavaka aho mba Hombanao ny isan'isany sy ny tsirairay avy amin'izy ireo.

283 Mombà an-dRahalahy Neville, Rahalahy Capps, Rahalahy Ruddell, Rahalahy Jackson, ny rehetra. Oh, Andriamanitra, misy maro eo. Avy any Georgia izy ireo, avy any Alabama, ary manerana ny fanjakana sy manodidina an'izao tontolo izao. Mieritreritra an'ilay hira izahay hoe:

> Oh, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
> Tonga avy any amin'ny tany lavitra izy ireo,
> Mba hanao fety miaraka amin'ny Mpanjakantsika, mba hisakafo toy ny Nasainy;

Nanasa azy ireo Izy handray anjara amin'ny Tenany.

> Voatahy toy ny ahoana ireo mpivahiny ireo!
> Mibanjina ny Tavany masina
> Mamiratra amin'ny fitiavana Masina;
> Mpandray anjara voatahy amin'ny Fahasoavany,
> Mba hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

284 Oh, Andriamanitra, enga anie izahay tena hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny, mba ahafahan'ireo hafa hahita sy haniry fatratra ny hanompo Azy. Ekeo izany, Tompo. Arovy izy ireo eny an-dàlana. Tahio ny tsirairay avy.

285 Ary Ray, amin'ny fotoana voatondronao. . .Mpanomponao aho. Raha tianao ny hanohizako an'ireto amin'ny herinandro manaraka na handray an'ireo fifampiresahana ireo, dia ambarao amiko, Tompo, ary ampahafantaro ahy manomboka izao ka hatramin'ny Alarobia mba ahafahanay hahazo. Ekeo izany, Ray, mba ahafahan'ny olona ho tonga. Ary mangataka an'izany fitahiana izany aho mba Hanampianao anay ary—ary hihaona aminay eto indray amin'ny fotoam-pivorianay manaraka.

286 Mombà an-dRahalahy Neville sy ireo lehilahy izay mitondra ny Teny any Texas any, ary any Arkansas, sy ireo toerana samihafa; mombà azy ireo fotsiny, Ray. Rahalahy Pearry Green sy ny vondrona rehetra any, ary mombà azy rehetra ireo fotsiny, Tompo; Ankizy madinikao izy ireo. Hatraiza hatraiza manerana an'izao tontolo izao dia miandry ny Fihavianao izy ireo. Ampio izahay, mivavaka izahay Ray, raha mametraka ny tenanay Aminao izahay. Amin'ny Anaran'i Jesosy ampiasao izahay. Amena.

287 Tiako ilay hira hoe, *Tonga Avy any Atsinanana sy Andrefana Izy ireo*. Firy no mahafantatra an'izany? Tsy fantatro araka ny fahafantarako azy, nefa heveriko fa mahafantatra andininy iray aho. Afaka mitendry azy ianao, Ranabavy. Tsy fantatro raha afaka mihira azy izy ireo.

Oh, tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,
Tonga avy tany amin'ny firenena lavitra izy ireo,
Mba hifety miaraka amin'ny Mpanjakantsika, mba hisakafo toy ny Nasainy;
Voatahy toy ny ahoana ireto mpivahiny ireto!
Oh, mandinika ny Tavany masina
Mamiratra amin'ny fitiavana Masina;
Mpandray anjara amin'ny Fahasoavany voatahy,
Mba hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

Oh, ho avy tsy ho ela Jesosy,
Hifarana ireo fitsapana antsika amin'izay fotoana izay.
Oh, ahoana moa raha ho tonga amin'izao fotoana izao ny Tompontsika
Ho an'ireo izay afaka tamin'ny ota?
Oh, amin'izay fotoana izay dia hitondra fifaliana ho anao ve izany,
Sa alahelo sy hakiviana lalina?
Rehefa tonga amim-Boninahitra ny Tompo,
Dia hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika.

Tianareo ve izany? Ndao handramantsika indray izany.

Oh, ho tonga avy any Atsinanana sy Andrefana izy ireo,

Oh, tonga avy tany amin'ny firenena lavitra izy ireo,
Mba hifety miaraka amin'ny Mpanjakantsika, mba hisakafo toy ny Nasainy,
Voatahy toy ny ahoana ireto mpivahiny ireto!
Mandinika ny Tavany masina
Mamiratra amin'ny fitiavana Masina;
Oh, mpandray anjara amin'ny Fahasoavany voatahy,
Mba hamiratra toy ny vatosoa eo amin'ny Satroboninahiny.

Oh, ho avy tsy ho ela Jesosy,
Hifarana ireo fitsapana antsika amin'izay fotoana izay.
Oh, ahoana moa raha ho tonga amin'izao fotoana izao ny Tompontsika
Ho an'ireo izay afaka tamin'ny ota?
Oh, amin'izay fotoana izay dia hitondra fifaliana ho anao ve izany,
Sa alahelo sy hakiviana lalina?
Rehefa tonga amim-Boninahitra ny Tompontsika,
Dia hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika.

Firy no te-hitsena Azy any Ambony any? Oh, oadray!

Oh, ho avy tsy ho ela Jesosy,

Akimpio fotsiny ny masonareo dia eritrereto hoe mandre ny feon'ny trompetra ianareo.

Hifarana ireo olantsika amin'izay fotoana izay.
Oh, ahoana moa raha ho tonga amin'izao fotoana izao ny Tompontsika
Ho an'ireo izay afaka tamin'ny ota?
Oh, amin'izay fotoana izay dia hitondra fifaliana ho anao ve izany,
Sa alahelo sy hakiviana lalina?
Rehefa tonga amim-Boninahitra ny Tompontsika,
Dia hitsena Azy eny amin'ny habakabaka isika.

288 Tianareo ve izany? Pat, mahereza! Ho andro miposaka ho anao izany amin'ny iray amin'ireo maraina ireo. Tsy hitako fotsiny hoe lasa aiza ilay izy, fa toa tsara ilay izy. Amena! Efa ela, ela be ianao, rahalahy, hiverina indray izany. "Ary hiverina aminao tahaka ny mofo eny ambonin'ny rano izany indray andro any." Marina izany. Eny àry.

Oh, tianareo ve Izy?

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
O Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny otako rehetra,

Ary aza mamela ahy ho very làlana mihitsy
Lavitra Anao.

Raha mamindra ao amin'ny làla-maizin'ny fiainana aho,
Ka miangona manodidina ahy ireo fahoriana,
Aoka Ianao no ho Mpitari-dàlako;
Didio ny aizina hivadika ho andro,
Esory ny tahotry ny alahelo,
O avelao aho manomboka amin'ity andro ity
Ho Anao manontolo!

Tsy tianareo ve izany?

Ny finoako miandrandra Anao,
Ianao ry Zanak'ondrin'i Kalvary,
O Mpamonjy Masina;
Ankehitriny henoy aho raha mivavaka,
Esory ny otako rehetra,
Aza mamela ahy ho very làlana mihitsy
Lavitra Anao.

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra (Oh, oadray!)
Ny fontsika amin'ny fitiavana Kristiana;
Ilay fiombonan'ny fisainam-pihavanana
Dia tahaka an'ilay any Ambony.

Eo anoloan'ny Seza fiandrianan'ny Raintsika
No androtsahantsika ny fivavahantsika miredareda;
Ny tahotsika, ny fanantenantsika, ny fikasantsika dia iray,
Ny fiononantsika sy ny fiahiantsika.

Fa rehefa misaraka isika,
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;
Saingy mbola hifandray am-po foana isika,
Ary manantena ny hihaona indray.

289 Ranabavy Wilson, tsaroanao ve fa teo amin'ny telo amby telopolo na dimy amby telopolo taona lasa izay tao amin'ny fivoriana kely anaty trano iray dia nifandray tànana isika? Fantatro fa tsaroanao izany. Oh, andao isika hanatsotra tànana ankehitriny ka handray olona iray amin'ny tànana.

Isaorana anie ilay tady izay mamatotra
Ny fontsika amin'ny fitiavana Kristiana;
Ilay fiombonan'ny fisainam-pihavanana
Dia tahaka an'ilay any Ambony.

Eo anoloan'ny Seza fiandrianan'ny Raintsika
No androtsahantsika ny fivavahantsika miredareda;

Ny tahotsika, ny fanantenantsika, ny fikasantsika
dia iray,
Ny fiononantsika sy ny fiahiantsika.

Rehefa misaraka isika,
Dia manome antsika fanaintainana anaty izany;
Saingy mbola hifandray am-po foana isika,
Ary manantena ny hihaona indray.

Mifankatia ve ianareo? "Rankizy madinika, mifankatiava."

Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Mandra-pihaonantsika eo an-tongotr'i Jesosy;
Mandra-pihaonantsika! mandra-pihaonantsika!
Homba anao anie Andriamanitra mandra-pihaonantsika indray!

290 Tianareo ve Izy? Tsy mahafinaritra ve Izy? Mifankatia ve ianareo? Mihodìna, mifampilazà zavatra. Manaova hoe, "Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Hitahy anao, ranabavy."

291 Mihaino antsika izy ireo izao hariva izao any ampitan'ilay renirano any, Ranabavy Wilson. Toa hitako Rahalahy Seward antitra mandeha eo amin'ny gorodona, mitehaka ny tànany. Nahita ny rahalahintsika ery aoriana ery aho miaraka amin'ny volombava eo amin'ny tavany nanangana ny tànany, nidera an'Andriamanitra; nieritreritra an-dRahalahy Ryan aho, ahoana fa nipetraka teo izy taloha tao amin'ilay tabernakla fahiny niaraka tamin'ny volombavany lava tahaka an'izany. Mihaino izy izao hariva izao manerana an'ireo vavahadin'ny Voninahitra, olo-masina antitra malala iray. Tsy mahafinaritra ve Izy?

Raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy,
Ry zanaky ny alahelo sy fahoriana;
Hanome fifaliana sy fiononana ho anao Izany,
Oh, raiso Izy na aiza na aiza alehanao.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenan'ny tany sy fifalian'ny Lanitra,
Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenana ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Ankehitriny, raiso eo aminao ny Anaran'i Jesosy.
(Ho an'ny inona?)
Ho Ampinga amin'ny fandrika rehetra; (Inona no
mitranga?)
Rehefa miangona manodidina anao ny fakam-panahy,
Dia bitsiho am-bavaka io Anarana Masina io.

Anarana sarobidy, O tena mamy!
Fanantenana ny tany sy . . .

Oh, Jesosy, ampio izy ireo mivavaka aho . . . ? . . . Sitrano izy ireo, Tompo, amin'i Jesosy . . . ? . . . anao koa ve ity . . . ? . . .

Fanantenana ny tany sy fifalian'ny Lanitra.

Zanakao vavy ve ity? Mahafatifaty izy.

292 Ho an'ireo fifampiresahana: Nilaza i Billy hoe jereo miaraka aminy manomboka izao ka hatramin'ny Alarobia ho an'ireo fifampiresahana na manomboka amin'ny Alarobia ka hatramin'ny Sabotsy ho an'ireo fifampiresahana ho avy, na... Raha tsy manana ny fivoriana isika aorian'ny Alarobia, dia jereo miaraka aminy, ianareo izay manana fifampiresahana. Ny sasany aminareo, tsy fantany hoe ahoana ny fomba hahazoana anareo. Noho izany izy dia...Izay rehetra mila an'ireo fifampiresahana ankehitriny, dia jereo miaraka amin'i Billy.

293 Tia Azy ve ianareo? Eny àry. Ankehitriny, mandrapihaonantsika, dia Andriamanitra hitahy anareo. Tehanondrika ny lohantsika isika; ary hangataka ny sakaizako tsara, mahatoky aho, izay handeha any ampitan'ny ranomasina ankehitriny, hatrany Afrika any, izay nanaovako asa misionera tany indray mandeha tamin'ny Anaran'ny Tompo, Rahalahy Sidney Jackson, izy sy ny vadiny...Tena faly isika nanana azy ireo niaraka tamintsika nandritr'ireo fivoriana vitsy farany. Toy ny ahoana no nitahian'Andriamanitra azy. Ary hangataka an-dRahalahy Sidney Jackson aho raha hampirava an'ity mpanatrika ity amin'ny vavaka izy. Rahalahy Jackson, raha sitrakao.

64-0823E Fanontaniana Sy Valiny #2
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org